NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • APRILY 2020

# Liahona




## ILAY Kristy Velona SY NY Famerenana amin'ny laoniny EO AN-DALAM-PITOHIZANA

Filoha Nelson: Ny hoavin'ny Fiangonana, pejy 6

Ny toerana misy anao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana, pejy 18

Ny Paska ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, 24, 28

## TAFAORINA ETO NY FIANGONANA

# Nairobi Kenya






SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

Noho ny fitohizan'ny Famerenana amin'ny laoniny dia hita manerana izao tontolo izao ny filazantsara. Ohatra iray maneho ny fitomboan'ny Fiangonana any Afrika i Kenya.

mpikambana — 14.143

2 — tsatòka

vondrom-piangonana — 48

1 — misiôna

ivon-toeran'ny tantaram-pianakaviana — 5

78 — isan-jaton'ny mponina no Kristianina

**1979** Nisy olona voalohany avy eo an-toerana niditra ho mpikamban'ny Fiangonana.

**1988** Nisy fifandian-kanina manokana natao mba hanangonam-bola ho fanampiana tanàna miisa 15 nianjadian'ny hain-tany.

**2001** Naorina ny Tsatòkan'i Nairobi.

**2020** Efa miasa araka ny tokony ho izy tanteraka ireo biraon'ny Vondrom-paritra ao Nairobi, izay manompo mpikambana miisa 100.000 ao amin'ireo firenena miisa 18 any Afrika afovoany.








**Ny hoavin'ny Fiangonana**
*Filoha Russell M. Nelson*
6



**Manompo amin'ny ala-lan'ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany**
14



**Ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana**
*Loholona LeGrand R. Curtis Zanany*
18



**Midika inona amiko ny Paska?**
28

# 200 taona niposaham-pahazavana

200 taona lasa izay, ary tsara ery ny andro tamin'izay, dia niditra tao anaty ala kely iray ny tovolahy iray izay nanam-pikasana ny hikatsaka famelan-keloka sy hivavaka mikasika ny fiangonana izay tokony hidirany ho mpikambana. Fantany avy amin'ny fahitana mahagaga iray fa tsy nisy tamin'izy ireo izay tokony hidirany ho mpikambana. Izay no nanamarika ny fiantombohan'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, izay dingana miantoana eo an-dalam-pitohizana amin'izao andro iainantsika izao.

Mankalaza ny 200 taona niposaham-pahazavana isika ato amin'ity laharana ity:

- Ny Filoha Russell M. Nelson dia mampianatra ny fomba hanomanan'ny fanangonana an'i Isiraely eo amin'ny lafiny roan'ny voaly antsika sy ny hafa amin'ny Fiavian'ny Tompo fanindroany (pejy 6).
- Ny Loholona LeGrand R. Curtis Zanany dia mampiseho ny fomba nitondran'ny Olomasin'ny Andro Farany anjara biriky tamin'ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana, sy ny fomba ahafahantsika tsirairay avy mitondra anjara biriky amin'izany (pejy 8).
- Ho an'ny zatovo dia mizara fahamarinana dimy azontsika ianarana avy amin'ny Fahitana Voalohany ny Loholona Neil L. Andersen (pejy 52).

Eo am-pianarantsika lesona avy amin'ny tenin'ny mpaminanintsika sy ireo tantaran' Olomasina mahatoky, dia enga anie isika mba hahazo ilay fahalalana azon'ny Mpaminany Joseph 200 taona lasa izay: fa misy ny Ray Any An-danitra sy i Jesoa Kristy ary olona velona izay tia antsika Izy Ireo. Ary andeha isika hizara izany fahalalana izany amin'ireo namantsika sy ny mpiara-monina amintsika.

Amim-pitiavana,
Loholona Randy D. Funk ao amin'ny Fitopololahy
Mpamoaka ny gazetibokin'ny Fiangonana

# Votoatiny


**5 Ireo Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tao anatin'ireo taona maro nifandimby**

**6 Ny hoavin'ny Fiangonana**
*Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson*
Manomana izao tontolo izao ho amin'ny fiverenan'ny Mpamonjy Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

**12 Fanehoana ny finoana**
**Berglind Guðnason**
Rehefa lasa tsy zaka intsony ny fitolomany tamin'ny harerahan-tsaina, dia niresaka momba ny zava-tsarotra niainany i Berglind, ary nanampy azy mba ho sitrana ny Ray any An-danitra.

**14 Ireo fitsipika momba ny fanompoana**
**Manompo amin'ny alalan'ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany**
Manome antsika fomba maro hanompoana ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, mialoha sy mandritra ary aorian'ny faran'ny herinandro hanatanterahana ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.

**18 Ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana**
*Nosoratan'ny Loholona LeGrand R. Curtis Zanany*
Nanomboka tao amin'ny Ala kely Masina 200 taona lasa izay ny Famerenana amin'ny laoniny, ary mbola mitohy izany ankehitriny.

**24 Nanana fanantenana ny amin'ny fiavian'i Kristy izy ireo, ary afaka ny hanana fanantenana toy izany koa isika**
*Nosoratan'i Mindy Selu*
Afaka manana fanantenana ny amin'ny Fiavian'i Kristy fanindroany isika, tahaka ireo mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

**28 Avia, hanaraka Ahy: Bokin'i Môrmôna**
Ampiasao ireto lahatsoratra fampiasa isan-kerinandro ireto mba hanatsarana ny fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna amin'ity volana ity.


**32 Ny feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany**
Nanome fanomezana sarobidy ny zanany vavy ny raim-pianakaviana iray. Nampahatsiahivina ny amin'ny famindram-pon' Andriamanitra ny renim-pianakaviana malahelo iray. Nieritreritra ny hasarobidin'ny fanahy iray ny rahavavy iray. Nanampy ny fianakaviany ny finoana nananan'ny zazalahy iray.

**36 Lesona avy amin'ny Bokin'i Môrmôna**
**Fiovam-po mahery vaika**
*Nosoratan'ny Loholona Kyle S. McKay*
Rehefa mibebaka isika dia afaka miteraka fiovam-po mahery vaika ao anatintsika ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.

**40 Manatsara ny zavatra iainantsika any amin'ny tempoly**
*Nosoratan'ny Fiadidiana Voalohany*


Lahatsoratra fohy: Fanampiana amin'ny Avia, hanaraka Ahy


Fanampiana amin'ny *Avia, hanaraka Ahy*




**Eo amin'ny fonony**
Sary nalain'i Stefano Cirianni

# Fizarana


## Tanora
42
Ny tanora dia **ampahany manandanja ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana.**
Fantaro ny fomba ahafahanao manampy!



## Zatovo
50
Ny Fahitana Voalohany dia **porofon'ny fitiavan' Andriamanitra** an'ireo zanany, indrindra fa ireo izay mitady Azy.



## Ankizy
*Namana*
Tafaverina amin'ny laoniny ny Fiangonan'i Jesoa Kristy!



## LAHATSORATRA HO AN'NY NOMERIKA IHANY, VOLANA APRILY



**Mihazona anao tsy handroso ve ny lasanao?**
*Nosoratan'i Jeff Bates*

Zarain'ny tanora iray ny fomba ahafahana manampy antsika handroso amin'ny alalan'ny fanasana an'i Jesoa Kristy ho ao amin'ny fiainantsika.



**Hafahafa tamiko ny nampiasa ny anarana fenon'ny Fiangonana saingy tsy nanenenana izany**
*Nosoratan'i Lauri Ahola*

Zarain'ny tanora iray ny fomba nanampian'ny fanarahana ny torohevitry ny Filoha Nelson azy mba hizara amin'ny fomba tsara kokoa ny filazantsara.



**Mahita fifaliana amin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo**

Mizara ny fomba handraisan'izy ireo anjara amin'ny Famerenana amin'ny laoniny izay eo an-dalam-pitohizana ireo tanora manerana izao tontolo izao.

## MITADIAVA MISIMISY KOKOA

Ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile sy ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org, ianao dia afaka:

- Mitady ny laharan'ny gazetiboky Liahona amin'ity volana ity.
- Mahita ireo votoatiny ho an'ny nomerika ihany.
- Mitady ireo laharan'ireo gazetiboky Liahona teo aloha.
- Mandefa ny tantaranao sy ireo fanamarihana ananaanao.
- Misoratra anarana ho an'ny famandrihana na manao famandrihana izay atolotra ho an'olona iray.
- Manatsara ny fandalinana amin'ny alalan'ireo fitaovana nomerika.
- Mizara lahatsoratra sy horonan-tsary tiana indrindra.
- Misintona na manao printy ireo lahatsoratra.
- Mihaino ireo lahatsoratra tianao indrindra.

## RAHA HIFANDRAY AMINAY

Alefaso email amin'ny liahona@ChurchofJesusChrist.org ireo fanontanianao sy fanamarihana tianao atao.

Alefaso ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org ireo tantaranao na alefaso an-taratasy amin'ny alalan'ny paositra amin'ny adiresy:
*Liahona,* floor 23
50 E. North Temple Street
Salt Lake City, UT 84150-0023, USA

**APRILY 2020 BOKY. 20 LAH. 1**
**LIAHONA 16719 654**

Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, Henry B. Eyring

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit W. Gong, Ulisses Soares

**Mpanomana ny Fanontana:** Randy D. Funk

**Mpanorohevitra:** Becky Craven, Sharon Eubank, Cristina B. Franco, Walter F. González, Larry S. Kacher, Jan E. Newman, Adrián Ochoa, Michael T. Ringwood, Vern P. Stanfill

**Tale Mpitantana:** Richard I. Heaton

**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg

**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson

**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr

**Mpanampy amin'ny famoahana:** Camila Castrillón

**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Garrett H. Garff, Jon Ryan Jensen, Aaron Johnston, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Selu, Lori Fuller Sosa, Chakell Wardleigh, Marissa Widdison

**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson

**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Joshua Dennis, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Aleni Regehr, Mark W. Robison, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune

**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters

**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Ira Glen Adair, Julie Burdett, José Chavez, Thomas G. Cronin, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Marrissa M. Smith

**Mpanara-maso alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis

**Talen'ny Fanapariahana:** Troy R. Barker

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:** Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha Fokontany Manarintsoa Est, Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatòna ny mpiandraikitra ny ivon-toerana mpaninjara any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

Ny taratasy sy ny fanontaniana dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ChurchofJesusChrist.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity Liahona, flr. 23, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0023, USA.


Ny Liahona (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniôla, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2020 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny Liahona mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ChurchofJesusChrist.org.

**For Readers in the United States and Canada:** April 2020 Vol. 20 No. 1. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.





# NY FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY TAO ANATIN'IREO TAONA MARO NIFANDIMBY

Amin'izao faha-190 taonany izao, dia fomba fanao hatry ny ela isaky ny aprily sy ôktôbra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, saingy nisy fiovana vitsivitsy mahaliana rehefa nandeha teny ny taona:

## 1830

Roa volana taorian'ny nanorenana ny Fiangonana dia i Joseph Smith no niahy ny fihaonamben'ny Fiangonana voalohany tao Fayette, New York. Mpikambana teo amin'ny 30 teo sy olona hafa maro no nanatrika izany.

## 1850

Namoaka ny tatitra feno voalohany momba ny fihaonambe ny *Deseret News* satria afaka nandika ireo lahateny tamin'ny sorapohy i George D. Watt, izay mpanao gazety tanora iray.

## 1867


Natao nandritra ny efatra andro ny Fihaonamben'ny Fiangonana fa tsy telo andro toy ilay nahazatra satria nisafidy ny mbola hijanona iray andro ankoatra izay ny mpiangona.

## 1924

Izay no fotoana voalohany nampiasana mikrao teny amin'ny polipitra tao amin'ny Tabernakely. Teo aloha dia niantehitra tamin'ny hamafin'ny feony ireo mpandahateny mba handrenesan'ny olona azy ireo.

## 1949

Noho ny fampiasana fakan-tsarimihetsika tao amin'ny Tabernakely dia nampitaina voalohany tamin'ny fahitalavitra ny fihaonambe.



two P. M.

Conference called to order by W. Snow; singing, prayer by W. Snow, singing.


Elder O. Hyde delivered a lecture to the Honorable Chancellor and board of Regents of the University of the State of Deseret, in presence of the Conference, on Education.

Education is not confined to letters only, but to the excluding of all darkness, and when a man has ascended to the summit, he

guage is better than n
If you could bring all t
thors now living, tog
will express their idea
ent words, and they wil
that our language is
yet we have to use tha
have, in order to acco
object which is before
fil the obligations we
one to the other, by u
struments already in ou
A certain portion of
perty ought to be dev







## 1962

Nadika voalohany tamin'ny fiteny hafa tao amin'ny Tabernakely ireo lahateny, dia ny Alema, ny Danoa, ary ny Espaniôla izany. Ankehitriny dia adika amin'ny fiteny mihoatra ny 90 ireo lahateny.

## 1967

Nampitaina tamin'ny fahitalavitra tamin'ny sary maro loko ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Nisalotra palitao manga tanora ireo lehilahy tao amin'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely, ary nanao lobaka miloko saumon ireo vehivavy.

## 1977

Ny fihaonambe izay naharitra telo andro ary nahitana fivoriana maneran-tany miisa enina dia lasa niova ho nandritra ny roa andro ary nahitana fivoriana maneran-tany miisa dimy.

## 2000

Nampiantrano ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany voalohany tao aminy ny Ivontoeran'ny Fihaonambe vaovao ao Salt Lake City, izay nahazaka olona 21,000.

Mba hahitana ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao sy tany aloha dia tsidiho ny **gc.ChurchofJesusChrist.org** na ny fizarana hoe "Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany" ao amin'ny Application Bibliothèque de l'Évangile.





SARY FANEHOANA FITOERANA MITOHATOHATRA NATAON'I DAVID GREEN; SARINA FAHITALAVITRA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES



Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia manomana izao tontolo izao amin'ilay andro izay hahatonga "ny tany ho henika ny fahalalana an'i Jehovah" (Isaia 11:9).

200 TAONA NIPOSAHAM-PAHAZAVANA
1820–2020



**Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson**

# Ny hoavin'ny Fiangonana

## MANOMANA IZAO TONTOLO IZAO AMIN'NY FIAVIAN'NY MPAMONJY FANINDROANY

Mandray anjara amin'ilay Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy eo an-dalam-pitohizana izaho sy ianao. Mahatalanjona ilay izy! Tsy noforonin'olombelona izy io! Fa avy amin'ny Tompo izay nilaza hoe: "Hohafainganiko amin'ny fotoany ny asako" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:73). Io asa io dia mahazo vahana noho ny fanambarana iray nataon' Andriamanitra 200 taona lasa izay. Nahitana teny enina monja izany: "Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!" (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:17).

Io fanambarana izay notononin' Andriamanitra io dia nampahafantatra an'i Joseph Smith kely tamin'i Jesoa Kristy Tompo. Ireo teny enina ireo no nanomboka ny Famerenana ny filazantsarany tamin'ny laoniny. Nahoana? Satria Andriamanitra feno fitiavana ny Andriamanitsika velona! Tiany ireo zanany hahazo ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay! Ilay asa lehiben'ny andro farany izay andraisantsika anjara dia natomboka tamin'ny fotoana maha-mety izany mba hitahiana tontolo iray feno fahoriana izay niandry izany.

Tsy afaka ny hiresaka momba ny Famerenana amin'ny laoniny aho ka hoe tsy hientanentana. Io tranga teo amin'ny tantara io dia tena mahavariana tokoa! Tsy mampino! Mahatalanjona! Tena mahatalanjona tokoa izany hoe iraky ny lanitra no tonga hanome fahefana sy hery ho an'ity asa ity izany.

Ankehitriny dia mandroso haingana dia haingana ny asan'ny Tompo ato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Hanana ho avy tsy mbola nisy toy izany sy tsy manam-paharoa ny Fiangonana. "Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, . . . na inona na inona no efa namboarin' Andriamanitra ho an'izay tia Azy" (1 Korintiana 2:9; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:10).

*AFAKA NY HO AZONTSIKA*, NATAON'I JAY BRYANT WARD, TSY AZO ADIKA

Tadidio fa ny fahafenoan'ny fanompoan'i Kristy dia tanteraka any amin'ny hoavy. Mbola vao hotanterahina ireo faminaniana momba ny Fiaviany fanindroany. Mihamizotra mankany amin'ny fotoana manan-danja indrindra amin'ity fotoampitantanana farany ity isika, dia ilay fotoana tena hitrangan'ny Fiavian'ny Mpamonjy fanindroany.

## Manangona an'i Isiraely eo amin'ny lafiny roan'ny voaly

Zavatra iray tsy maintsy mitranga alohan'io Fiaviana fanindroany io ny fanangonana an'i Isiraely naely patrana izay efa nandrasana hatry ny ela (jereo ny 1 Nefia 15:18; jereo koa ny pejindohatenin'ny Bokin'i Môrmôna). Ity fotopampianaran'ny fanangonana ity no iray amin'ireo fampianarana manan-danjan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nanambara ny Tompo hoe: "Omeko famantarana iray ianareo . . . fa Izaho dia hanangona ny oloko avy amin'ny fielezany ela, Ry mpianakavin'i Isiraely, ary haoriko indray eo anivony i Zionako" (3 Nefia 21:1).

Tsy mampianatra fotsiny izany fotopampianarana izany isika fa mandray anjara amin'izany koa. Manao izany isika rehefa manampy amin'ny fanangonana ireo voafidin'ny Tompo eo amin'ny lafiny roan'ny voaly. Ao anatin'ny tanjona izay efa napetraka fa hiafaran'ny tany sy ny mponina eo aminy, dia ilaina ny hanavotana ireo havantsika efa nodimandry (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:15). Noho ny famindram-po, ilay fanasana mba "hanatona an'i Kristy" (Jakôba 1:7; Môrônia 10:32; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:59) dia azo atolotra ihany koa an'ireo izay maty kanefa tsy nahafantatra ny filazantsara (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:6–8). Ny ampahany amin'ny fiomanan'izy ireo anefa dia mitaky ireo ezaka ataon'ny hafa ety an-tany. Manangona ny sarin'ny rohim-pianakaviana isika, mamorona ireo taratasy ahitana ny vondrompianakaviana, ary manao ny asa atao any amin'ny tempoly amin'ny alalan'ny fisoloan-tena mba hanangonana ireo olona tsirairay ho ao amin'ny Tompo sy ho ao amin'ny fianakavian'izy ireo (jereo ny 1 Korintiana 15:29; 1 Petera 4:6).

Ny fianakaviana dia tokony hofehezina miaraka ho mandrakizay (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:2–3; 49:17; 138:48; Joseph Smith—Tantara 1:39). Tokony hisy rohy matanjaka mampifandray an'ireo ray amin'ny zanaka. Amin'izao androntsika izao dia ilaina

*Tadidio fa ny fahafenoan'ny fanompoan'i Kristy dia tanteraka any amin'ny hoavy.*



*HAMASININA HO AN'I JEHOVAH* NATAON'I JAY BRYANT WARD, TSY AZO ADIKA

*VATOLAMPIN'NY FAMONJENA ANTSIKA*, NATAON'I JAY BRYANT WARD, TSY AZO ADIKA



ny hisian'ny fifamatorana eo amin'ny firaisana feno sy tanteraka eo amin'ireo fotoampitantanana sy ny fanalahidy ary ny hery rehetra (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:18). Noho ireo tanjona masina ireo dia hita maneran-tany ankehitriny ireo tempoly masina. Antitranteriko indray fa mety tsy hampiova ny fiainanareo ny fananganana ireo tempoly fa ny asa fanompoana ataonareo ao amin'ny tempoly kosa anefa dia hampiova izany.

Ho avy ny fotoana izay hampisarahana ireo izay tsy mankatò ny Tompo amin'ireo izay mankatò Azy (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86:1–7). Ny antoka tsara indrindra ananantsika dia ny manohy ho mendrika ny ho tafiditra ao amin'ny tranony masina. Ny fanomezana tsara indrindra azonao omena ny Tompo dia ny mitandrina ny tenanao mba tsy ho voapentimpentin'izao tontolo izao, ary mendrika ny hiditra ao amin'ny tranony masina. Ny fanomezana hatolony anao dia ny fiadanana sy ny fiarovana noho ny fahafantarana fa mendrika ny hihaona Aminy ianao, na rahoviana na rahoviana no hahatongavan'izany fotoana izany.

Ankoatra ny asa atao any amin'ny tempoly, ny fivoahan'ny Bokin'i Môrmôna dia famantarana iray ho an'izao tontolo izao manontolo fa manomboka manangona an'i Isiraely ny Tompo ary manatontosa ny fanekempihavanana nataony tamin'i Abrahama, Isaka ary Jakôba (jereo ny Genesisy 12:2–3; 3 Nefia 21; 29). Ny Bokin'i Môrmôna dia manambara ny fotopampianaran'ny fanangonana (jereo ohatra ny 1 Nefia 10:14). Izy io dia mahatonga ny olona hianatra momba an'i Jesoa Kristy sy hino ny filazantsarany ary hikambana ao amin'ny Fiangonany. Raha ny tena marina, raha tsy nisy ny Bokin'i Môrmôna, dia tsy ho nitranga ny fanangonana an'i Isiraely izay efa nampanantenaina.

*Ny fanomezana tsara indrindra azonao omena ny Tompo dia ny mitandrina ny tenanao mba tsy ho voapentimpentin'izao tontolo izao, ary mendrika ny hiditra ao amin'ny tranony masina.*

Manan-danja lehibe amin'izany fanangonana izany koa ny asa fitoriana ny filazantsara. Mandeha mitory ny Famerenana amin'ny laoniny ny mpanompon'ny Tompo. Efa nandeha nikaroka tany amin'ny firenena maro ireo izay isan'ny Isiraely naely patrana ireo mpikambana sy ireo misiônerantsika. Nihaza azy ireo "[tany] an-tsefatsefaky ny harambato" (Jeremia 16:16) izy ireo, ary efa nanjono azy ireo tahaka ny tamin'ny andro fahiny.

Mampifamatotra ny olona amin'ilay fanekempihavanana nataon'ny Tompo tamin'i Abrahama fahiny ny asa fitoriana.

"Ianao dia ho fitahiana ho an'ny taranakao any aorianao, ka eo antanany no hitondrany ity asa fanompoana ity sy ny Fisoronana ho any amin'ny firenen-drehetra;

"Ary Izaho hitahy azy ireo amin'ny anaranao; fa izay rehetra mandray ity Filazantsara ity dia hantsoina araka ny anaranao ary hisaina ho isan'ny taranakao, ka hitsangana sy hitso-drano anao ho toy ny rainy" (Abrahama 2:9–10).

Fiantombohan'ny fitahiana fotsiny ihany ny asa fitoriana. Ny fahatanterahan'ireo fitahiana ireo sy ny fahatontosany dia tonga eo amin'ireo izay niditra ny ranon'ny batisa sy mandavorary ny fiainany araka ny tokony ho izy mba ho mendrika ny hiditra ny tempoly masina. Ny fahazoana ny fanafiana masina any amin'ny tempoly dia mamatotra ireo mpikamban'ny Fiangonana amin'ny fanekempihavanan'i Abrahama.

Ny safidy mba hanatona an'i Kristy dia tsy resaka toerana fa resaka fanolorantena manokana. Ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonana dia afaka mianoka ny fotopampianarana, ny ôrdônansy, ny fanalahidin'ny fisoronana, ary ireo fitahian'ny filazantsara, na aiza na aiza toerana misy azy. Ny olona dia azo "hoentina ho amin'ny fahalalana ny Tompo" (3 Nefia 20:13) kanefa tsy mila mandao ny tanindrazany.

Marina fa tany am-piandohan'ny Fiangonana dia matetika nidika hoe fifindra-monina koa ny fiovam-po. Saingy ankehitriny dia any amin'ny firenena tsirairay no isehoan'ny fanangonana. Nandidy ny mba



*Mampanantena anareo aho fa rehefa manaraka an'i Jesoa Kristy ianareo dia hahita fiadanana mitohy sy fifaliana marina.*

hanorenana an'i Ziona ny Tompo (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:6; 11:6) any amin'ny fanjakana tsirairay izay natokany mba hahaterahan'ireo Olomasiny sy nanomezany azy ireo ny zom-pireneny. Ny toerana hiangonan'ny Olomasina Breziliana dia any Brezila; ny toerana hiangonan'ny Olomasina Nizeriana dia any Nizerià; ny toerana hiangonan'ny Olomasina Kôreana dia any Kôre. I Ziona dia "ny madio am-po" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:21). Ny toerana rehetra ahitana ny Olomasina izany.

Hiankina mandrakariva amin'ny *fomba* hiainan'ny olona ny fahazoana fiarovana ara-panahy fa tsy amin'ny *toerana* hipetrahan'ny olona. Mampanantena aho fa raha manao izay tsara indrindra vitantsika isika mba hampihatra finoana an'i Jesoa Kristy sy handray ny herin'ny Sorompanavotany amin'ny alalan'ny fibebahana, dia hanana ny fahalalana sy ny herin' Andriamanitra isika mba hanampy antsika hitondra ireo fitahian'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny manerana ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra mba hanampy amin'ny fanomanana an'izao tontolo izao amin'ny Fiavian'ny Tompo fanindroany.

## Ny Fiaviana fanindroany

Hiverina any amin'ny tany izay nohamasinin'ny tamin'ny alalan'ny iraka notontosainy tany nandritra ny fiainany an-tany ny Tompo. Ho avy indray ao Jerosalema toy ny mpandresy Izy. Hiverina ao amin'ilay Tanàna Masina Izy, manao akanjo mena fanaon'ny mpanjaka mba ho tandindon'ny rany, izay nitete teo amin'ny masonkoditra rehetra (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133: 46–48). Any Jerosalema sy any amin'ny toeran-kafa dia "hiseho ny voninahitr'i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiaramahita izany" (Isaia 40:5; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:23). "Ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, [Ny Ray Maharitra Mandrakizay], Ny Andrian'ny Fiadanana" (Isaia 9:5).

Hanapaka avy ao amin'ny renivohitra roan'izao tontolo izao Izy: ao Jerosalema fahiny ny iray (jereo ny Zakaria 14) ary ao Jerosalema Vaovao ny iray hafa izay "haorina eo amin'ny kaontinanta Amerikana" (Ireo Fanekem-pinoana 1:10). Hotarihiny avy any amin'ireo ivon-toerana ireo ny raharahan'ny Fiangonana sy ny fanjakana. Mbola hisy tempoly iray hafa haorina ao Jerosalema. Hanjaka mandrakizay amin'ny maha-Mpanjakan'ny Mpanjaka Azy avy ao amin'izany tempoly izany Izy. Hisy rano hiboika avy ao ambanin'ilay tempoly. Hositranina ny ranon'ny Ranomasina Maty. (Jereo ny Ezekiela 47:1–8.)

Amin'izay andro izay dia hitondra anarana vaovao maro Izy ary ho voahodidin' Olomasina miavaka. Izy dia ho fantatra amin'ny anarana hoe "Tompon'ny tompo sy Mpanjakan'ny mpanjaka . . . , ary haharesy azy koa izay homba Azy, dia

[ho ireo] olona voantso sy voafidy ary mahatoky" (Apokalypsy 17:14) noho ny fahatokiany eto amin'ny fiainana an-tany. Dia "hanjaka mandrakizay mandrakizay" (Apokalypsy 11:15) Izy.

Haverina amin'ny toetran'ny paradisany sy hohavaozina ny tany. Hisy lanitra vaovao sy tany vaovao (jereo ny Apokalypsy 21:1; Etera 13:9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:23–24).

Andraikitsika sy voninahitra ho antsika ny manampy amin'ny fanomanana izao tontolo izao ho amin'izany andro izany.

## Atreho amim-pinoana ny hoavy

Ankehitriny, amin'izao fotoana izao indrindra, dia miaina ao anatin'ny fotoan'ny korontana isika. Ny horohoron-tany, ny tsunami mpandravarava, ny firodanan'ireo fitondram-panjakana, ny fitontonganan'ny toe-karena dia mahery vaika, voahozongozona ny fianakaviana ary miakatra ny tahan'ny fisaraham-panambadiana. Tena manana antony goavana isika hiasana saina. Kanefa tsy tokony havelantsika handresy ny finoantsika ny tahotsika. Afaka miady amin'ny tahotra isika amin'ny alalan'ny fampatanjahantsika ny finoantsika.

Nahoana isika no mila finoana tsy voahozongozona toy izany? Satria efa ho avy ny andro sarotra. Tsy ho fahita firy any amin'ny hoavy ny hahamora na hampalaza izany hoe ho tonga Olomasin'ny Andro Farany mahatoky izany. Hotsapaina avokoa ny tsirairay avy amintsika. Ny Apôstôly Paoly dia nampitandrina fa amin'ny andro farany, ireo izay manaraka amin'ny zotom-po ny Tompo "dia henjehina" (2 Timoty 3:12). Izany fanenjehana izany dia na mety hahalavo anao amin'ny fahalemena tsy re tsaika, na mandrisika anao ho lasa ohatra sy be risi-po eo amin'ny fiainanao andavanandro.

Ny *fomba* fiatrehanao ny fitsapana eo amin'ny fiainanao dia hampivelatra ny finoanao. Tonga aminao ny hery rehefa tsaroanao fa ianao dia manana ny toetra araka an' Andriamanitra, izay lova sarobidy tsy manam-petra. Nampahatsiahy anao, ny zanakao ary ny zafikelinao ny Tompo, fa ianareo dia taranany, ary efa voatokana hatrany an-danitra ny fotoana marina sy ny toerana hahaterahanao, ho lehibe ary ho tonga solontenany sy ho olon'ny fanekempihavanana. Rehefa mamakivaky ny lalan'ny fahamarinan'ny Tompo ianao, dia ho voatahy hanohy hatrany amin'ny hatsarany ary ho hazavana sy ho mpamonjy ny olony (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86:8–11).

Ataovy izay ilaina na inona izany na inona mba hanamafisana orina ny finoanareo an'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fampitomboana ny fahatakaranareo momba ny fotopampianarana ampianarina ao amin'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny sy amin'ny alalan'ny fikatsahana tsy tapaka ny fahamarinana. Noho ianareo miorim-paka mafy ao amin'ny fotopampianarana tsy misy pentina, dia ho afaka ny handroso amim-pinoana sy faharetana tsy tapaka ianareo ka hanao amim-pifaliana ireo zavatra rehetra izay tratry ny herinareo mba hanatanterahana ireo tanjon'ny Tompo.

Hisy ireo andro izay hahakivy anareo. Koa, mangataha risi-po mba tsy hilavo lefona! Mampalahelo fa hamitaka anareo ny sasany amin'ireo izay noheverinareo ho namanareo. Ary ho tsy rariny tsotra izao ny zavatra sasany.

Na izany aza anefa dia mampanantena anareo aho fa rehefa manaraka an'i Jesoa Kristy ianareo dia hahita fiadanana mitohy sy fifaliana marina. Rehefa mitandrina ireo fanekempihavananareo amin'ny antsakany sy andavany hatrany ianareo, sy rehefa miaro ny Fiangonana sy ny fanjakan' Andriamanitra ety an-tany amin'izao fotoana izao, dia hanome anareo tanjaka sy fahendrena ny Tompo mba hanatontosana ny zavatra izay tsy hisy hahavita afa-tsy ny mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany irery ihany.

*Tonga aminao ny hery rehefa tsaroanao fa ianao dia manana ny toetra araka an' Andriamanitra, izay lova sarobidy tsy manam-petra.*

Tokony ho mpanorina ny finoan'ny olona tsirairay an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy Tompo ary ny Fiangonany isika. Tokony hanorina fianakaviana isika ary hofehezina any amin'ny tempoly masina. Tokony hanorina ny Fiangonana sy ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany isika (jereo ny Matio 6:33). Tokony hiomana amin'ny anjarantsika masina isika: dia ny voninahitra, ny tsy fahafatesana, ary ny fiainana mandrakizay (jereo ny Romana 2:7; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 75:5).

Mijoro ho vavolombelona amim-panetrentena aminareo aho fa, araka izay nambaran'ny Mpaminany Joseph Smith, ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny "dia handroso amim-pahasahiana, amim-boninahitra ary tsy hiankina amin-javatra hafa, mandrapanenik'izany ireo kaontinanta rehetra, hitsidihan'izany ny havoana rehetra, handalovany ny firenena rehetra ary hikasihan'izany ny sofina rehetra, ka ho tanteraka ny tanjon' Andriamanitra ary hilaza ilay Jehovah Lehibe hoe vita ny asa" (*History of the Church,* 4:540).

Mirotsaka amin'ny fanaovana ny asan'ilay Andriamanitra Tsitoha isika. Mivavaka aho mba ho amin'ny tsirairay avy aminareo ny fitahiany. ■


FAHANO NY ONDRIKO, NATAON'I JAY BRYANT WARD, TSY AZO ADIKA



# Berglind Guðnason

*Árnessýsla, Islande*





*I Berglind (ankavia) miaraka amin'i Elín rahavaviny (ankavanana). Rehefa tao anatin'ny harerahan-tsaina faran'izay lalina natrehany hatrizay niainany i Berglind, dia nahatsapa ho tsy ho tafavoaka intsony. Nahazo fahasitranana ara-panahy sy ara-pihetsehampo tamin'ny alalan'ireo fitaovana natolotry ny Ray any An-danitra izy rehefa nizara ny olana natrehany tamin'ny fianakaviany sy ireo namany.*

**MINDY SELU, MPAKA SARY**

Tena nanampy ahy ny firesahana mikasika ny harerahan-tsaina nahazo ahy tamin'ny fianakaviako sy ireo namako. Nitondra ihany koa tany amin'ny fahazoana fanampiana bebe kokoa izany. Tsy naniry ny hihinam-panafody sy hanaraka fitsaboana aho. Niteny tamin'ny tenako foana aho hoe: "Manana an' Andriamanitra aho." Manolotra fitaovana maro hafa ho antsika anefa Andriamanitra, toy ny fanafody sy ny fanarahana fitsaboana mba hampiasaina, ankoatra ireo zavatra ara-panahy.

Fony aho tao anatin'ny harerahan-tsaina lalina dia milaza ny olona hoe "ho sitrana ianao." Tena vizana aho naheno izany, saingy ny mahavariana, dia marina izany.

Tsy nieritreritra na oviana na oviana ny ho faly toy ny amin'izao fotoana izao aho. Misy fotoana aho tena mbola mitolona, saingy afaka ny hiatrika izany aho amin'ny alalan'ireo fitaovana nomen'ny Ray any An-danitra ahy. Ankehitriny rehefa mahatsapa ho tafalatsaka ao anatin'ny harehan-tsaina aho dia milaza amin'ny tenako hoe, tiana aho, manana olona hiresahana aho ary ho sitrana.

**HIJERY MISIMISY KOKOA**
Raha te hahita misimisy kokoa momba ny dian'ny finoana nataon'i Berglind ianao, tafiditra ao anatin'izany ireo sary fanampiny, dia jereo ity lahatsoratra ity ao amin'ny internet na ao amin'ny Bibliothèque de l'Évangile ao amin'ny **ChurchofJesusChrist.org/go/42013.**

# Ireo fitsipika momba ny fanompoana

## MANOMPO AMIN'NY ALALAN'NY **FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY**

*Manome antsika fomba maro mba hanompoana, mialoha ny faran'ny herinandro hanaovana ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany sy mandritra izany ary aorian'izany, ireo teny nambara manentana ny fanahy, ireo fomba fanaon'ny fianakaviana ary ireo fampianarana avy amin'ireo mpanompon'ny Tompo rehetra!*

Amin'ny maha-mpampianatra ny kilasy fiomanana hanao asa fitoriana azy ireo, dia mampanao fanamby tsy tapaka an'ireo olona ao amin'ny kilasiny i Susie sy i Tom Mullen mba hanasa olona hijery ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.

"Ampahany iray tanteraka ao amin'ny asa fitoriana ny fanasana olona iray hanao zavatra, ary mihatra amin'ny fanompoana koa izany," hoy izy. "Manao tatitra tsy tapaka mikasika ny vokatr'izany teo amin'izy ireo sy teo amin'ilay olona nasain'izy ireo ny mpianatray."

Ireto dia fomba vitsivitsy nentin'ireo mpianatra nitatitra ny fanoloran-tanana nataon'izy ireo:

- "Nanompo namana iray izay niatrika olana vitsivitsy izahay. Nanasa azy izahay mba hihaino ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany mba hahazoana ny valin'ny fanontaniana nananany. Rehefa nitsidika azy izahay taorian'ny fihaonambe dia nilaza taminay izy fa naheno hevitra maro dia maro izay hanampy."
- Nanao hetsika momba ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany izahay ary nitondra sakafo maivana mba hozaraina ny rehetra. Tena nahafinaritra izany ka nanapa-kevitra izahay fa hanao izany indray."
- "Nanasa namana iray aho mba hiaraka hijery ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amiko. Rehefa niresaka momba izany izahay dia nanapa-kevitra fa hitondra fiara mankany amin'ny trano fiangonana mba hijery izany any. Nataonay izany ary niaina zavatra tena tsara izahay tany!"

Maro ireo fomba hanompoana amin'ny alalan'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany araka ny zavatra nianaran-dry Mullen mivady sy ny mpianatr'izy ireo. Fomba tena tsara mba hizarana ireo teny nambara manentana ny fanahy, ireo fomba fanaon'ny fianakaviana sy hanaovana fifanakalozan-kevitra mafonja ary hizarana ireo fampianarana avy amin'ireo mpanompon'ny Tompo izany!





## Asao ho any an-tranonao ny hafa

*Ny Mpamonjy dia nandidy ireo mpanara-dia Azy mba -hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo- (Jaona 13:34). Noho izany dia mijery ny fomba nitiavany antsika isika. . . . Raha ataontsika ho fakan-tahaka Izy, dia tokony hiezaka foana isika mba hanolotanana mba hampidirana ny olona rehetra." —Filoha Dallin H. Oaks*[1]

**Nahatsikaritra** i Mike ilay mpampianatra isan-tokantranonay mahafinaritra taona maro lasa izay fa solosaina kely iray ihany no nanananay sy ny zanako telo mba hijerena ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. **Tonga dia nanasa** anay izy mba ho tonga any an-tranony mba hiaraka hijery izany aminy sy i Jackie vadiny ary nanamafy izy ireo fa tena tian'izy ireo ny hiaraka hijery izany amin'olona. Tena faly ny zanako nijery ny fihaonambe tamin'ny fahitalavitra tena izy. Tena feno fankasitrahana aho noho ny fahazoana izany fanampiana izany ary nankafizinay rehetra ilay fotoana niarahanay.

Lasa fomba fanao mahazatra ny fiarahana mijery ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany taorian'izay. Na dia nahazo ny fahitalavitray manokana aza izahay dia mbola nandeha tamimpifaliana tany amin-dry Mike sy i Jackie izahay niaraka tamin'ny ondanay sy ny karine ary sakafo maivana hijery ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Ny **Fihainoana miaraka ny tenin'ireo mpaminany** dia nahatonga izany hiavaka kokoa. Lasa toy ny fianakaviana iray izahay. Lasa anisan'ny sasany amin'ireo namako akaiky indrindra i Mike sy i Jackie ary ray aman-drenibe faharoa ho an'ireo zanako. Fitahiana lehibe ho an'ny fianakaviako ny **fitiavana sy ny finamanana** natolotr'izy ireo. Feno fankasitrahana aho noho ny fahavononan'izy ireo hanokatra ny tranon'izy ireo sy ny fon'izy ireo taminay.

**Suzanne Erd, Californie, Etazonia**

### FITSIPIKA HODINIHINA

**"Nahatsikaritra"**
Nanokana fotoana tamim-pitiavana mba hizahana ireo zavatra nilain'ny hafa ny Mpamonjy ary nandray andraikitra teo anatrehan'izany mba hanomezana ireo zavatra nilaina ireo (jereo ny Matio 9:35–36; Jaona 6:5; 19:26–27). Afaka manao toy izany koa isika.

**"Tonga dia nanasa"**
Rehefa avy mahatsikaritra ny zavatra ilain'ireo olona tompointsika isika dia ny mandray andraikitra eo anatrehan'izany no dingana manaraka.

**"Fihainoana ny tenin'ireo mpaminany"**
Tokony "[hi]haona miaraka matetika" (Mrônia 6:5) isika mba hiara-hianatra, hiara-hivoatra ary hiresaka mikasika ireo zavatra ara-panahy izay tena manan-danja ho an'ny fanahintsika. Ilay hira hoe "Andao hihaino ny feon'ny mpaminany sy handre ny tenin' Andriamanitra"[2] dia mety iray amin'ireo fanasana manan-danja indrindra azontsika atolotra an'ireo izay tompointsika.

**"Fitiavana sy finamanana"**
Mba hanampiana sy hitarihana marina ny hafa dia tsy maintsy manorina fifandraisana omban'ny fangorahana sy "fitiavana tsy mihatsaravelatsihy" isika (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41).

## Mizarà zavatra ao amin'ny internet

*"Ireo tambazotran-tserasera dia fitaovana azo ampiasaina amin'ny ankapobeny izay afaka ny hisy fiantraikany amin'ny fomba manokana sy tsara amina olona sy fianakaviana marobe. Ary mino aho fa tonga ny fotoana ho antsika mpianatr'i Kristy hampiasana ireo fitaovana tena tsara ireo araka ny tokony ho izy sy amin'ny fomba mahomby kokoa mba hijoroana ho vavolombelona momba an' Andriamanitra ilay Ray Mandrakizay, sy ny drafitry ny fahasambarana ho an'ny zanany ary momba ny Zanany, dia i Jesoa Kristy, amin'ny maha-Mpamonjy an'izao tontolo izao Azy." —Loholona David A. Bednar*[3]

Manome fahafahana antsika mba **hizara ny filazantsara** amin'izao tontolo izao ny internet. Tiako izany! Mizara asa atao vitsivitsy momba ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aho fa amin'ny ankapobeny dia miezaka manampy ny hafa mba **hanorina fifanakalozan-kevitra** avy amin'ireo lahateny natao nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Ny fahitana fanontaniana avy amin'ny hafa dia matetika afaka manampy antsika hahita zavatra amin'ny fomba vaovao sy afaka ny ho fanombohana fifanakalozan-kevitra tsara mahakasika ireo fanontaniantsika manokana.

Nahita aho fa rehefa **mampiasa fanontaniana** ianao mba hifanakalozana hevitra momba ireo lahateny natao nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany miaraka amin'ireo fianakaviana tompoinao, dia manampy anao izany hahita ny tanjaka ananan'izy ireo ary koa ny zavatra ilain'izy ireo. Ny iray amin'ireo fanontaniana tena tiako ny mametraka azy dia ny hoe, inona araka ny tsapanao no lohahevitra iray avy tao amin'ny fivorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany indrindra?

Manome fahafahana anao foana ny valin'izany mba hahita ny zava-miseho eo amin'ny fiainan'izy ireo sy ny zava-manan-danja ho azy ireo. Manome fahafahana anao mba ho lasa rahalahy na rahavavy mpanompo tsara kokoa izany satria mahita azy ireo mazava kokoa ianao. ■

**Camille Gillham, Colorado, Etazonia**

**FANAMARIHANA**

1. Dallin H. Oaks, "Love and the Law" (video), mormonandgay.ChurchofJesusChrist.org.
2. "Viens écouter la voix de Dieu," *Cantiques,* no. 12.
3. David A. Bednar, "Flood the Earth through Social Media," *Liahona,* Aug. 2015, 50.
4. *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny asa fanompoan'ny misiônera* (2004), 185.

**FITSIPIKA HODINIHINA**

**"Zarao ny filazantsara"**
Nanao fanekempihavanana isika mba "hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zavatra rehetra, ary amin'ny toerana rehetra" (Mozià 18:9).

**"[M]anorina fifanakalozan-kevitra"**
Afaka miteraka fifanakalozan-kevitra mahavariana sy manan-danja ary miompana amin'ny ara-panahy ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Ary ireny karazana fifanakalozan-kevitra ireny dia afaka manamafy orina ny fifandraisanao amin'ny hafa, sy mampitombo ny fijoroana ho vavolombelona anananao ary mitondra fifaliana ho anao! (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:22).

**"Mampiasa fanontaniana"**
"Hanampy anao hahatakatra ireo zavatra mahaliana ny hafa na ny olan'izy ireo na ny fanontaniana ananan'izy ireo ireo fanontaniana tsara. Afaka manatsara ny fampianaranao izany sy manasa ny Fanahy ary manampy ny olona hianatra."[4]





**Nosoratan'ny Loholona LeGrand R. Curtis Zanany**
Fitopololahy Manampahefana Ambony ary mpahay tantaran'ny Fiangonana sy mpanao firaketana

# *Ilay* FAMERENANA LAONINY *eo an-dalam-*



Nanomboka tao amin'ny Ala kely Masina ny Famerenana amin'ny laoniny 200 taona lasa izay ary mitohy amin'izao fotoana izao ary afaka mandray anjara ao anatin'izany izaho sy ianao.

FAMERENANA AMIN'NY LAONINY NY FISORONANA MELKIZEDEKA, NATAON'I WALTER RANE



200 TAONA NIPOSAHAM-PAHAZAVANA
1820–2020

# AMIN'NY

*pitohizana*

Fotoana mahafinaritra sy mampientanentana mba hiainana eto an-tany izao. Manana fahafahana handray anjara ao anatin'ireo zava-mitranga lehibe ao anatin'ny fitantanana ny fotoam-pahafenoana isika ho fiomanana amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy fanindroany.[1] Tsy hoe afaka mahita ny fizotran'ireo zava-mitranga mahavariana ireo fotsiny isika fa afaka mandray anjara ao anatin'izany ihany koa.[2]

Indraindray isika miresaka mikasika ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara toy ireny hoe nitranga indray mandeha daholo izany. Roanjato taona lasa izay dia nanomboka ilay dingana miantoana ny Fahitana Voalohany, saingy mazava ho azy fa tsy tapitra teo amin'izany akory ny Famerenana amin'ny laoniny. Ny asan'ny Tompo tamin'ny alalan'i Joseph Smith sy ireo mpiara-miasa taminy dia nitohy niaraka tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna, ny famerenana ny fisoronana, ny fananganana ny Fiangonana, ny fanirahana misiônera, ny fanorenana tempoly, ny fananganana ny Fikambanana Ifanampiana sy ny sisa. Ireo zava-nitranga tao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny ireo dia nanomboka tamin'ny 1820 ary nitohy nandritra ny fiainan'i Joseph Smith.

Na dia mahatalanjona aza ireo zavatra nambaran' Andriamanitra tamin'ny alalan'i Joseph Smith, dia tsy vita tanteraka nandritra ny fotoana niainan'i Joseph akory ny Famerenana amin'ny laoniny. Tamin'ny alalan'ireo mpaminany taoriany dia nandray zavatra isika toy ny fitohizan'ny fampivelarana ny asa atao any amin'ny tempoly; ireo soratra masina fanampiny; ny fandikana ny soratra masina amin'ny fiteny maro; ny fitondrana ny filazantsara manerana izao tontolo izao; ny fananganana ny Sekoly Alahady, ny Zatovovavy, ny Kilonga, ary ireo kôlejin'ny fisoronana; ary ireo fanovana maro dia maro mikasika ny rafitry ny Fiangonana sy ny fampandehanana izany.

"Vavolombelon'ny fizotry ny famerenana amin'ny laoniny isika," hoy ny Filoha Russell M. Nelson. "Raha mihevitra ianareo fa efa naverina tamin'ny laoniny tanteraka ny Fiangonana dia tsy izay satria mbola ny fiantombohany ihany no hitanareo. Mbola betsaka tokoa no ho avy. . . . Miandrasa ny taona ho avy. Ary avy eo ny taona manaraka aorian'izay. Mihinàna otrikaina.

NY FANIRIAN'NY FOKO (FAHITANA VOALOHANY), NATAON'I WALTER RANE

*Nomen' Andriamanitra fahafahana lehibe mba hitana andraikitra manan-danja ao anatin'ity asa ity isika.*

Matoria tsara. Fa hampientanentana izy ity."[3]

Mifandray amin'izay fanambaran'ny Filoha Nelson mikasika ny fitohizan'ny Famerenana amin'ny laoniny izay dia nahita fanovana manan-danja maro isika tao amin'ny Fiangonana hatramin'izay nahafiloha an'izany azy. Anisan'izany ny fanambarana ny rafitr'ireo kôlejin'ny fisoronana, ny fanoloan'ny fanompoana ny fampianarana sy famangiana isan-tokantrano, ary ny fametrahana ny fomba fandalinana ny filazantsara izay mifantoka amin'ny ao an-tokantrano ary tohanan'ny Fiangonana.[4] Nisy fanovana maro nitranga nanomboka tamin'izay ary mbola maro ny ho avy.


I Samuel Smith izay misiônera tany am-piandohana, mizara Bokin'i Môrmôna iray

### Ohatra iray any Afrika Andrefana

Nisy fiantraikany teo amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananako momba ilay fananan'ny Famerenana amin'ny laoniny endrika mitohy hatrany ireo dimy taona nanompoako tao amin'ny Fiadidian'ny Vondrom-paritra Afrika Andrefana. Nanana fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara aho hatramin'ny nahazatovolahy ahy. Saingy rehefa niaina tany Afrika aho dia nifanerasera tamin'ny sasany tamin'ireo Afrikanina tandrefana voalohany izay nanaiky ny filazantsara. Nahita ny fivelaran'ny Fiangonana haingana nanerana ny kaontinanta koa aho, niaraka tamin'ny fitsanganan'ireo paroasy sy tsatòka an-jatony, ny fitsanganan'ireo tempoly sy trano fiangonana izay nihafeno hipoka mpikambana mahatoky, izay vehivavy sy lehilahy tsara nandray tamin'ny fon'izy ireo iray manontolo ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Niseho teo imasoko ny fahatanterahan'ny faminanian'i Joseph Smith fa ny Fiangonana dia "hameno an'izao tontolo izao."[5]

Nanampy ahy indray andro tao amin'ny Tempolin'i Accra Ghana i James Ewudzie sy i Frederick Antwi izay roa tamin'izany mpikambana mahatoky izany. Taona maro lasa talohan'ny nahatongavan'ireo misiônera Olomasin'ny Andro Farany tany Ghana, dia anisan'ny tao anatin'ilay vondron'olona miisa 1000 izay nampiasa ny Bokin'i Môrmôna sy ireo fitaovana hafa an'ny Fiangonana tany amin'ny fivoriampiangonan'izy ireo i James. Nivavaka ny mba hahatongavan'ilay andro izay hahatongavan'ny Fiangonana ao Ghana izy ireo. Niaraka tamina tovolahy hafa izy nanao dia nanerana an'i Ghana sy nampianatra ny filazantsara araka ny hita ao amin'ireo bokintsika. Vao tonga ireo misiônera tamin'ny 1978, dia natao batisa tamin'ny andro voalohany nanatanterahana ireo batisan'ny Olomasin'ny Andro Farany tany Ghana izy.


I Fred Antwi, mpikamban'ny Fiangonana mpamaky lay ao Ghana

Tamin'ny voalohandohan'ny fotoana nahampikambana an'i Fred dia nanatrika fandevenana havana iray izay mpitarika foko iray izy. Fantany rehefa tonga tany izy fa nikasa ny hanao azy ho ilay mpitarika vaovao ny fianakaviana. Noho ny fahafantarany fa hahatonga azy hanao zavatra mifanohitra amin'ireo zavatra inoany ao amin'ny filazantsara ny toerana toy izany, dia niala haingana izy taorian'ny fandevenana ary nandà ilay toerana izay mety nanome toerana ambony sy harena ho azy.

Raha vao avy natokana ny Tempolin'i Accra, dia samy nanao dia naharitra adiny efatra mandroso fotsiny i James sy i Fred isan-kerinandro mba hahafahan'izy ireo mirotsaka ho mpiandraikitra ao amin'ny tempoly. Rehefa nanatanteraka ôrdônansy niaraka tamin'izy ireo aho, dia henik'ireo zavatra fonosin'ny tantara izay nanodidina ahy aho. Noho ny fahafantarana fa izy roalahy ireo dia nisolo tena ny tantaran'ny Fiangonana tany Afrika dia nahatsapa aho fa toy ny nitovy tamin'ny fananana an'i John Taylor na i Wilford Woodruff na ireo mpikamban'ny Fiangonana tany am-piandohana niaraka tamiko nanao ireo ôrdônansy koa izany.

Ny zavatra hitako sy niainako ary tsapako tany Afrika Andrefana dia tafiditra ao anatin'ny zavatra nolazain'ny Tompo tamin'i Enoka fa hitranga: "Fahamarinana no haidiko avy any an-danitra; ary ny marina no halefako avy eto an-tany mba ho vavolombelona manambara ny Lahitokako; . . . ary fahamarinana sy marina no hasaiko mipaoka ny tany toy ny amin'ny tondradrano, ka hanangona ny olom-boafidiko avy amin'ny vazan-tany efatra" (Mosesy 7:62).

Nahita ny fahamarinana sy ny marina niely hangaina nanerana ny kaontinanta Afrikanina aho sy ny olom-boafidy izay voangona tany amin'izany faritr'izao tontolo izao izany. Nitombo ny fijoroana ho vavolombelona nananako momba ny Famerenana amin'ny laoniny satria nahita izany ampahany manan-danja ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny izany nitranga teo imasoko aho.

Izaho koa dia nahita zavatra hafa mikasika ny fitohizan'ny Famerenana amin'ny laoniny:

SAMUEL SMITH: ILAY MISIÔNERA VOALOHANY, NATAON'I SAM LAWLOR

finoana mivaivay sy tanjaka ara-panahy eo anivon'ireo mpikambana Afrikanina. Naheno ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôsôtôly Roambonifolo aho nilaza hoe: "Tsy any Ohio ihany no misy an'i Kirtland [izay toerana niainan'ireo Olomasin'ny Andro Farany tany amin'ny taona 1830 sy ireo taona taorian'izany]. Any Afrika koa izany." Maro ireo olona miditra ho mpikamban'ny Fiangonana any Afrika izay manana fototra amin'ny zavatra ara-panahy mahery vaika niainan'izy ireo manokana. Ireo mpikambana vaovao ireo dia mitondra tanjaka ara-panahy sy filàna fianarana misimisy kokoa ny filazantsara. Ho azy ireo dia mitohy amin'ilay heviny izay miantefa amin'ny tena manokana ny Famerenana amin'ny laoniny. Rehefa mianatra bebe kokoa mikasika ny Fiangonana izy ireo dia mitohy misokatra eo imason'izy ireo ireo fahamarinan'ny filazantsara. Marina ihany koa izany ho antsika rehetra rehefa manohy mampivelatra ny fahalalantsika mikasika ny filazantsara isika.

### Fomba telo hitondrana fanampiana ao anatin'ny Fameranana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana

Nomen' Andriamanitra fahafahana lehibe mba hitana andraikitra manan-danja ao anatin'ity asa

Tompo hoe "olon'ny fanekempihavanako" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:36) ihany koa. Manao fanekempihavanana amin' Andriamanitra isika ary lasa anisan'ny olon'ny fanekempihavanany amin'ny alalan'ny batisa, ny fandraisana ho mpikambana, ny fanasan'ny Tompo, ny Fisoronana Melkizedeka ary ireo ôrdônansin'ny tempoly.

**Ny fomba faharoa ahafahantsika mandray anjara ao anatin'ilay Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana dia amin'ny alalan'ny fanatanterahana ireo antso nomena**

*Zatovo milahatra mba hiditra ao amin'ny Tempolin'i Accra Ghana*



ity isika. Niteny ny Tompo fa "ny vatan'[ny Fiangonana] koa dia mila ny rantsambatana tsirairay" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:110). Manana fahafahana handray anjara ao anatin'ity Famerenana amin'ny laoniny mitohy ity ireo mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonana. Ahoana no fomba hanaovantsika izany?

**Ny fomba iray handraisantsika anjara dia amin'ny alalan'ny fanaovana sy fitandremana ireo fanekempihavanana masina.** Tsy misy tanjona ireo ôrdônansy, tafiditra ao anatin'izany ireo ôrdônansin'ny tempoly, raha tsy tena manao ary avy eo mitandrina ireo fanekempihavanana mifandray amin'ireo ôrdônansy ireo ny olona. Ny Rahavavy Bonnie D. Parkin, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany teo aloha dia nampianatra hoe: "Ny fanaovana fanekempihavanana dia fanehoana fo feno fahavononana ary ny fitandremana ireo fanekempihavanana dia fanehoana fo feno fahatokiana."[6]

Tsy hoe manomana ny tenantsika ho amin'ny fiainana mandrakizay fotsiny isika amin'ny alalan'ny fanaovana sy fitandremana ireo fanekempihavanana fa manampy amin'ny fanomanana sy ny fampatanjahana ireo izay antsoin'ny antsika sy ireo asa nampiandraiketina antsika. Izay no fomba handrosoan'ny Fiangonana. Mampianatra ny filazantsara an'ireo ankizy sy zatovo ary olon-dehibe ireo mpampianatra be fanolorantena. Mikarakara ireo mpikambana tsirairay ao amin'ny Fiangonana ireo rahavavy sy rahalahy mpanompo. Manome torolalana ho an'ireo tsatòka, distrika, paroasy, sampana, kôlejy, rafitra, kilasy ary vondrona ireo fiadidiana sy episkôpà. Mikarakara ireo zatovovavy sy zatovolahy ireo mpitarika ny zatovo. Mirakitra izay fampahalalana manan-danja ireo mpitamboky sy mpitantsoratra izay avy eo voarakitra any andanitra, ary misy olona maro hafa manatanteraka ireo anjara asa manan-danja eo amin'ny fanomanana ny olona ho amin'ny fiainana mandrakizay sy ny Fiavian'ny Mpamonjy fanindroany.

**Ny fomba fahatelo ahafahantsika mandray anjara ao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny dia amin'ny alalan'ny fitondrana fanampiana eo amin'ny fanangonana an'i Isiraely.** Efa ampahany manan-danja ao amin'ilay asa izany hatrany am-piandohan'ny Famerenana amin'ny laoniny. Araka ny nampianarin'ny Filoha Nelson dia manana fahafahana sy andraikitra mba hanampy

*Araka ny nampianarin'ny Filoha Nelson dia manana fahafahana sy andraikitra mba hanampy amin'ny fanangonana izay miseho eo amin'ny lafy roan'ny voaly isika.*


amin'ny fanangonana izay miseho eo amin'ny lafy roan'ny voaly isika. Tao anatin'ny lahateny famaranana nozarainy nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany voalohany tamin'ny naha-Filohan'ny Fiangonana azy dia nilaza tamin'ny teny fohy ny Filoha Nelson hoe: "Ny hafatsika ho an'izao tontolo izao dia tsotra sy avy amin'ny fo: manasa ny zanak' Andriamanitra rehetra eo amin'ny lafy roan'ny voaly isika mba hanatona ny Mpamonjy azy ireo, handray ireo fitahian'ny tempoly masina, sy hanana fifaliana maharitra, ary ho mendrika ny hahazo ny fiainana mandrakizay."[7]

Asa fitoriana no dikan'ny hoe fanangonana an'i Isiraely eto amin'ity lafy irain'ny voaly ity. Isika rehetra izay afaka manao asa fitoriana amin'ny fotoana feno dia tokony handinika tsara izany tombontsoa izany. Raisiko ho toy ny fitahiana lehibe ny fahafahana nanao asa fitoriana tany Italie, ka mbola kely ny Fiangonana tany tamin'izany fotoana izany. Nivory tao anatina efitrano nofaina ireo sampanay ary nanantena izahay fa mba hisy tsatòka sy paroasy tany indray andro any. Nahita ireo mpamaky lay be herim-po niditra ho mpikamban'ny Fiangonana aho ary nametraka fototra ho an'ny fanangonana an'i Isiraely tao amin'izany tany mahafinaritra izany.

fitoriana daholo ary nanohy nanompo tao amin'ny Fiangonana hatramin'izay.

Nanao asa fitoriana koa i Agnese sy i Sebastiano ka filohan'ny misiôna i Sebastiano. Rehefa nanao asa fitoriana fanindroany tany Italie aho, 25 taona lasa taorian'ilay voalohany, dia afaka nahita ny zavatra nataon-dry Caruso mianakavy sy ireo mpamaky lay hafa mba hampivelarana ny fanjakan' Andriamanitra tany. Niasa mba hanorina ny Fiangonana izaho sy ireo misiônerako, ary nanonofy ny mba hisian'ny tempoly iray haorina any Italie indray andro any. Alaivo sary an-tsaina ny fifaliako noho ny

*Ny Loholona sy Rahavavy Curtis miaraka amin'ireo olona sasany ao amin'ny fianakavian-dry Caruso*



Ny iray tamin'izy ireo dia i Agnese Galdiolo. Nahatsapa tamin'ny fomba mahery vaika ny Fanahy izahay rehetra rehefa nampianarina ireo lesona zarain'ny misiônera izy. Kanefa na dia nahatsapa izany Fanahy izany aza izy dia fantany fa handà mafy mba tsy hanaovana batisa azy ny fianakaviany. Nisy fotoana anefa, heniky ny Fanahy izy ka nanaiky ny hatao batisa. Saingy niova hevitra izy ny maraina tokony hanaovana batisa azy. Tonga aloha tao amin'ny efitrano nofaina izay tokony hanaovana batisa azy izy ary niteny taminay fa noho ny famoretana ataon'ny fianakaviana aminy dia tsy afaka manao izany izy.

Nanaiky ny hiresahanay mandritra ny minitra vitsivitsy izy nialoha ny handehanany. Nandeha tany amin'ny efitrano fianarana iray izahay izay nandrosoanay hevitra ny mba hiarahana mivavaka. Rehefa nandohalika izahay dia nangataka azy mba hanao ny vavaka. Nitsangana tamindranomaso izy taorian'ny vavaka ary nilaza hoe: "Eny ary e! Hatao batisa aho." Natao batisa izy minitra vitsy taorian'izany. Nanambady an'i Sebastiano Caruso izy ny taona nanaraka izany ary nanan-janaka efatra izy ireo izay nanao asa

*Nandritra ny batisan'i Agnese Galdiolo*



fananantsika ny Tempolin'i Rome Italie amin'izao fotoana izao.

Vitsy ireo fifaliana azo oharina amin'ny fifaliana avy amin'ny asa fitoriana. Tena fitahiana lehibe ny hoe teraka ao anatin'ny fotoana iray izay ahafahantsika mandray anjara amim-pifaliana ao anatin'ny Fameranana amin'ny laoniny izay eo an-dalam-pitohizana amin'ny alalan'ny fitondrana fanampiana eo amin'ny fanangonana an'i Isiraely!

Mazava ho azy fa tsy ny misiônera manompo amin'ny fotoana feno ihany akory no mahatsapa ny fifaliana avy amin'ny fanaovana asa fitoriana. Afaka manampy isika tsirairay eo amin'ny fampidirana ho mpikambana na fampahavitrihana an'ireo anabavintsika sy rahavavintsika na ireo rahalahintsika sy anadihintsika amin'ny alalan'ny fiarahana miasa akaiky amin'ireo misiônera manompo amin'ny fotoana feno. Manana fahafahana ny hanangona an'i Isiraely isika amin'ny alalan'ny fanasana ny hafa mba ho tonga sy hizaha ary amin'ny alalan'ny finamanana amin'ireo izay ampianarina.

**Amin'ny alalan'ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny asa momba ny tantaram-pianakaviana no hitondrantsika fanampiana eo amin'ny fanangonana an'i Isiraely any amin'ilay lafy**

I Eliza R. Snow, mpitarika tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana tany am-piandohana



**iray hafan'ny voaly.** Andraikitra masina nomena antsika ny fanatanterahana izany asa izany nandritra ny taona maro. Talohan'ny fahafatesan'i Joseph Smith, dia nanatanteraka batisa ho an'ny maty ireo Olomasina ary vitsivitsy no nandray ny fanafiana masina sy natao famehezana. Nanomboka nisy bebe kokoa ny fanafiana masina ho an'ny velona rehefa vita ny Tempolin'i Nauvoo. Nanomboka tany amin'ireo tempoly tany Utah koa ireo fanafiana masina sy famehezana ho an'ireo razambe.

Nahatakatra ny maha-zava-dehibe izany ampahan-javatra ao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny izany i Eliza R. Snow, izay mpandray anjara mavitrika tao anatin'izany dingan'ny Famerenana amin'ny laoniny izany. Nandany fotoana maro tao amin'ny trano fanatanterahana ny fanafiana masina izy ka nanampy tamin'ny fanatanterahana ôrdônansy tao.[8] Nandritra ny fitsidihana iray ny Fikambanana Ifanampiana tamin'ny 1869, dia nampianatra ireo rahavaviny izy hoe: "Nieritreritra momba ilay asa lehibe hotanterahintsika aho, anisan'izany ny fitondrana fanampiana eo amin'ny famonjena ny velona sy ny maty. Te ho . . . mpiara-miasa azo ianteheran' Andriamanitra sy ireo Olona masina isika."[9]

Ary mazava ho azy fa nitombo izaitsizy ny fahafahana manatanteraka ôrdônansin'ny tempoly noho ny fanorenana tempoly maro manerana izao tontolo izao, ary mbola maro no ho avy.

*Amin'ny alalan'ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny asa momba ny tantaram-pianakaviana no hitondrantsika fanampiana eo amin'ny fanangonana an'i Isiraely any amin'ilay lafy iray hafan'ny voaly.*

Afaka ny ho anisan'ny andraikitsika tsy tapaka ao anatin'ilay fandraisantsika anjara ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny eo andalampitohizana ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny asa momba ny tantaram-pianakaviana, amin'ny alalan'ireo fitaovana izay eo am-pelatanantsika amin'izao fotoana izao. Liana sy nandray anjara tamin'ny asa momba ny tantaram-pianakaviana aho nandritra ny taona maro, fa ireo fitaovana en ligne anefa dia nampitombo tokoa ny fahombiazako teo amin'ny fitondrana anaran'ny fianakaviana any amin'ny tempoly. Manana fahatsiarovana masina aho izay ahitana ahy mipetraka eo amin'ny latabatra tao amin'ny trano fonenanay tany Ghana ary mitady ny anaran'ireo razambeko Eorôpeana izay azonay sy ny vadiko entina any amin'ny Tempolin'i Accra Ghana. Nanaraka anay tany amin'ireo toerana hafa nandefasana anay izany fahafahana manao zavatra mahafaly izany.

Tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith no nanombohan' Andriamanitra ilay lamina arahina momba ny "fanatontosana ny famerenana amin'ny laoniny ny zava-drehetra nolazain'ny vavan'ny mpaminany masina rehetra, hatramin'ny niandohan'izao tontolo izao" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:6). Izany famerenana amin'ny laoniny izany dia nitohy hatramin'izao noho Andriamanitra "izay [manambara] ankehitriny" sy "mbola hanambara zavatra lehibe sy manan-danja maro mikasika ny Fanjakan' Andriamanitra" (Fanekem-pinoana 1:9). Feno fankasitrahana lalina aho noho ny fahafahantsika mandray anjara ao amin'ilay Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalampitohizana. ■

*"Raha mihevitra ianareo fa efa naverina tamin'ny laoniny tanteraka ny Fiangonana dia tsy izay satria mbola ny fiantombohany ihany no hitanareo. Mbola betsaka tokoa no ho avy."*

*—President Nelson*

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Efesiana 1:10; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:13.
2. Jereo ny Daniela 2:35–45; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65.
3. Russell M. Nelson, in "Latter-day Saint Prophet, Wife and Apostle Share Insights of Global Ministry," Oct. 30, 2018, newsroom.ChurchofJesusChrist.org.
4. Jereo ny "Torolalana manentana ny fanahy," *Liahona,* mey 2019, 121.
5. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 137.
6. Bonnie D. Parkin, "With Holiness of Heart," *Liahona,* Nov. 2002, 103.
7. Filoha Russell M. Nelson, "Ndao handroso hatrany," *Liahona,* mey 2018, 118–19. Ho famerenana izany hevitra izany dia nilaza ny Filoha Nelson nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany herintaona taty aoriana hoe: "Enga anie isika mba hanokana sy hamerina hanokana ny fiainantsika amin'ny fanompoana an' Andriamanitra sy ireo zanany—eo amin'ny lafy roan'ny voaly" ("Lahateny famaranana," *Liahona,* mey 2019, 112).
8. Naorina tao Temple Square ny trano fanatanterahana fanafiana masina teo an-dalam-panorenana ny Tempolin'i Salt Lake. Ny trano fanatanterahana fanafiana masina izay natokana tamin'ny 1855 dia nampiasaina mba hanatanterahana ôrdônansin'ny tempoly hatramin'ny 1889.
9. Eliza R. Snow, address to Lehi Ward Relief Society, Oct. 27, 1869, Relief Society Minute Book, 1868–79, Church History Library, 26–27.

# NANANA FANANTENANA

## TAO AMIN'NY FIAVIAN'I KRISTY IZY IREO ARY AFAKA MANANA IZANY KOA ISIKA

Nanana fanantenana ireo mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna fa ho avy i Kristy. Rehefa mamaky ny tenin'izy ireo isika dia afaka manana izany fanantenana ny amin'ny hiaviany indray izany koa.

**Nosoratan'i Mindy Selu**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Inona no teny tonga ao an-tsaina rehefa mieritreritra ny Bokin'i Môrmôna ianao?

Nefita, Lamanita ary ireo -ita hafa?

Ady, tany foana, loza?

Fibebahana, fanavotana, fahamarinana?

Jesoa Kristy?

Fanantenana?

Ny Paska no fotoana tena tsara hisaintsainana indray ny hafatra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ny tena manan-danja indrindra tokony hosaintsainina dia ilay hafatra fa i Jesoa no Kristy, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Ho afaka amintsika amin'ny farany ireo fijalian'ny vatana sy ny fanahy noho ny Aminy. Hafahana amin'ny fahafatesana sy ny fahotana isika amin'ny farany noho ny Aminy. Afaka mandresy ireo zavatra ratsy rehetra izay atorak'izao tontolo izao ety amintsika isika.

Raha tsorina dia afaka manana fanantenana isika.

Ny fanantenana, ilay fanantenana marina mifototra amin'i Jesoa Kristy, dia namporisika ireo mpaminany fahiny mba hanao firaketana teo amin'ireo takela-bolamena izay lasa ny Bokin'i Môrmôna. Hoy i Jakôba amintsika hoe: "Satria noho izany fikasana izany no efa nanoratanay ireto zavatra ireto dia ny hahazoany mahafantatra fa izahay dia nahalala ny amin'i Kristy, ary *nanananay ny fanantenana ny voninahiny* taon-jato maro talohan'ny fiaviany" (Jakôba 4:4; nampiana fanamafisana).

Tian'i Jakôba ho fantatsika fa izy sy ireo mpaminany mpanao firaketana hafa dia nahafantatra ny fiavian'i Kristy. Taonjato maro talohan'ny fiaviany! Ary voaentana mba hanana izany fanantenana izany izy ireo tamin'ny alalan'ny tenin'ireo mpaminany izay novakin'*izy ireo*. Nanazava i Jakôba hoe, "ary tsy izahay ihany no nanana ny fanantenana ny voninahiny fa ny mpaminany masina rehetra koa izay talohanay.

"Indro, nino an'i Kristy izy ireny sy nidera ny Ray tamin'ny Anarany, ary izahay koa dia midera ny Ray amin'ny Anarany. . . .

"Koa, manadihady ny mpaminany ary manana fanambarana maro sy ny fanahin'ny faminaniana izahay; ary satria manana ireo vavolombelona rehetra ireo izahay dia manjary mahazo fanantenana, ary ny finoanay dia tsy voahozongozona" (Jakôba 4:4–6; jereo koa ny 1 Nefia 19:21; Jakôba 7:11; Môzià 3:13; Helamàna 8:16).

Ny fanantenana azon'izy ireo avy amin'ny zavatra niainan'izy ireo manokana sy avy amin'ireo faminaniana novakian'izy ireo tao amin'ny soratra masina dia nanomana azy ireo amin'ilay andro hiavian'i Kristy. Mamporisika antsika torak'izany koa ireo mpaminany amin'izao fotoana izao mba hiomana amin'ny fiavian'i Kristy indray. Raha te hanana izany fanantenana izany isika dia mila koa "manadihady ny mpaminany, ary [mikatsaka ny hanana] fanambarana maro sy ny fanahin'ny faminaniana." Ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo mikasika an'i Jesoa Kristy dia tsy hampatanjaka ny antsika fotsiny fa hanampy antsika koa hiomana amin'ny Fiaviany.

*ILAY FITSIDIHANA*, SARY HOSODOKO NATAON'I JORGE COCCO SANTANGELO



## Lehia

"Noho izany, dia manan-danja lehibe ery ny fampahafantarana ny mponina eto an-tany ireo zavatra ireo mba hahafantarany fa tsy misy nofo izay afaka mitoetra eo anatrehan' Andriamanitra raha tsy noho ny fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'ny Mesia Masina izay manolotra ny ainy araka ny nofo sy maka izany indray amin'ny herin'ny Fanahy mba hahazoany manatanteraka ny fitsanganana amin'ny maty ka Izy no santatra izay hitsangana amin'ny maty."
**2 Nefia 2:8**

## Nefia

"Ary miresaka an'i Kristy isika, mifaly amin'i Kristy, mitory an'i Kristy, maminany ny amin'i Kristy, ary manoratra araka ny faminaniantsika mba hahafantaran'ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany."
**2 Nefia 25:26**



GETSEMANE, MANOME TSODRANO NY ANKIZY, AZA MIKASIKA AHY, JORGE COCCO SANTANGELO

## Almà

"Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; ary izany dia ny mba hahatanteraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin'ny Olony Izy.

"Ary haka ny fahafatesana ho eo Aminy Izy, mba hahazoany mamaha ny famatoran'ny fahafatesana izay mamatotra ny olony; ary haka ny rofiny ho eo Aminy Izy mba hahatonga ny ao anatiny ho feno famindram-po araka ny nofo, mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany araka-raka ny rofiny."

**Almà 7:11–12**

## Amioleka

"Ary izany sorona lehibe sady farany izany dia ho ny Zanak' Andriamanitra, eny, tsisy fetra ary mandrakizay.

"Ary dia toy izany no hitondrany famonjena ho an'ireo rehetra izay hino ny anarany; izany no anton'ity sorona farany ity, dia ny hahatanteraka ny kibon'ny famindram-po, izay mandresy ny fahamarinana ary mitondra fitaovana ho an'ny olona mba hahazoany manana finoana ho amin'ny fibebahana.

"Ary arak'izany, ny famindram-po dia afaka manefa ny fitakian'ny fahamarinana sy mamihina azy ireo amin'ny sandrin'ny fiantohana, fa izay tsy mampihatra finoana ho amin'ny fibebahana kosa dia mankahatra ny lalàna manontolon'ny fitakian'ny fahamarinana, koa ho an'izay manana finoana ho amin'ny fibebahana ihany no tanterahina ny drafitry ny famonjena lehibe sy mandrakizay."

**Almà 34:14–16**

## Samoela ilay Lamanita

"Fa indro, tsy maintsy ho faty marina tokoa Izy mba hahatongavan'ny famonjena; eny, takiana Aminy ary zary ilaina ny hahafatesany mba hahatanteraka ny fitsanganan'ny nodimandry amin'ny maty, fa amin'izany no hahazoana mitondra ny olona ho eo anatrehan'ny Tompo.

"Eny, indro, izany fahafatesana izany dia manatanteraka ny fitsangananana amin'ny maty sy manavotra ny olombelona rehetra amin'ny fahafatesana voalohany—ilay fahafatesana ara-panahy; fa ny olombelona rehetra, noho ny fahalavoan'i Adama, dia nesorina teo anatrehan'ny Tompo ary heverina ho toy ny maty raha ny amin'ny zavatra ara-nofo sy ny zavatra ara-panahy.

"Nefa indro, ny fitsanganan'i Kristy amin'ny maty dia manavotra ny olombelona, eny, dia ny olombelona rehetra, sy mitondra azy hiverina eo anatrehan'ny Tompo."

**Helamàna 14:15–17**

# Mpanjaka Benjamîna

"Ary hantsoina hoe Jesoa Kristy Izy, Ilay Zanak' Andriamanitra. . . .

"Ary indro tonga any amin'ny azy Izy mba hahatongavan'ny famonjena amin'ny zanak'olombelona, noho ny finoana ny anarany; . . .

"Ary hitsangana amin'ny maty Izy amin'ny andro fahatelo. . . .

"Fa indro, ary ny rany koa dia manonitra noho ny fahotan'ireo izay efa lavo noho ny fandikan-dalàn'i Adama, izay efa maty tsy nahalala ny sitrapon' Andriamanitra momba azy ireo, na izay efa nanota tao amin'ny tsy fahalalana."

**Môzià 3:8–11**





# Môrmôna

"Fantaro fa tsy maintsy tonga amin'ny fahalalana ny razanareo ianareo ary mibebaka amin'ny fahotanareo sy ny helokareo rehetra sy mino an'i Jesoa Kristy, fa Izy no Zanak' Andriamanitra, ary novonoin'ny Jiosy Izy, ary tamin'ny herin'ny Ray no efa nitsanganany indray, tamin'izany no efa nahazoany fandresena tamin'ny fasana; ary tao Aminy koa dia voatelina ny fanindronan'ny fahafatesana.

"Ary Izy no manatanteraka ny fitsanganan'ny nodimandry amin'ny maty, ka amin'ny alalan'izany no tsy maintsy ananganana ny olona hijoro eo anoloan'ny toeram-pitsarany.

"Ary Izy no efa nanatanteraka ny fanavotana izao tontolo izao, ka tamin'izany, izay hita tsisy tsiny eo anoloany amin'ny andro fitsarana dia homena azy ny hitoetra eo anatrehan' Andriamanitra ao amin'ny fanjakana mba hihira, miaraka amin'ny amboaram-peo any ambony, ny fankalazana tsy an-kiato ho an'ny Ray sy ho an'ny Zanaka ary ho an'ny Fanahy Masina, izay Andriamanitra iray ao amin'ny toetry ny fahasambarana izay tsy manam-piafarana."

**Môrmôna 7:5–7** ■

Avia, hanaraka Ahy:
**BOKIN'I MÔRMÔNA**

30 MARTSA–12 APRILY

## Paska

# Midika inona amiko ny Paska?

Ankalazaintsika amin'ny Paska "ny andro manan-danja indrindra ara-tantara"[1] dia ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika tamin'ny maty. Ivon'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any An-danitra izany zava-nitranga izany.

Voafidy tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana mba ho Mpamonjy antsika i Jesoa Kristy. Nampanantena Izy fa hanolotra fomba mba hahavoavela ny fahotantsika sy mba hiverenantsika any amin'ilay fonenantsika any an-danitra.

Nanatanteraka ilay fampanantenany i Jesoa tamin'izany maraina voalohan'ny Paska izany. Nandresy ny fahafatesana Izy. Vokatr'izany dia "Izy no fahazavana sy fiainan'izao tontolo izao; eny, fahazavana tsisy fiafarany izay tsy azo hamaizinina na oviana na oviana; eny, ary koa fiainana izay tsisy fiafarany mba tsy hisian'ny fahafatesana intsony" (Môzià 16:9).

Inona avy ireo fitahiana entin'ny Fitsanganana amin'ny maty ho anao?

**FANAMARIHANA**
1. Dieter F. Uchtdorf, "Indro ny lehilahy!" *Liahona,* mey 2018, 108.
2. Russell M. Nelson, "Eo am-pandrosoantsika miaraka," *Liahona,* apr. 2018, 7.

**Fibebahana**
Manontany antsika tsirairay i Jesoa Kristy hoe: "Tsy mba te hiverina Amiko va ianareo sy hibebaka amin'ny fahotanareo, ary hiova fo hahazoako manasitrana anareo?" Mampanantena Izy hoe: "Na zovy na zovy no ho avy, dia Izy no horaisiko" (3 Nefia 9:13–14). Inona no tsapanao rehefa mibebaka ianao?





SARINA LISY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES







**Fitsanganana amin'ny maty**

Tsy azo ihodivirana ny fahafatesana saingy ny fandresen'ny Mpamonjy ny fahafatesana dia manome antoka antsika fa hitsangana amin'ny maty ny rehetra, ka hakambana indray ao amin'ny endriny tomombana ny fanahy sy ny vatana (jereo ny Almà 11:43). Ahoana no ahafahan'ny Fitsanganana amin'ny maty mitondra fanantenana ho anao?

**Fiainana mandrakizay**

Manome fahafahana ny hahazoana ny fiainana mandrakizay na ny fisandrantana ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Tsy maintsy mankatò ireo didy isika mba hahazoana izany fitahiana izany. Nantsoin'ny Filoha Russell M. Nelson hoe "ny lalan'ny fanekempihavanana"[2] ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Inona no tsy maintsy ataontsika mba hanarahana izany lalana mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay izany?



*ILAY MPIANDRY ONDRY TSARA, ILAY ANDRO NANJOMBONA TEO GOLGOTA,* ARY *NY LOHALIKA REHETRA DIA HANDOHALIKA,* NATAON'I J. KIRK RICHARDS
*ILAY FASANA AN-JARIDAINA FOANA,* NATAON'I STEVE HART

HERINADRO **1-2**

13–19 APRILY

## Môzià 1–3

# Nahoana ny Mpanjaka Benjamina no manasa antsika mba ho lasa tahaka ny ankizy?

Efa nisy fotoana ve nahatsapanao fa nihanalefaka ny fonao rehefa nandinika ankizy iray ianao? Matetika ny ankizy no miresaka avy amin'ny fo sy maneho fitiavana ary milaza ny finoany amin'ny fomba tsotra. Nampianatra ny Mpamonjy hoe: "Koa na zovy na zovy no hanetry tena tahaka [ny] zazakely, dia izy no ho lehibe indrindra amin'ny fanjakan'ny lanitra" (Matio 18:4).

Izany no mety ho antony iray nangatahan'ny Mpanjaka Benjamina ny vahoakany mba hanaisotra ny maha-olona araka ny nofo ary ho tonga tahaka ny ankizy (jereo ny Môzià 3:19).

Ahoana no fomba hahatongavantsika tahaka ny ankizy? Ampiasao ny Môzià 3:19 mba hamenoana ireo banga amin'ireo teny nampiasain'ny Mpanjaka Benjamina mba hamaritana ny olona iray manana toetra tahaka ny ankizy.

1.____________________


2.____________________

3.____________________

4.____________________

5.____________________

6.____________________



*Ny fahatongavana tahaka ny ankizy kely dia manome fahafahana antsika mba hanakaiky kokoa an'i Kristy sy hiaina ilay fifaliana amin'ny fahatongavana ho Olomasina amin'ny alalan'ny Sorompanavotany.*





**HERINANDRO**

**3**

**FIFANAKALOZAN-KEVITRA**

Mitadiava toetra tahaka ny an'ny ankizy ao anatin'ireo olona be herim-po tianao indrindra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ahoana no fomba ahafahanao manaraka ny ohatra nasehon'izy ireo?

SARY NATAON'I BRYAN BEACH

*NY FANOMPOANA AN' ANDRIAMANITRAREO*, NATAON'I WALTER RANE

20–26 APRILY

## Môzià 4–6

Antsoina amin’ny anarana maro ny olona ao amin’ny Bokin’i Môrmôna, ary ny Nefita, ny Lamanita, ary ny Antia-Nefia-Lehia dia vitsivitsy amin’izany fotsiny. Ny Mpanjaka Benjamina anefa dia naniry ny hiantsoana ny vahoakany tamin’ny anarana manan-danja sy masina kokoa, dia ny anaran’i Jesoa Kristy izany.

Izao no fomba azontsika hihazonana ny anaran’ny Mpamonjy ho “voasoratra mandrakariva ao am-po[ntsika]” (Môzià 5:12):

**FIFANAKALOZAN-KEVITRA**
Inona no ataonao isan’andro mba hakana antoka fa mihazona ny anaran’i Kristy ho voasoratra ao am-ponao ianao?



# Midika inona ny hoe manana ny anaran’i Kristy voasoratra ao am-pontsika?

**FANEKEMPIHAVANANA AMIN’NY ALALAN’NY BATISA**
Rehefa atao batisa isika dia manao fanekempihavanana amin’ Andriamanitra ny hitondra eo amintsika ny anaran’i Kristy. Inona no dikan’izany araka ny eritreritrao? (Jereo ny Môzià 18:8–9.)

**MANDRAY NY FANASAN’NY TOMPO**
Didina isika ny handray amim-pahamendrehana ny fanasan’ny Tompo isan-kerinandro. Mandritra ny fanasan’ny Tompo dia manavao indray ny fanekempihavanantsika mba hitondra eo amintsika ny anaran’i Jesoa Kristy isika (jereo ny Môrônia 4:3).

**MITONDRA TENA TOY NY MPIANATR’I KRISTY**
Mitaky ny hitandremantsika ny didy ireo fanekempihavanana nataontsika. Tokony hahitana taratra ny fanirìantsika hanaraka an’i Kristy sy ho tonga tahaka Azy ny asa ataontsika. Raha manao izany isika dia afaka ny ho antsoina amin’ny anarany hatrany. Toy izany no fomba ahafahantsika *mihazona* ny anaran’i Kristy ho voasoratra ao am-pontsika (jereo ny Môzià 5:12).

HERINANDRO
4

SARY NATAON’I BRYAN BEACH

# Tsodrano ihany no hany azoko nomena

Nahavita ny fianarako tao amin'ny sekoly mampianatra momba ny lalàna aho nanodidididina ny fankazalana voalohany ny tsingerintaona nahaterahan'ny zanako vavy. Niandrandra fatratra ny fankalazana ny fahazoako ny mari-pahaizana sy ny fankalazana ny tsingerintaona nahaterahan'ny zanakay vavy ary ireo fahafahana manao zavatra vaovao izay ho avy aminay izahay, saingy tsy nisy nizotra araka ny nandrafetana azy izany.

Tsy nanana asa aho fotoana fohy taorian'ny nahazoako ny mari-pahaizako ary sahirana tamin'ny fitadiavana asa. Veti-vety foana dia tonga ny olana ara-bola. Na ny hanao fankalazana tsotsotra ny tsingerintaona nahaterahana aza dia ho sarotra.

Nanaiky ny toe-javatra niainanay izahay taorian'ny fifampiresahana maro teo aminay sy ny vadiko. Tsy mora ho ahy amin'ny maha-ray ahy ny tsy fahafahana nividy na dia fanomezana tsotra iray ho an'ny zanako vavy ary tsy mora ho ahy ny nahita ny vadiko diso fanantenana.

Tsy takatry ny saiko ny zavatra nitranga. Nivavaka sy nangataka tamin'ny Ray any An-danitra aho mba hanampy ahy hahatakatra ny zavatra andrasany amiko. Tampoka teo, naheno ireto teny manaraka ireto aho toy ireny nisy feo iray niteny tao an-tsaiko ireny: "Manana zavatra sarobidy kokoa noho ny fananana ara-nofo eto amin'ity tany ity ianao. Mihazona ny fisoronana ianao. Fanomezana tsara kokoa inona noho ny tsodranon'ny fisoronana indray no azonao atolotra ny zanakao vavy?"

Nanganohano aho rehefa nieritreritra ny lanjan'ny fisoronana ho ahy. Feno fankasitrahana ny foko rehefa nandinika fa ny fisoronana no hery afaka mampiray ny fianakaviako mandrakizay.

Nozaraiko tamin'ny vadiko izany fahatsapako izany. Nolazaiko taminy fa ny fanomezana tsodrano ny zanakay vavy no hany azoko atolotra. Samy nanapa-kevitra izahay fa hitondra fifaliana sy fiadanana ho azy izany ary ho ampy.

Nitondra mofomamy sy fanaingoana tsotra ireo namana sy havana ary mpifanolobodirindrina tamin'ny andro fankalazana ny tsingerintaona nahaterahan'ny zanakay vavy. Feno fankasitrahana izahay nankalaza izany andro miavaka izany niaraka tamin'ireo olona tianay. Napetrako teo amin'ny lohan'ny zanako vavy ny tanako tamin'io hariva io ary nomeko tsodrano izy. Nomeko azy ny tsodrano rehetra izay nasain'ny Fanahin'ny Tompo nolazaiko.

Mbola mandalo fotoam-piovana sy fotoan-tsarotra izahay mahakasika ny tsy fananana asa sy ny lafiny ara-bola. Saingy na dia ao anatin'ny alahelo sy ny fahadisoam-panantenana aza, dia tonga eo amintsika amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika ny fiadanana sy ny fampaherezana. Tsy isalasalako fa fitahiana ny mahampikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany miaraka amin'ny fananana ny herin'ny fisoronana. Izany no hany azoko nomena ny zanako vavy tamin'ny tsingerintaona nahaterahany ary nihoatra noho ny ampy izany. ■

**Jonathan Mafra Sena de Santana, Santa Catarina, Brésil**



*Naheno an'izao aho, toy ireny nisy feo iray niteny tao an-tsaiko ireny: "Manana zavatra sarobidy kokoa noho ny fananana ara-nofo eto amin'ity tany ity ianao."*

SARY NATAON'I ALLEN GARNS

# Nampahatsiahy ahy ilay vorona kely


26 taona aho tamin'ny namoizanay mivady ny zanakay voalohany. Nahitana fivontosana tao amin'ny atidohany i Kennedy raha vao mbola 13 volana monja. Taorian'ny fandidiana anankitelo, chimiothérapie in-dimy ary fanomezana fanafody sy fitsaboana maro dia nodimandry teo antsandrinay izy rehefa feno 20 volana.

Kivy tanteraka aho noho ny famoizako an'ilay zanako vavy kely tsara tarehy tia karokaroka sy feno fahavitrihana. Nahoana no nitranga izany? Ahoana no ahafahako mandroso? Nanana fanontaniana maro tokoa aho saingy tsy nisy nahitam-baliny. Andro maromaro taorian'ny fandevenana dia nitsidika ilay fasana izaho sy ny vadiko, izay mbola rakotra voninkazo mavokely tsara tarehy sy fehin-damba tamin'ny fandevenana.

Raha teo am-pieritreretana ny zanako vavy aho dia nahita vorona kely mbola kely loatra ka tsy afaka manidina izay nitsambikimbikina teo amin'ny bozaka. Nampahatsiahy ahy an'i Kennedy ilay vorona satria tia biby izy. Nitsambikina nankeo amin'ilay fasana ilay vorona ary nilalao an'ireo fehin-damba sy voninkazo. Nitsiky aho noho ny fahafantarako fa io vorona io mihitsy no ho tian'i Kennedy hananana. Nitsambikina nankeny amiko avy eo ilay vorona. Tsy sahy nanetsika na dia hozatra iray aho. Nitsambikina teo akaikiko mihitsy ilay vorona kely ary niankina teo amin'ny tongotro, dia nanakimpy ny masony ary resin-tory.

Tsy haiko loatra ny manazava ny zavatra tsapako tamin'izay fotoana izay. Nahatsapa ho toy ireny nahazo fihina avy amin'i Kennedy ireny aho. Tsy afaka namihina ny zanako vavy aho, saingy io vorona kely io, izay zavatra noharian'ny Raintsika any Andanitra, dia afaka nanatona sy nampandry ny loha keliny teo amiko, izay nampahatsiahy ahy fa nahatakatra ny fanaintainako ny Ray any An-danitra ary ho eo foana hampahery ahy sy hanampy ao anatin'izany fitsapana izany.

Hoy ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Rehefa tsy afaka manome ny fampaherezana ilaintsika ireo teny . . . , rehefa tsy afaka manolotra fahatakarana an-tsaina an'ireo tsy rariny miseho eo amin'ny fiainana ny rafipisainana sy ny fanamarinana, . . . ary rehefa toy ny hoe irery tanteraka isika, dia tena hahazo fitahiana amin'ny alalan'ny halehiben'ny famindrampon'ny Tompo isika," *Liahona,* May 2005, 100).



*Raha teo am-pieritreretana ny zanako vavy aho dia nahita vorona kely mbola kely loatra ka tsy afaka manidina izay nitsambikimbikina teo amin'ny bozaka ary nanatona ahy.*

Mbola tsy nahazo ny valin'ireo fanontaniako rehetra aho, saingy io halehiben'ny famindram-po io dia nanome toky ahy fa izaho sy i Kennedy dia samy tian'ny Raintsika any An-danitra ary amin'ny alalan'ny sorona fanavotan'i Jesoa Kristy Zanany dia manana fanantenana aho fa hiaraka indray amin'ny mahafianakaviana iray izahay mivady sy i Kennedy. ■

**Laura Linton, Utah, Etazonia**

SARY NATAON'I CAROLYN VIBBERT



# Sarobidy kokoa noho ny haba volafotsy

*Indray maraina dia hitako fa tsy teo ny haba volafotsiko. Nalahelo mafy aho satria sarobidy tamiko io haba io.*

Rehefa nangatahina hitarika fifanakalozan-kevitra tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana aho momba ny fanasana nataon'ny Mpamonjy mba hamahana ny ondriny, dia nanapa-kevitra fa raha te hamporisika ireo rahavavy aho dia tokony hanao zavatra ho an'ny iray amin'ireo ondriny.

Nangoniko ny herim-poko dia nanasa rahavavy malaindaina iray aho hiaraka amiko hamonjy ny fiarahamientan'ny Fikambanana Ifanampiana. Nanaiky ny fanasako izy ary nahafinaritra ny fotoana niarahanay. Tsapako fa ohatra tsara izany, ary maika ery aho ny hizara ny zavatra niainako. Saingy mbola nanana zavatra maro hampianarina ahy ny Tompo.

Indray maraina raha iny aho niomana nisolo akanjo iny, dia hitako fa tsy teo ny haba volafotsiko. Fanomezana nomena ahy tamin'ny tsingerintaona nahaterahako io haba io fony aho nanao fitsidihana tany Frantsa, ka dia manan-danja manokana ho ahy izany. Nanomboka nikaroka ilay izy teny amin'ireo toerana tena tokony hisy azy aho, saingy tsy nahita. Niteny anakam-po aho hoe raha mivavaka fotsiny aho dia hahita haingana ilay habako.

Rehefa avy nivavaka aho dia nitady izany tamin'ny toerana rehetra. Nandritra ny roa andro aho dia nivavaka tamin'ny finiavana ary nitady mafy ilay izy. Nitalaho tamin'ny Ray any Andanitra aho mba hanampy ahy hitady izany, saingy tsy mbola nahita ihany. Nalahelo mafy aho satria sarobidy tamiko io haba io.

Indray alina dia niara-nivavaka tamiko teo an-tsisin'ny fandriako ny zanako lahy. Rehefa avy nivavaka izahay dia naka zavatra iray izy ary natolony ahy ilay izy. Ilay habako izany! Hitany tao ambany fandriana ilay izy. Mety tsy voajeriko tamin'ny fikarohana nataoko izany. Latsa-dranomasom-pifaliana aho fa hitako indray ilay izy.

Tampoka teo dia nisy fahatsapana tonga tato amiko hoe: "Moa ve ianao mivavaka mafy toy izany ho an'ireo rahavavinao ao am-piangonana? Sarobidy aminao tahaka ilay habanao ve izy ireo? Ary ahoana ny amin'ireo rahavavinao any ivelan'ny Fiangonana? Mivavaka ho azy ireny koa ve ianao?"

Rehefa nizara ny zavatra niainako tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana momba ilay haba tsy hita aho dia tsara ery ny fifanakalozan-kevitra nataonay. Nolazaiko an'ireo rahavavy fa izaho dia nianatra fa rehefa mangataka antsika hamahana ny ondriny ny Mpamonjy dia tokony hotadidintsika fa "lehibe ny hasarobidin'ny olona eo imason' Andriamanitra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10). Tiany hiraharaha ireo olona manodidina antsika isika ary hitia sy hikarakara ary hivavaka amin'ny herintsika rehetra ho azy ireo. Rehefa manao izany isika dia ho hitantsika fa sarobidy lavitra noho ny haba volafotsy ny olona tsirairay. ■

**Sylvie Houmeau, Quebec, Kanadà**

SARY NATAON'I EMILY LUI

# “Hitanareo ve ny zavatra vitan’ny finoana kely fotsiny?”

*Nidina haingana ilay lalana izahay raha iny nanatona anay haingana iny ilay oram-baratra. “Andao hivavaka,” hoy ny zanakay faralahy.*

Fotoana maromaro lasa izay dia nentinay mivady tany Frantsa ireo zanakay roalahy farany mba hitety ireo faritra nanompoako fony aho misiônera nanompo tamin’ny fotoana feno. Nitsidika ireo sampan’ny Fiangonana izay nanompoako izahay ary niara-paly tamin’ireo mpikambana izay nampianariko. Nitsidika toerana manan-tantara ihany koa izahay.

Ny toerana iray dia ny sisa tavela tamin’ny Château de Châlucet. Io lapaben’ny mpanjaka izay goavana naorina tamin’ny taonjato salasala io dia nisy nanafika ary saika rava tanteraka taonjato maro lasa izay. Rakotra zavamaniry ny manodidina ilay trano rava, ary tery sy mideza ny lalana mankeny. Sahirana izahay niakatra teny, saingy tsy nanenenana ny ezaka natao rehefa tonga teny izahay.

Tian’ireo zanakay lahy ny niakatra nankeny amin’ilay efi-tranomaizina tamin’izany fotoana izany sy ny nihanika nankeny amin’ny sisa tavela tamin’ny rindrin’ilay lapabe. Variana tamin’ilay lapabe izy ireo, tahaka ny nahavariana ahy tamin’izany ihany koa 24 taona talohan’izay.

Raha mbola teny izahay dia nahatazana oram-baratry ny fahavaratra niforona tery lavitra tery. Nanatona haingana ilay izy. Nanenika ny lanitra ny rahona mainty sy ny tselatra, izay nodimbiasan’ny kotroka nidoboka mafy.

Nidina haingana ilay lalana izahay ary nihazakazaka hamonjy ny fiara raha iny nanatona anay haingana iny ilay oram-baratra. Vetivety dia hotsaky ny orambe nivatravatra izahay ary lasa fotaka ilay lalan-tany. Nanahy izahay hoe sao dia halama ny lalana ary hianjera teo amin’ilay lalana mideza vatovatoina izahay.

Nahita toerana hialofana teo amin’ireo hazo teo amoron’ilay lalana izahay. Nifampisisisisika teo amin’ilay toeram-pialofana izahay ary nametrapanontaniana hoe hafiriana no tsy maintsy hiandrasanay mba hidinana ilay lalana indray.

“Andao hivavaka,” hoy ny zanakay faralahy.

Nangataka ny hanao izany izy ary nivavaka mba hitsaharan’ny orana mba hahafahanay midina soa aman-tsara an’ilay tendrombohitra. Nijery anay izy dia niteny hoe: “Mila manam-pinoana fotsiny isika izao.”

Nanazava aho fa tsy voatery hivaly amin’izany fomba izany foana ny vavaka.

“Tsia,” hoy izy, “hitsahatra io afaka 10 minitra!”

Rehefa afaka 10 minitra teo ho eo dia nitsahatra ny orana.

“Andao handeha amin’izay!” hoy Izy.

“Raha miala eto isika izao dia ho avy indray ny orana, dia ho voafandrika isika,” hoy ilay zanakay lahy zokiny.

“Tsy ho avy io!” hoy ny zanakay faralahy namaly. “Andao handeha!”

Nandeha teo amin’ny ampahany maina tamin’ilay lalana izahay sady nihazona ireo kirihitra sy rantsana rehefa nandeha. Nony tafaverina teny amin’ny fiara dia nanolotra vavaka fankasitrahana izahay. Vetivety dia nanomboka avy indray ny orana.

“Hitanareo ve ny zavatra vitan’ny finoana kely fotsiny?” hoy ilay zanakay tamim-panetrentena.

Nampianatra lesona tena tsara ho anay rehetra izy tamin’izay andro izay. ■

**Godfrey J. Ellis, Washington, Etazonia**




SARY NATAON’I © GARY ALPHONSO, I2IART.COM





**Nosoratan'ny Loholona Kyle S. McKay**
Ao amin'ny Fitopololahy



# Fiovam-po mahery vaika

Noho ny Fahalavoan'i Adama dia tafiditra teto amin'izao tontolo izao ny aretina sy ny fahotana. Samy mety hahafaty daholo izy roa ireo eo amin'ny sehatra misy azy tsirairay avy. Amin'ny aretina rehetra dia tsy misy tena miparitaka na mandripaka toy ny homamiadana angamba. Any amin'ny firenena sasany dia mihoatra ny iray ampahatelon'ny mponina no ho voan'ny karazana homamiadana, ary izany no miteraka efa saika ho ny iray ampahaefatry ny fahafatesana rehetra.[1] Matetika ny homamiadana no manomboka amin'ny sela iray, izay tena kely tokoa ka amin'ny mikrôskôpy ihany no ahafahana mahita azy. Saingy afaka mitombo sy miparitaka haingana izany.

Manaraka fitsaboana ireo mararin'ny homamiadana mba hampisindàna ny homamiadana. Ny fisindàna tanteraka dia midika fa tsy hita soritra intsony ilay aretina. Ireo matihanina anefa dia tsy misalasala manazava fa na dia mety hoe ao anatin'ny fisindàn'ny aretina aza ireo marary, dia tsy voatery midika izany hoe sitrana izy.[2] Noho izany, na dia mitondra fahamaivamaivanana sy fanantenana aza ny fisindàn'ny aretina, dia manantena zavatra mihoatra ny fisindàn'ny aretina foana ireo mararin'ny homamiadana: manantena ny ho sitrana izy ireo. Araka ny loharanom-pahalalana iray, "Mba hanambarana fa sitrana tamin'ny homamiadana ny olona iray, dia mila miandry ilay olona mba hahitana raha hiverina indray ilay homamiadana, ka noho izany dia ny fotoana no singa manan-danja indrindra hamaritana izany. Raha ao anatin'ny fisindàn'ny aretina hatrany ilay marary ao anatin'ny taona vitsivitsy, dia mety sitrana ilay homamiadana. Ny homamiadana sasany dia mety hiverina indray aorian'ny taona maro nisindàn'ny aretina."[3]

Ny fahotana dia mandoto, mampalemy, ary avy eo dia mamono ny fanahy. Ny fahotana no antony lehibe indrindra, ary ny hany antony raha ny tena marina, mahatonga ny fahafatesana ara-panahy.

Ny fibebahana no fitsaboana ny fahotana.

## Aretina sy fahotana

Tahaka ny maha-zava-doza ny homamiadana ho an'ny vatana no maha-zava-doza ny fahotana ho an'ny fanahy. Mazàna ny fahotana no miantomboka amin'ny zavatra kely, ary indraindray dia faran'izay bitika ka sarotra ny mahatsikaritra azy, saingy afaka mitombo haingana izany. Mandoto ilay izy, dia mampalemy, ary avy eo dia mamono ny fanahy. Izy io no antony lehibe indrindra, ary ny hany antony raha ny tena marina, mahatonga ny fahafatesana ara-panahy eo amin'ny zavaboary rehetra. Ny fibebahana no fitsaboana ny fahotana. Ny fibebahana dia mahomby 100 isanjato amin'ny fametrahana ilay mpanota ao anatin'ny famelana, na amin'ny fitondrana ho amin'ny famelana ny fahotana. Mitondra

fahamaivamaivanana sy fifaliana ho an'ny fanahy io famelana io. Ny fahazoana famelana ny fahotana sy ny tsy fahitana intsony ny soritsoritr'ilay fahotana sy ny vokatr'izany dia tsy voatery midika fa efa sitrana tanteraka ilay mpanota. Misy zavatra mikasika ny fon'ny olona lavo izay mamela ny hanaovana ota na atahorana hilefitra amin'ny ota. Noho izany dia mety mbola hiverina ny ota, na dia aorian'ny taona maro nahazoana famelana aza. Ny fijanonana ao anatin'ny famelan-keloka, na raha lazaina amin'ny teny hafa, ny fihazonana ny famelana ny fahotana dia tena manan-danja amin'ny fahasitranana tanteraka.

### Voadio sy sitrana

Ity fanoharana ity dia manampy antsika hahatakatra fa eo amin'ny ara-panahy dia tsy vitan'ny hoe tsy maintsy voadio amin'ny fahotantsika fotsiny isika fa tsy maintsy sitranina amin'ny maha-mpanota antsika ihany koa. Mety handreraka ilay ady izay mametraka ny sitrapontsika hanao ny tsara hoentina hanoherana ny toetrantsika izay tia manao ny ratsy. Raha mahatoky isika dia ho mpandresy, ary izany dia tsy noho ny nampifanarahantsika ny toetrantsika voajanahary tamin'ny sitrapontsika fotsiny ihany, fa noho ny nampifanarahantsika ny sitrapontsika tamin'ny an' Andriamanitra ihany koa, ka dia novainy ny toetrantsika voajanahary.

Nampianatra ny Mpanjaka Benjamina hoe: "Fa ny olona araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra ary efa toy izany hatramin'ny fahalavoan'i Adama ary mbola ho toy izany mandrakizay mandrakizay raha tsy manaiky ny fitaoman'ny Fanahy Masina izy ary manaisotra ny maha olona araka ny nofo . . . amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy Tompo" (Môzià 3:19). Ho setrin'izany sy ireo fampianarana hafa dia nivavaka ny vahoakan'i Benjamina hoe: "Ô, mamindrà fo, ary ampiharo ny ran'ny sorompanavotan'i Kristy hahazoanay mandray ny famelana ny fahotanay *sy* hahazoana manadio ny fonay" (Môzià 4:2; nampiana fanamafisana). Rehefa avy nivavaka izy ireo dia namaly ireo fangatahana roa nataon'izy ireo ny Tompo. Voalohany dia "nidina teo aminy ny Fanahin'ny Tompo, ary feno fifaliana izy rehefa nandray ny famelana ny fahotany sy nahazo fiadanan-tsaina" (Môzià 4:3).

Rehefa hitan'ny Mpanjaka Benjamina fa tao anatin'ny "famelana" ny vahoakany, dia nanentana azy ireo izy mba handroso mankany amin'ny fahasitranana tanteraka tamin'ny alalan'ny fampianarana azy ireo ny fomba hijanonana ao anatin'ny famelana ny fahotany (jereo ny Môzià 4:11–30). "Raha manao ireo zavatra ireo ianareo," hoy izy nampanantena, "dia hifaly mandrakariva ianareo sy ho feno fitiavana an' Andriamanitra ary hitana mandrakariva ny famelana ny fahotanareo" (Môzià 4:12).

Nino ny vahoaka ka dia nifikitra tamin'ny tenin'i Benjamina Mpanjaka, ka izay no nahatonga ny Tompo namaly ny ampahany faharoa tamin'ny vavaka nataon'izy ireo, dia ny "hahazoana manadio ny fo[n'izy ireo]." Tamin'ny fankasitrahana sy ny fiderana no nihiakan'ny olona hoe: "Ny Fanahin'ny Tompo Tsitoha . . . izay efa nahatonga fiovana mahery vaika tao aminay, na tao am-ponay, ka tsy manana fironana hanao ratsy intsony izahay fa ny hanao soa lalandava kosa" (Môzià 5:2). Nanazava i Benjamina Mpanjaka fa io fiovana mahery vaika io dia midika fa naterak' Andriamanitra izy ireo (jereo ny Môzià 5:7).

### "Ahoana no mahatò izany?"

Nampianatra ny mpaminany Almà fa tsy maintsy sady mibebaka isika *no* ateraka indray—aterak' Andriamanitra, miova ao am-pontsika (jereo ny Almà 5:49). Rehefa manohy mibebaka isika dia hanaisotra ny fahotantsika ny Tompo *ary* hanaisotra ny zavatra izay miteraka na mamela ho azy ny hisian'ny ny fahotana ao anatintsika. Saingy araka ny tenin'i Enôsa dia "Ahoana no mahatò izany?" (Enôsa 1:7). Tsotra ny valiny, kanefa mifono hevitra lalina sy maharitra mandrakizay. Izao no ambaran'ny Tompo amin'ireo izay efa nositranina tamin'izay mety ho toe-javatra niainana rehetra, na ara-batana io na ara-panahy hoe: "Ny finoanao no efa namonjy anao" (jereo ny Marka 5:34; Enôsa 1:8).

Ilay fiovam-po mahery vaika niainan'i Almà dia nitranga "araka ny finoany," ary niova ny fon'ireo mpanara-dia azy rehefa "nametraka ny fitokiany tamin'ilay Andriamanitra marina sady velona" (Almà 5:12, 13) izy ireo. Ny fon'ireo vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina dia "[n]iova [t]amin'ny alalan'ny finoana ny anara[n'ny Mpamonjy]" (Môzià 5:7).

Raha te hanana io karazana finoana io isika mba hahafahantsika matoky ny Tompo amin'ny fontsika rehetra, dia tsy maintsy manao izay zavatra mitarika ho amin'ny finoana isika ary avy eo dia manao izay hitondran'ny finoana antsika. Eo

> ***Io fiovam-po mahery vaika io dia mitranga ao* anati*ntsika, fa tsy isika no* manao izay *hitrangany.***

anivon'ireo zavatra maro izay mitondra mankany amin'ny finoana, ao anatin'io sahan-kevitry ny fiovam-po io, dia nanamafy ny fifadian-kanina, ny vavaka ary ny tenin' Andriamanitra ny Tompo. Ary na dia mitarika ho amin'ny zavatra maro aza ny finoana, dia ny fibebahana no vokatra aterany voalohany.

Diniho ireto andininy roa manaraka avy ao amin'ny bokin'i Helamàna ireto, izay mampisongadina ireo fitsipika ireo. Voalohany dia



***Noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia tsy vitan'ny hoe ho voadio amin'ny fahotana fotsiny isika, fa afaka ny hositranina amin'ny maha-mpanota antsika ihany koa.***

mamaky mikasika ny vahoaka iray isika, izay "nifady hanina sy nivavaka matetika . . ., ary . . . nihamafy kokoa hatrany hatrany tao amin'ny finoana an'i Kristy . . . eny, na dia hatramin'ny fanadiovana sy ny fanamasinana ny fony aza, izay fanamasinana tonga noho ny nanolorany ny fony ho an' Andriamanitra" (Helamàna 3:35). Ary avy eo dia ianarantsika avy amin'i Samoela ilay Lamanita fa "Ny soratra masina, eny, ny faminanian'ny mpaminany masina, . . . [dia] mitarika azy ho amin'ny finoana ny Tompo, ary ho amin'ny fibebahana, dia finoana sy fibebahana mitondra fiovam-po ho azy" (Helamàna 15:7).

**Miantehitra amin' Andriamanitra**

Eto isika dia tokony hiresaka lohahevitra somary hafa kokoa sy hiaiky fa io fiovana mahery vaika izay resahintsika io dia mitranga ao *anati*ntsika, fa tsy isika no *manao izay* hitrangany. Afaka mibebaka isika, manova ny fitondrantenantsika, ny fihetsitsika, eny fa na dia ny faniriantsika sy ny zavatra inoantsika aza, saingy tsy vitan'ny herintsika sy ny fahafahantsika manao zavatra ny manova ny toetoetrantsika. Miantehitra tanteraka amin' Andriamanitra Tsitoha isika amin'io fiovana mahery vaika io. Izy no manadio ny fontsika amin'ny alalan'ny fahasoavany sy manova ny toetoetrantsika "rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao" (2 Nefia 25:23). Tsy miova sy azo antoka ny fanasany mba "hibebaka . . . ary hanatona Ahy amin'ny fo feno finiavana, ary Izaho *hanasitrana* [anao]" (3 Nefia 18:32; nampiana fanamafisana).

Ny vokatry ny fahasitranana amin'ny maha-mpanota dia ny fahatongavantsika ho "ovaina avy amin'ilay toetra manaram-batana sy lavo . . . ka tonga zanany lahy sy vavy; Ary dia toy izany no mahatonga [antsika] ho olom-baovao" (Mozià 27:25, 26). Hita mamirapiratra eny amin'ny tarehintsika ny Fahazavan'i Kristy. Ankoatra izay, ny soratra masina dia milaza amintsika fa "izay rehetra naterak' Andriamanitra dia tsy manota" (1 Jaona 5:18). Ny anton'izany dia tsy hoe satria tsy afaka manota mihitsy isika, fa satria kosa efa toetrantsika amin'izao ny *tsy* manota. Fiovana mahery vaika marina tokoa izany.

Tokony hotadidiana fa ny fiainana fiovam-po mahery vaika dia dingana miantoana ao anatin'ny fotoana maro fa tsy zava-miseho indray mandeha. Mandeha tsikelikely mazàna ny fiovana, ary indraindray dia zara raha hita, saingy misy izany, mahery vaika izany, ary ilaina.

Raha tsy mbola niaina fiovana mahery vaika toy izany ianao dia te hanontany anao aho hoe: "Efa nibebaka ve ianao ary nahazo ny famelana ny fahotanao? Mandalina ny soratra masina ve ianao? Mifady hanina sy mivavaka matetika ve ianao, mba hihamafy kokoa hatrany hatrany ao amin'ny finoana an'i Kristy? Ampy ve ny finoanao mba hatokiana ny Tompo amin'ny fonao rehetra? Miorina mafy ao amin'izany finoana izany ve ianao? Mitandrina ny eritreritrao sy ny teninao ary ny zavatra ataonao ve ianao ary mitandrina ny didin' Andriamanitra? Raha manao ireo zavatra ireo ianao dia hifaly lalandava sy ho feno fitiavana an' Andriamanitra ary hitàna mandrakariva ny famelana ny fahotanao. Ary raha mijanona ao anatin'ny maha-voavela heloka anao ianao dia ho sitrana, ary *hiova*!

Manana hery hanadiovana antsika amin'ny fahotantsika i Jesoa Kristy ary manasitrana antsika ihany koa amin'ny maha-mpanota antsika. Mahery ka mahavonjy Izy, ary mba hanatanterahana izany dia mahery ka afaka manova ihany koa Izy. Raha atolotsika Azy ny fontsika, ary mampihatra finoana amin'ny alalan'ny fitondrana ireo fanovana izay azontsika tanterahina isika, dia hampiasa ny heriny ao anatintsika Izy mba hampitranga io fiovam-po mahery vaika io (jereo ny Almà 5:14). ■

**FANAMARIHANA**


1. Jereo ny Stacy Simon, "Facts & Figures 2019: US Cancer Death Rate Has Dropped 27% in 25 Years," American Cancer Society, Jan. 8, 2019, cancer.org.
2. Jereo ny "Remission: What Does It Mean?" webMD.com.
3. Cathy Sweat, *The Gates to Recovery* (2019).

# Manatsara ny zavatra iainantsika any amin'ny tempoly

**Nosoratan'ny Fiadidiana Voalohany**

"Ny tempoly masina no ampahany manan-danja indrindra amin'ny Famerenana amin'ny laoniny. Manan-danja amin'ny fanomanana ny olona izay vonona ny handray ny Mpamonjy amin'ny Fiaviany fanindroany ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masin'ny tempoly."[1]

Indraindray ny Fiadidiana Voalohany dia nanao fanovana mikasika ireo fitafiana sy fizotran'ny zavatra atao any amin'ny tempoly mba hanatsarana ny zavatra iainan'ireo mpikambana any amin'ny tempoly sy mba hanampiana ny rehetra izay miditra ao anatin'izany hahatsapa fifandraisana akaiky kokoa amin' Andriamanitra ao anatin'izany toerana masina izany.

Anisan'ny ao anatin'ny zavatra iainana ao amin'ny tempoly ny fanaovan'ny mpikambana fitafiana fanao rehefa manao ireo fombafomba ao amin'ny tempoly izay misy dikany ara-potopampianarana ary ara-tandindona, izay azo soritana miverina mankany amin'ny fitsaohana ao amin'ny tempoly ao amin'ny Testamenta Taloha (jereo ny Levitikosy 8 sy ny Eksodosy 28).

Nisy fanovana vitsivitsy natao mikasika ny fitafiana fanao rehefa manao ireo fombafomba ao amin'ny tempoly. Tsy maneho fanovana momba ireo tandindona sy fotopampianarana ao amin'ny tempoly akory ireo fanovana ireo fa natao mba hahatonga ny zavatra iainana ao amin'ny tempoly ho tsotra sy mampahazo aina ary mora takatra kokoa amin'ny alalan'ny fanaovana ny fitafiana ho mora hanaovana sy ho mora karakaraina sy ho mora azo.

Ny sasany amin'ireo fanovana ireo dia ahitana:

- Fanatsorana kokoa ny endriky ny voaly sy ny akanjo lava.
- Fanesorana ilay fanenjanana vita amin'ny plastika eo amin'ny satroka sy ilay tady kely famatorana eo amin'ny satroka sy ny voaly.
- Fampiasana lamba izay maharitra kokoa ka mitovy izany ho an'ireo akanjo lava sy satroka ary ny fehikibo mba hampateza azy ireo kokoa sy mba hahamora karakaraina azy ireo.

Manantena izahay fa ireo fanovana ireo dia hanampy amin'ny fanatsarana izany zavatra masina iainana izany ho anao rehefa mampiditra ny fitsaohana any amin'ny tempoly ho anisan'ny zavatra atao tsy tapaka eo amin'ny fiainanao ianao. ■

"Izay fanovana natao mahakasika ireo ôrdônansy sy ny fizotran'ny zavatra atao dia tsy manova ny endrika masin'ireo fanekempihavanana atao [any amin'ny tempoly]. Ireo fanovana dia manome fahafahana an'ireo fanekempihavanana mba hiorim-paka ao amin'ny fon'ireo olona miaina ao anatin'ny fotoana sy toe-javatra samihafa."

**Filoha Russell M. Nelson, fivoriana fanofanana ny mpitarika nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, ôkt. 2019.**

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, "Lahateny fanokafana," *Liahona,* nôv. 2019, 120.





SARIN'NY MPIVADY IRAY NALAIN'I MATT REIER; SARIN'NY TEMPOLIN'I PORT-AU-PRINCEHAITI NALAIN'I CODY BELL

## VALIN'IREO FANONTANIANA MISY MAMETRAKA MATETIKA

**Moa ve aho afaka manohy mampiasa ny fitafiana fanao rehefa manao ireo fombafomba ao amin'ny tempoly izay efa ananako?**

Eny. Azo tohizana ny fampiasana ireo zavatra ireo izay mbola tamin'ny endriny teo aloha mandrapanoloana azy ireo.

**Ahoana no fomba fanariana araka ny tokony ho izy ireo fitafiana taloha izay fanao rehefa manao ireo fombafomba ao amin'ny tempoly ?**

"Rehefa simba ireo fitafiana fanao rehefa manao ireo fombafomba ao amin'ny tempoly ka tsy hampiasa izany intsony ny mpikambana dia tokony hopotehiny ilay fitafiana amin'ny alalan'ny fanetezana izany mba tsy hahafantarana intsony ny zavatra nampiasana izany tamin'ny voalohany" (*Boky Torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* [2010], 21.1.42).

**Afaka manova ny fitafiana ananako amin'izao fotoana izao ve aho mba hifanaraka amin'ireo fanovana vaovao?**

Eny. Afaka mahita fampahalalana bebe kokoa momba izany ianao ao amin'ny store.ChurchofJesusChrist.org/ceremonialclothing rehefa miditra amin'ny alalan'ny kaonty maha-mpikambana anao ianao na amin'ny alalan'ny fitsidihina ireo Sampan-draharaha mpaninjara ary manontany ny tompon'andraikitra ao amin'ny fivarotana.

**Afaka manao fanomezana ilay fitafiana taloha izay fanao rehefa manao ireo fombafomba ao amin'ny tempoly ve aho?**

Rehefa mety dia afaka manolotra amin-katsarampanahy fitafiana efa nampiasaina ho an'ireo olona ao amin'ny fianakaviana na namana izay nandray fanafiana masina ianao. Saingy tsy tokony homena ny tempoly na ny Deseret Industries na izay mety toerana ahafahana manakalo fitafiana ny fitafiana fanao rehefa manao ireo fombafomba ao amin'ny tempoly na manao ahoana na manao ahoana ny hatsarany.

**Ahoana no fomba hahazoako ilay fitafiana vaovao fanao rehefa manao ireo fombafomba ao amin'ny tempoly?**

Mba hahazoana fampahalalana mikasika ny vidin'izany sy ny fisian'izany any amin'ny faritra misy anao, dia midira ao amin'ny store.ChurchofJesusChrist.org/ceremonialclothing na mitsidiha Sampan-draharaha mpaninjara.

# Tanora

## Ato amin'ity fizarana ity

44 Ny fomba hitondran'ny tanora anjara biriky ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana

## Amin'ny endrika nomerika ihany

**Mihevitra ve ianao fa tsy manana tanjona hotratrarina amin'izao fahatanoranao izao? Mieritrereta tsara aloha**
Nosoratan'i Cesar Gervacio

**Hafahafa tamiko ny nampiasa ny anarana fenon'ny Fiangonana saingy tsy nanenenana izany**
Nosoratan'i Lauri Ahola

**Mahita fifaliana amin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo**

**Manorina ny Fanjakana any Nouvelle Calédonie**
Nosoratan'i Mindy Selu

**Jereo ireo lahatsoratra ireo sy ny hafa koa:**

- Ao amin'ny **liahona.ChurchofJesusChrist.org**
- Ao amin'ny **Ho an'ny tanora isankerinandro** (ao amin'ny fizarana "Tanora na manambady na tsia" ao amin'ny Bibliothèque de l'Évangile)

## Zarao ny tantaranao

Manana tantara mahavariana hozaraina ve ianao? Na te hahita lahatsoratra momba ana lohahevitra sasantsasany ve ianao? Raha izany no izy dia te haheno anao izahay! Azonao alefa ao amin'ny **liahona.ChurchofJesusChrist.org** ny lahatsoratrao na ny fanamarihanao.

# Afaka manaparitaka ny fahazavan'ny filazantsara isika

Ny fahatanorana dia fotoana hivoarana, ahafahana manao zavatra maro, ary ahafahana manomboka manorina ny fiainanao. Ary mety ho sady mavesatra izany, no mampientanentana, no mampatahotra ihany koa (tena toy izay tokoa ilay izy ho anay).

Saingy na dia mety tsy fantatsika avokoa aza ny valin'ireo fanontaniana manan-danja indrindra eo amin'ny fiainana, dia misy zavatra iray tena azontsika antoka tanteraka dia ny hoe **ny tanora dia efa hery tena manan-danja foana hatramin'izay eo amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eo an-dalam-pitohizana.**

Rehefa nanomana ny fizarana ho an'ity volana ity izahay dia niresaka tamin'ny tanora maro mikasika ny fandraisan'izy ireo anjara amin'ny fanangonana an'i Isiraely. Ary nampanetry tena anay tokoa ny fitiavana amin-kitsimpo sy ny fanolorantena ananan'izy ireo amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Na toy ny ahoana na toy ny ahoana ny toe-javatra iainan'izy ireo, dia **takatr'ireo Olomasina tanora ireo ny anjara asa manan-danja ananan'izy ireo ao anatin'ity fotoampitantanana farany ity.** Ao amin'ny "Ny fomba hitondran'ny tanora anjara biriky ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana" ao amin'ny pejy 44 dia afaka mamaky mikasika ny fomba hanomanan'ireo tanora avy ao Inde, Hongrie, Barbade, Australie, ary Etazonia an'izao tontolo izao ho amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy fanindroany ianao.

Ao amin'ireo lahatsoratra amin'ny endrika nomerika ihany, dia mizara hevitra i Cesar ny amin'ny fomba **ahafahantsika mahita ny tanjontsika sy hahatongavantsika ho mpitarika tsaratsara kokoa.** I Lauri dia miresaka mikasika ireo fitahiana raisintsika rehefa manaraka ny torohevitry ny mpaminany isika. Ireo tanora hafa dia mizara ny zavatra niainany tamin'ny fanompoana tany amin'ny tempoly, ny fanompoana, ny tantaram-pianakaviana, ary ny asa fitoriana. Ary izahay dia mizara ohatra iray avy amin'ny tanora iray ao Nouvelle-Calédonie izay mampiseho ny fomba **hanaovan'ireo mpikambana tanora ny asan'ny Tompo any amin'ireo faritra kelin'ny Fiangonana.**

Na aiza na aiza no misy anareo ary na inona na inona toe-javatra mety hisy anareo, dia **afaka mitondra anjara biriky amin'ny fanangonana an'i Isiraely mihoatra lavitra izay eritreretinareo ianareo.** Isika tanora no mpitarika an'ity Fiangonana ity amin'ny hoavy. Ary ny pitik'afon'ny ezaka ataontsika amin'izao fotoana izao no handrehitra sy hanaparitaka ny fahazavan'ny filazantsara manerana izao tontolo izao amin'ny hoavy.

Amim-panajana,

Chakell Wardleigh sy Mindy Selu

Mpiantoka ny famoahana ny fizarana ho an'ny tanora ao amin'ny gazetibokin'ny Fiangonana



SARY NALAIN'I WESTON C. COLTON

# Ny fomba hitondran'ny tanora anjara biriky ao amin'ny **Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana**

Nanana anjara asa manan-danja foana ny tanora tao anatin'ny asa famonjena.

Isaky ny maheno fanasana avy amin'ny mpitarika iray ao amin'ny Fiangonana ianao mba handray anjara ao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana na mba hanangona an'i Isiraely, dia moa ve ianao efa mba nieritreritra hoe, "Inona no azoko atao? Olona iray monja aho," "Mbola tanora loatra aho," "Tsy mbola manambady aho," na "Tsy ampy ny fahalalako. Inona no anjara biriky azoko entina?"

Indraindray tonga ao an-tsaintsika tsirairay avy ireo karazana eritreritra ireo. Saingy miezaha mampangina izany ahiahy ananan'ny tena izany rehefa mamaky ireto fehezan-teny vitsivitsy manaraka ireto ianao:


- 22 taona monja i Joseph Smith tamin'ny fotoana nanombohany nandika ny Bokin'i Môrmôna.
- I Oliver Cowdery dia 22 taona koa ary i John Whitmer 26 taona (ary samy tsy nanambady!) rehefa nanomboka niasa ho mpitantsoratr'i Joseph izy ireo.
- Tamin'ny 1835 rehefa nantsoina ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo voalohany dia teo amin'ny 23 taona ka hatramin'ny 35 taona ny taonan'izy ireo.
- Maro tamin'ireo Olomasina tany am-piandohana no niditra ho mpikamban'ny Fiangonana sy nampiely ny filazantsara tao anatin'ny fahatanoran'izy ireo.

Raha fehezina dia niasa tamin'ny alalan'ny tanora Andriamanitra tany am-piandohan'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Olona tahaka anao mihitsy.

Diniho tsara izany.

Tsy ho niely nanerana izao tontolo izao ny Fiangonana amin'izao fotoana izao raha toa ka nieritreritra ny olona rehetra fa tsy afaka mitondra anjara biriky izy ireo. Ary ianao, eny ianao, dia anisan'ny ao anatin'ny taranaka iray voafidy mba hanohy ny famerenana amin'ny laoniny sy hitarika ny Fiangonan'i Jesoa Kristy amin'izao fotoana izao.

SARINTANY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES





# Nalefa tety ianao. Amin'izao fotoana izao. Noho ny antony iray.

Rehefa niresaka mikasika ny taranaka misy antsika ny Filoha Russell M. Nelson dia nampianatra hoe, "Miaina ao anatin'ny -ora fahiraika ambin'ny folo ianareo.- Nambaran'ny Tompo fa izao no fotoana farany hiantsoany mpiasa ho ao amin'ny tanimboalobony mba hanangona ireo voafidy avy amin'ny vazan-tany efatra. (Jereo ny F&F 33:3–6.) Ary nirahina handray anjara amin'izany fanangonana izany ianareo."[1]

Eritrereto ireo tafiky ny misiônera manompo amin'ny fotoana feno miisa 65,000 izay mizara ny filazantsara mandritra ny andro iray manontolo, isan'andro, manerana an'izao tontolo izao. Eritrereto ireo tanora manao fanekempihavanana any amin'ny tempoly, mahazo tombontsoa amin'ireo fitahiana naverina amin'ny laoniny avy amin'ny fisoronana sy ny tempoly ary manao fanekempihavanana mba ho mahatoky sy hanamafy orina ny fianakaviany ary hanorina ny fanjankan' Andriamanitra eto an-tany. Eritrereto koa ireo tanora izay manompo manerana izao

Niasa tamin'ny alalan'ny tanora Andriamanitra tany am-piandohan'ny Famerenana amin'ny laoniny. Olona tahaka anao mihitsy.





Manamora sy manamaivana kokoa ny fiainako ireo fahalalana maro dia maro avy amin'ny Famerenana amin'ny laoniny.



**I JACOB ROBERTS, 29 TAONA, ETAZONIA**



Resaka fikatsahana fanambarana ny Famerenana amin'ny laoniny.

**I VENNELA VAKAPALLI, 22 TAONA, INDE**

tontolo izao amin'ny maha-mpitarika azy ireo ao amin'ny Fiangonana. Eritrereto ireo mibosesika mandroso mba hanaraka an'i Jesoa Kristy na dia eo aza ireo zava-tsarotra rehetra niainan'izy ireo. Efa ampahany manan-danja ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny hatrany am-piandohana ireo tanora. Ary ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana dia ampahany manan-danja ao anatin'ny fiainan'ireo tanora tsy tambo isaina izay mpikamban'ny Fiangonana.

## Ny lanjan'ny Famerenana amin'ny laoniny ho antsika

Ho an'ny maro amintsika dia vokatry ny zavatra nampianaran'ny Famerenana amin'ny laoniny antsika ny fandraisantsika anjara ao anatin'izany. Ho an'i Vennela Vakapalli, izay tanora mpikambana avy any Andhra Pradesh, Inde, dia "resaka fikatsahana fanambarana ny Famerenana amin'ny laoniny. Nikatsaka fanambarana tany anaty ala i Joseph Smith. Naka hevitra tamin'ny Tompo izy, ary niandry ny valiny. Nanana faharetana izy. Izay no zavatra tiako." Nanazava i Vennela hoe: "Nialoha ny nandrenesako mikasika ny Famerenana amin'ny laoniny, dia tsy nahafantatra be loatra mikasika ny fikatsahana fanambarana aho. Ny iray amin'ireo zavatra lehibe indrindra mahavariana ahy dia ny habetsahan'ny fotoana nolaniany mba hahazoana fanambarana avy amin' Andriamanitra. Izany no nianarako avy amin'ny Famerenana amin'ny laoniny."

I Emma sy i Jacob Roberts, izay mpivady vao herotrerony avy any Utah, Etazonia dia manaiky fa ny Famerenana amin'ny laoniny dia resaka "fanambarana eo an-dalam-pitohizana," ho antsika sy ho an'izao tontolo izao," fa isika dia afaka manana mpaminany iray eto an-tany, izay mpitondra teny eto an-tany avy amin' Andriamanitra, izay manome antoka fa na inona na inona olana entin'izao tontolo izao, dia manana olona iray izay miasa miaraka amin' Andriamanitra sy mivavaka ary miresaka Aminy isika ary mba hanaovana izay hahavonona antsika sy hanantsika fahafahana hiatrika ireo fanamby entin'izao tontolo izao noho ny fiovan'izany."

"Manamora sy manamaivana kokoa ny fiainako ireo fahalalana maro dia maro avy amin'ny Famerenana amin'ny laoniny," hoy i Jacob. Tonga ao anatin'ny fanomezana antoka ny zava-drehetra fa "misy Andriamanitra izay tia antsika ary miambina antsika," hoy i Emma. "Ny hahazoantsika fifaliana no tanjony. Amin'ny maha-tanora antsika dia afaka miantehitra sy manaraka Azy tanteraka isika satria fantatsika fa ny tanjony dia ny hahazoantsika fifaliana. Fantatsika fa olona misy mandrakizay isika ary izany dia manome fanantenana sy finoana lehibe ho ahy fa na inona na inona zavatra ataoko amin'izao fotoana izao ary na inona na inona fahadisoana ataoko amin'izao fotoana izao, dia mbola afaka mibebaka aho ary manana izao fotoana izao mba hivoarana sy hianarana."

Izany karazana fanomezan-toky izany koa dia nanampy an'i Ramona Morris, izay tanora iray avy any Barbade, rehefa nahafantatra



Mitondra fiadanana ho an'ireo izay mametra-panontaniana ny amin'ny tanjon'ny fiainany sy ny drafitr' Andriamanitra ho azy ireo ny Famerenana amin'ny laoniny.

**I RAMONA MORRIS,**
**28 TAONA, BARBADE**

vao voalohany mikasika ny Famerenana amin'ny laoniny izy. Ankoatra ireo zavatra hafa, dia nahazo fijoroana ho vavolombelona izy fa "eo ny Ray any An-danitra ho antsika. Mitondra fiadanana ho an'ireo izay mametra-panontaniana mikasika ny tanjon'ny fiainany sy ny drafitr' Andriamanitra ho azy ireo ny Famerenana amin'ny laoniny."

Saingy na dia nitondra fahazavana teo amin'ny fiainany aza ny Famerenana amin'ny laoniny dia niaiky izy hoe, "rehefa lavitra ny foiben'ny Fiangonana dia sarotra ny mifandray amin'ny filazantsara, saingy noho ny fananako fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, dia fantatro fa na dia lavitra aza aho, dia mbola afaka mahatsapa ho anisan'ny ao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny, ary tsy irery aho."


Ary tsy irery tokoa izy. Ny tanora manerana izao tontolo izao dia mandray anjara ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny amin'ny alalan'ny asa fanompoana any amin'ny tempoly, sy ny tantarampianakaviana ary ny asa fitoriana. Miaraka amin'ny fahatakarana ny fanambarana ho an'ny tena manokana izay azontsika avy amin'ny fahafantarana mikasika ny Fahitana Voalohany hitan'i Joseph Smith sy ny Famerenana amin'ny laoniny, dia afaka manohy mikatsaka ny hahafantatra ny sitrapon' Andriamanitra sy ny anjara asa azontsika atao ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalampitohizana isika rehetra.

## Tanora mitarika ny Fiangonana

Mety ho tanora isika saingy afaka ny ho mpitarika ao amin'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao. Na dia izy irery aza no hany mpikamban'ny Fiangonana ao amin'ny fianakaviany dia mahazo hery avy amin'ny fandraisan'ireo tanora namany anjara ao anatin'ireo lafiny hafan'ny Famerenana amin'ny laoniny i Janka Toronyi avy any Győr, Hongrie: "Maro tamin'ireo namako no nanao asa fitoriana ary tena mahafinaritra ny nahita ny fivoaran'izy ireo, dia niverina izy ireo avy eo ary tena nivoatra tokoa tao anatin'ny zavatra rehetra niainan'izy ireo. Traikefa tsara ho anay rehetra izany. Ary mahafinaritra foana ny mahita ireo tanora tokan-tena namako manompo ao amin'ny antson'izy ireo ary indraindray aza ao anatin'ireo fahafahana manao zavatra izay foronon'izy ireo toy ny firotsahana an-tsitrapo ho mpanolotsaina mandritra ny fihaonamben'ny RTM (Ry Tanora Mahereza). Tsapako fa tsy voatery ho resaka fampianarana ny olona momba ny filazantsara foana ny Famerenana amin'ny laoniny, fa resaka fanamafisana orina ireo mpikambana ao amintsika koa izany."

Ny Famerenana amin'ny laoniny dia resaka fanamafisana orina ireo mpikambana ao amintsika.

**I JANKA TORONYI,**
**24 TAONA, HONGRIE**





Ho ahy ny atao hoe mandray anjara ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny dia ny fanampiana ny taranaka vao misondrotra hahatakatra ny dikan'ny filazantsara sy ny fomba ahafahan'izany manampy azy ireo sy ny hafa eo amin'ny fiainan'izy ireo.

**I STEFANY JOSEPH,**
**28 TAONA, AUSTRALIE**



Takatry ny tanora ao Hongrie fa izy ireo no ho mpitarika ao amin'ny Fiangonana amin'ny hoavy. "Ilaina izahay ary mila manana ny fahaiza-manao hanatanterahana ilay asa izahay, izay indraindray mavesatra," hoy i Janka niaiky. "Manafaingana ny asa ny Tompo ary mandray anjara ao anatin'izany izahay. Indraindray izahay mieritreritra hoe, -Ahoana no fomba tokony hanaovako an'ity?- Saingy mahafinaritra ny mahita fa tena matoky anay ireo mpitarika anay. Mandrisika an'ireo izay tia ny Fiangonana izany sy manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka, satria fantatray fa indray andro any dia izahay no ho tompon'andraikitra. Mila mandray andrakikitra amin'ny fivoaranay manokana ara-panahy izahay."

I Sean sy i Stefany Joseph avy any amin'ny faritra andrefan'i Australie dia mandray anjara ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny amin'ny alalan'ny fitarihana ny zatovo ao amin'ny paroasin'izy ireo. "Ho ahy ny atao hoe mandray anjara ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny dia ny fanampiana ny taranaka vao misondrotra hahatakatra ny dikan'ny filazantsara sy ny fomba ahafahan'izany manampy azy ireo sy ny hafa eo amin'ny fiainan'izy ireo," hoy i Stefany. "Afaka manampy amin'ny famoronana fototra mafy orina ho an'ny Fiangonana any aoriana ao amin'ny firenenay izahay."

"Te hanampy ny zatovo izahay hahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna sy momba an'i Joseph Smith ary hahalala manokana fa tena zanak' Andriamanitra izy ireo," hoy i Sean nanazava. "Tsy tianay ho hira tsotra fotsiny hirain'izy ireo any amin'ny Kilonga izany fa tianay izy ireo tena hahafantatra fa marina izany."

Raha ho an'i Vennela, dia tsy mora foana ny fiainana ny filazantsara any Inde, saingy fantany fa ny tanjaky ny tanora mpikambana any dia hanentana ny hafa ary hanampy ny Famerenana amin'ny laoniny mba handroso. "Tena mahatoky ireo tanora aty. Mitady fahafahana hizarana ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo izy ireo," hoy izy. "Toy ny mpamaky lay izahay aty Inde. Mifindra avy any amin'ny toerana samihafa izahay ary ny sasany aminay aza mandao ny fianakavianay. Sarotra ny fiainana aty indraindray saingy mbola misafidy ny hiaina ny filazantsara izahay. Manome ahy fanantenana sy tanjaka sy herim-po lehibe ny soratra masina."

Na aiza na aiza misy antsika amin'ny maha-tanora antsika dia afaka manana hery mitarika mahery vaika hatrany eo amin'ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalampitohizana isika amin'ny alalan'ny finoantsika sy ny fanolorantenantsika ho an'ny filazantsara.

## Ny hoavin’ny Fiangonana: Miankina amintsika izany

Isika no hoavin’ny Fiangonana. Ao anatin’ny tolona farany isika. Miantehitra amintsika ny Ray any An-danitra mba hanampy Azy hanao ny asany, ilay asany manova mandrakizay ny fiainana. Fantany fa ampy ny tanjaka ananantsika mba hibosesehana mandroso sy hiadiana amin’ny zavatra rehetra izay omanin’ny fahavalo. Ary mihakivy i Satana. Fantany fa mitolona amin’ny ady tsy hahazoany fandresena izy satria miroborobo ny asan’ny Tompo.

“Fantatsika fa manafaingana ny asa ny Tompo ary tsy misy olona afaka mampitsahatra an’izany,” hoy i Janka. “Fantatsika fa hitranga izany na inona na inona miseho. Saingy mila manapa-kevitra isika raha toa ka handray anjara ao anatin’izany sy hanampy amin’ny fampandrosoana izany na hiraviravy tanana fotsiny. Manana fahafahana misafidy ny handray anjara ao anatin’izany isika, ary manana fijoroana ho vavolombelona momba ny fisafidianana ny tsara sy hanaraka an’i Kristy. Tokony handray anjara ao anatin’izany isika.”

Noho izany dia anjarantsika ny misafidy hoe aiza no hisy antsika.

Miankina amintsika ny hanana herim-po na tsia hijoro amin’ny zavatra izay inoantsika.

Miankina amintsika ny hikatsaka fanambarana ho an’ny tena manokana eo amin’ny fiainantsika na tsia.

Miankina amintsika ny manome fahafahana na tsia ireo olana sarotra atrehantsika mba hanamafy orina ny finoantsika ny Mpamonjy.

Miankina amintsika ny hanaraka Azy na tsia sy hanao na tsia izay azontsika atao rehetra mba hitondrana ny hafa ho eo Aminy.

Miankina amintsika ny haharitra hatramin’ny farany na tsia araka izay vitantsika.

Tena ao anatin’ny andro farany isika. Ary ny fitarihana ny Fiangonana ao anatin’ny nantsoin’ny Filoha Nelson hoe “fotoampitantanana faran’izay miavaka eo amin’ny tantaran’izao tontolo izao”[2] dia toy ny andraikitra mavesatra. Kanefa eritrereto fa ampy ny fahatokian’ny Ray any An-danitra antsika ary natokany mba ho ety an-tany amin’ny fotoana iray manokana isika, dia izao fotoana izao izay iatrehantsika fakam-panahy sy zavatra mahavarimbariana tsy tambo isaina ary hevitra mifanohitra maro dia maro.

Raha nalefan’ny Ray any An-danitra ety ao anatin’ilay fotoampitantanana tena manan-danja isika dia tsy hanao zavatra izay tsy hahitantsika fahombiazana mihitsy Izy. Fantany ny hery anaty ananantsika, ny tanjatsika, ny herim-po ananantsika ary fantany indrindra indrindra fa afaka mitondra anjara biriky ao amin’ny Famerenana amin’ny laoniny ny Fiangonana isika na firy taona na firy taona ary na manambady na tsia. Na dia sarotra toy ny inona aza ny fitsapana atrehantsika, na sarotra toy ny inona aza ny fitondrana sy ny fizarana ny filazantsara manerana ny tany, dia iza moa no sahy hiady amintsika rehefa miaraka amintsika Izy? Hanampy antsika hanatontosa ny zavatra izay heverina fa tsy ho vita velively Izy. ■

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, “Mijoroa ho tena zanaky ny arivo taona,” *Liahona,* ôkt. 2016, 48.
2. Russell M. Nelson, “Mijoroa ho tena zanaky ny arivo taona,” *Liahona,* 46.

*Afaka mahita tantara bebe kokoa avy amin’ireo tanora manerana izao tontolo izao izay mandray anjara ao amin’ny Famerenana amin’ny laoniny ianao ao amin’ny lahatsoratra ho an’ny nomerika ihany mitondra ny lohateny hoe “Mahita fifaliana amin’ny fanaovana ny asan’ny Tompo.”*







# Mpikambana niova fo tato amin'ny Fiangonana aho.

Ny iray amin'ireo zavatra izay nanintona ahy voalohany dia ireo fiaraha-mientan'ny tanora. Na amin'izao fotoana izao aza dia mbola tiako ny miaraka amin'ireo namako ao am-piangonana izay mitondra karazana fahafinaretana tsara sy mampahery. Tiako indrindra indrindra ny mandeha miaraka amin'izy ireo isan-kerinandro any amin'ny Tempolin'i Suva Fidji.

Be dia be ny tsindry avy amin'ny namana ao Fidji. Tsy manontany matetika ny mombamomba ny tena manokana ireo toeram-pivarotana raha hividy zava-pisotro misy alikaola, sigara, sy ny zavatra toy izany. Mividy izany foana ny ankizy. Mety ho sarotra ny misafidy ny tsara.

Anisan'ny zavatra iray izay mihazona ahy mba hatanjaka ireo zandriko. Izaho no zokiny indrindra, ka noho izany dia mieritreritra azy ireo aho isak'izay alaim-panahy hanao zavatra tsy mety. Tsy tiako handray fanapahan-kevitra ratsy izy ireo noho ny fahitana ahy manao voalohany zavatra iray. Talohan'ny nahafatesan'ny reniko dia nasainy nampanantena aho ny hikarakara ireo mpiray tampo amiko sy mba ho eo foana ho azy ireo.

Hatreto aloha dia izaho irery no mpikamban'ny Fiangonana amin'ireo mpiray tampo amiko. Saingy mivavaka ho azy ireo isan'andro aho. Misaotra ny Ray any An-danitra aho noho ny fanomezany azy ireo tombon'andro iainana, ary mivavaka aho mba handraisan'izy ireo ny fahalalana ny filazantsarany. Mihazona ahy hatanjaka izy ireo.

**Mikayla J.,** 17 taona, Fidji

SARY NALAIN'I LESLIE NILSSON

# ZATOVO

## ATO AMIN'ITY FIZARANA ITY






52 **Mampatanjaka ny finoanao amin'ny alalan'ny Fahitana Voalohany**
Nosoratan'ny Loholona Neil L. Andersen

56 **Fiarakaretsaka iray, zatovolahy mpianatra iray ary valin'ny vavaka iray**
Nosoratan'i Chime Ihunwo

58 **Mampitombo ny finoako tsikelikely**
Nosoratan'ny Loholona Edward Dube

62 **Fanontaniana sy valiny: Ny Fahitana Voalohany sy ny Bokin'i Môrmôna**

64 **Sary efatra avy amin'ny herinandron'ny Paska**



**Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen**
Ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# MAMPATANJAKA NY FINOANAO AMIN'NY ALALAN'NY FAHITANA VOALOHANY

**FONY AHO 16 TAONA** dia nandao ny tranoko tao Idaho aho mba handeha hamonjy fihaonambe iray tany amin'ny Morontsiraka Atsinanan'i Etazonia, izay natrehan'ny zatovolahy sy zatovovavy avy amin'ireo faritany rehetra miisa 50 sy firenena efa ho 40 isa. Talohan'izay dia an-kavitsiana ny fotoana niainako tao anatina toe-javatra izay nampiavaka ny zavatra inoako sy ny zavatra naharesy lahatra ahy tamin'ny an'ireo olona manodidina ahy.

Indray hariva tao anatina vondrona tsotra iray, dia nisy fifanakalozan-kevitra niainga mikasika ny sasany amin'ireo zavatra inoana sy fomba fanaon' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nifantoka tamiko tampoka ny vondrona iray nahitana mpianatra maro ka nanomboka nametraka fanontaniana, ary ny sasany tamin'izany dia nitsikera ny zavatra inoantsika.

Nanampoka ahy izany. Saingy rehefa avy nieritreritra nandritra ny fotoana fohy aho dia nanomboka nizara fitsipika fototry ny filazantsara vitsivitsy. Nanazava aho fa manana Ray any An-danitra isika, fa zanany lahy sy zanany vavy isika, ary tonga eto an-tany isika mba hampitombo finoana an'i Jesoa Kristy sy haneho ny fankatoavantsika amin'ny alalan'ny fisafidianana ny tsara fa tsy ny ratsy.

Ny fizarana ireo fitsipika ireo dia nitarika ahy ho amin'ny fizarana ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Joseph Smith. Tsy nanontany momba an'i Joseph Smith ireo mpianatra hafa, kanefa lasa niresaka mikasika ny niavian'ny antony inoako ny zavatra inoako aho. Rehefa nitantara ny fisehoan'ny Ray sy ny Zanaka tao amin'ny Ala kely Masina aho dia nangina tampoka ny rehetra. Nisy fahatsapana fahamasinana mahery vaika niditra ilay efitrano, ary nisy fahatsapana hery ara-panahy goavana nitoetra teo amiko sy tao anatin'ny teniko.

Taorian'izay dia nisaotra ahy ny mpianatra maromaro noho ny finoana mahery vaika ananako. Nangataka fampahalalana bebe kokoa momba ny Fiangonana mihitsy aza ny sasany. Rehefa niverina tao amin'ny efitranoko aho tamin'izay alina izay dia fantatro fa izaho no olona nahazo zavatra betsaka indrindra avy tamin'io zavatra niainana io. Izaho mihitsy no nahatsapa ny herin'ny fizarana fijoroana ho vavolombelona momba an' Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy ary ny Fahitana Voalohany.


Hatramin'ny nitrangan'izay zavatra niainana izay 50 taona mahery lasa izay, dia nijoro ho vavolombelona in-jato kely momba ny Ray sy ny Zanaka ary ny Mpaminany Joseph Smith aho. Tao anatin'ireo zavatra niainana ireo dia nahatsapa mandrakariva ny fijoroana ho vavolombelona manamafy avy amin'ny Fanahy Masina aho.

Tiako ny hizara fitsipika dimy izay nianarako avy amin'ny fahatakarako ara-panahy ny Fahitana Voalohany. Ireo fitsipika ireo dia nampatanjaka ny finoako ny Raintsika any An-danitra sy ny Zanakalahy Malalany ary ny faniriako hanaraka Azy ireo. Manantena aho fa hampatanjaka anareo koa izany.

### 1. Ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina dia olona telo miavaka tsara.

Nandritra ny taonjato maro dia niady hevitra ny amin'ny toetoetran' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy ary ny Fanahy

SARY NATAON'I DAVID MALAN



*Mivavaka aho mba hanarahanareo ny fomba fivavak'i Joseph, hianatra ireo fahamarinana izay nianarany ianareo, ary hampatanjaka ny finoanareo ny Rainareo any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany.*



# FANTATSIKA AVY AMIN'NY FAHITANA VOALOHANY FA MAHAFANTATRA ANTSIKA MANOKANA IREO OLONA SELESTIALY IREO, TAHAKA NY NAHAFANTARAN'IZY IREO AN'I JOSEPH.

Masina ireo manam-pahaizana momba ny fivavahana sy ireo mpahaifotokevitra. Maro no nino fa olona iray Izy Ireo. Noho ny zavatra niainan'i Joseph Smith tao amin'ny Ala kely Masina 200 taona lasa izay, dia fantatsika ny fahamarinana faratampony momba ny toetoetra marin' Andriamanitra.

Voalohany indrindra dia velona Izy! Faharoa, ny Ray sy ny Zanaka dia olona roa misaraka, be voninahitra, efa nitsangana tamin'ny maty ary samy miavaka tsara. Taty aoriana dia fantatr'i Joseph fa "ny Fanahy Masina dia tsy manana vatana nofo sy taolana fa vatana Fanahy. Fa raha tsy izany dia tsy afaka mitoetra ao anatintsika ny Fanahy Masina" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22).

## 2. Zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra isika

Nianaran'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny alalan'ny Fahitana Voalohany sy ny zavatra niainana hafa fa tsy hery any lavitra any izay nahary an'izao tontolo izao sy ny mponina eo aminy Andriamanitra ary avy eo dia nanadino ny momba azy ireo. Raha ny zava-misy marina, isika tsirairay avy dia "zanakavavy [na zanakalahy] malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra."[1]

Ny fanambarana ho an'ny fianakaviana dia milaza hoe: "Ny olombelona rehetra—na lahy na vavy—dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra. Ny tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any andanitra, ary araka izany, ny tsirairay dia samy manana toetra sy anjara araka an' Andriamanitra."[2] Efa nambaran'ny Raintsika mazava tsara izany anjara izany hoe: "Fa indro, izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" (Mosesy 1:39).

Ny tena maha-izy antsika dia avy amin' Andriamanitra, ary tonga eto an-tany isika mba ho lasa tahaka Azy bebe kokoa. Io fahatakarana avy amin'ny Fahitana Voalohany io dia namela ahy tamin'ny naha-zatovolahy ahy mba hahafantatra fa manana Ray any An-danitra ahy manokana izay tia ahy aho ary maniry ny hiverenako any Aminy.

## 3. Afaka ny ho voavela amin'ny fahotantsika isika

Isan'ny olana lehibe indrindra nananan'i Joseph ny mba ho voavela amin'ny fahotany. Ao amin'ny fitantarana iray momba ny Fahitana Voalohany dia niresaka tamin'ilay tanora mpikatsaka fahamarinana tamin'ireto teny ireto ny Tompo hoe: "Ry Joseph zanako lahy, voavela ny fahotanao. Mandehana, araho ny lalàko, ary tandremo ny didiko. Indro, izaho no Tompon'ny voninahitra. Nohomboina teo amin'ny hazofijaliana ho an'izao tontolo izao aho, mba hahazoan'izay rehetra mino ny anarako ny fiainana mandrakizay."[3]

Nianaran'i Joseph fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, izy dia afaka ny ho voavela amin'ny fahotany ary ho lasa madio sy tsisy pentina eo anatrehan' Andriamanitra. Nomena fahalalana azo antoka izy fa nitondra teo Aminy ny fahotana sy ny enta-mavesatr'ireo rehetra izay efa niaina sy mbola hiaina eto an-tany i Jesoa Kristy.

Fantatsika avy amin'ny Fahitana Voalohany fa noho ny famindram-pon'i Jesoa Kristy Mpamonjintsika, dia afaka ny ho voavela amin'ny helotsika ihany koa isika

SARY NATAON'I KENDALL RAY JOHNSON

ary indray andro any dia hijoro tsy misy pentina eo anoloan' Andriamanitra.

### 4. Maheno sy mamaly ny vavaka ataontsika ny Ray any An-danitra

Tao amin'ilay ala kely tamin'izay andro izay, tamin'ny taona 1820, dia nianaran'i Joseph fa maheno sy mamaly vavaka ny Ray any An-danitra. Taty aoriana dia hoy i Joseph hoe: "Nananako tanteraka ny fahatokiana ny hahazo toromarika avy amin' Andriamanitra, toy izay efa azoko teo aloha" (Joseph Smith—Tantara 1:29). Ny ohatra nasehony dia mampianatra antsika fa afaka manatona ny Raintsika any An-danitra amin'ny alalan'ny vavaka isika mba hahazoantsika ny valin'ny vavaka ho antsika manokana.

Namerimberina io fomba fivavaka io foana i Joseph. Natoky izy fa handre sy hamaly ny vavaka nataony ny Tompo. Nivavaka momba ireo zavatra izay azo antoka fa nentinareo am-bavaka izy.

Nangataka ny hahazo fahendrena izy (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:12–13).

Nivavaka momba ny batisa izy (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:68).

Nivavaka mba hahazo fanafahana izy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:1–4).

Nivavaka ho an'ireo misiônera izy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:22).

Nivavaka ho an'ny Fiangonana sy ny mpikamban'ny Fiangonana, ary ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana izy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:71–76).

Ary nivavaka ho an'ny fianakaviany izy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:68–69).

Fomba fivavaka natao ho antsika izany. Nampiseho tamintsika i Joseph fa afaka manatona ny Raintsika amin'ny alalan'ny vavaka daholo isika.

### 5. Mahafantatra antsika manokana ny Ray sy ny Zanaka

Fantatsika avy amin'ny Fahitana Voalohany fa mahafantatra antsika manokana ireo Olona selestialy ireo, tahaka ny nahafantaran'Izy Ireo an'i Joseph. Niantso an'i Joseph tamin'ny anarany ny Ray sady "nanondro ilay anankiray," dia niteny hoe: "*Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!*" (Joseph Smith—Tantara 1:17).

Fantatry ny Ray sy ny Zanaka ny zavatra nilain'i Joseph, ny ahiahiny, ary ny zavatra niriny, tahaka ny ahafantaran' Izy Ireo ny antsika. Fantatr'Izy Ireo ihany koa ny fahombiazantsika sy ny alahelontsika.

Nandritra ny naha-zatovo ahy dia nangataka zavatra maro am-bavaka aho. Rehefa manao jery todika aho ankehitriny dia toa tsy dia manan-danja loatra ny sasany tamin'ireo zavatra ireo. Saingy nanan-danja tamiko izany tamin'izany fotoana izany, ary takatro hatramin'ny naha-mbola kely ahy fa nanana Ray any An-danitra izay nihaino ahy aho. Tsy nahazo valiny avy hatrany foana aho, kanefa tsapako fa hovaliny amin'ny fotoany sy ny fombany manokana ny vavaka nataoko araka ny fomba izay mety ho ahy.

Matokia fa hiresaka aminao Andriamanitra. Inoy ireo fahatsapana izay milatsaka ao anatin'ny fonao. Lasa mino ny vavaka sy mahatakatra ny herin'izany aho satria fantatro ny zavatra niainan'ny Mpaminany Joseph Smith. Fantatro fa nahafantatra ny anarako Andriamanitra ary hamaly ahy Izy, tahaka ny ahafantarany ny anaranareo sy hamaliany anareo koa.

### Fijoroana ho vavolombelona

Nandritra ny maro tamin'ireo 68 taona niainako teto an-tany, dia nivavaka tahaka ny nataon'i Joseph aho. Tahaka ireo mpianatra mahatokin'ny Mpamonjy rehetra dia nahazo valiny avy any an-danitra koa aho. Fantatro fa i Jesoa no Kristy. Zanak' Andriamanitra Izy. Nitsangana tamin'ny maty Izy ary velona amin'izao fotoana izao. Manana ny hery hamelana ny fahotantsika Izy. Afaka mitondra antsika miverina soa aman-tsara any amin'ny fonenantsika any an-danitra Izy amin'ny alalan'ny finoantsika, ny fankatoavantsika, ary ny fibebahantsika.

Amin'ny maha-Apôstôlin'i Jesoa Kristy Tompo ahy sy amin'ny maha-vavolombelony voatendry ahy, dia mijoro ho vavolombelona tsy amim-pisalasalana sy amin'ny faharesen-dahatra izay hamafisin'ny Fanahy Masina aho fa niseho tamin'i Joseph Smith tao amin'ny Ala kely Masina ny Ray sy ny Zanaka. Mivavaka aho mba hanarahanareo ny fomba fivavak'i Joseph, hianatra ireo fahamarinana izay nianarany ianareo, ary hampatanjaka ny finoanareo ny Rainareo any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Fanevan'ny Zatovovavy," youngwomen.ChurchofJesusChrist.org.
2. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* mey 2017, 145.
3. "Joseph Smith's Accounts of the First Vision," josephsmithpapers.org.

# FIARAKARETSAKA iray ZAZALAHY MPIANATRA IRAY, ary VALIN'NY VAVAKA iray

*Nahazo bitsika izahay fa hahita azy, koa nahoana no tsy tanteraka izany?*





SARY NATAON'I COREY EGBERT

**Nosoratan'i Sydney Chime Ihunwo**

Indray andro, nahazo anaran'olona mba ho ampianarina izaho sy ny misiônera mpiara-mitory amiko, dia lehilahy nipetraka tany amin'ny tanàna iray nantsoina hoe Tema, teo akaikin'ny tanàna tsara tarehin'i Accra, Ghana izany. Tsy dia marina loatra ny laharan'ireo trano ao amin'ilay tanàna ka nomena famaritana an-tsoratra izahay mba hanampiana anay hahita ilay trano.

Rehefa tonga tany amin'ilay tanàna izahay dia nanaraka ny fanoroan-dalana saingy tsy nahita ilay lehilahy satria toa maro ireo trano izay nitovy tamin'ilay famaritana nomena. Nisafotofoto ny sainay ka nanapa-kevitra ny handondona ny varavaravan'ireo mponina teo amin'ny manodidina izahay, saingy toa tsy nisy nahafantatra ilay lehilahy notadiavinay. Nisy nanosika ahy mba hangataka fanampiana amin'ny Ray any An-danitra.

Rehefa avy nivavaka izahay dia nanana fahatsapana aho fa ho hitanay ilay lehilahy notadiavinay, ka nampitomboanay ny ezaka nataonay. Saingy tsy mbola hitanay ihany izy. Reraka izahay ary nanapa-kevitra ny hiverina any amin'ny faritra niasanay satria nanana fotoana hafa izahay. Rehefa tonga teo amin'ny fiantsonan'ny fiarakaretsaka izahay dia hitan'ilay mpamily fiarakaretsaka nitondra anay tany amin'ilay tanàna ny endrikay diso fanantenana ary nanontany anay izy raha hitanay izay notadiavinay. Mazava ho azy fa tsia ny valiny nomenay.

Nanoro hevitra anay izy mba hiditra ao amin'ny sekoly iray izay teo amin'ny kihon-dalana iray ary hanontany ao. Nolazainay izy fa tsy izany no famaritana nomena anay, saingy nisisika ny hanaovanay izany izy. Nivoaka tao amin'ilay fiarakaretsaka izahay ary nandeha teny amin'ilay sekoly, tsy nieritreritra ny hahita na iza na iza, fa mba hanomezana fahafaham-po an'ilay namanay te hanampy fotsiny.

Rehefa nanomboka nanatona an'ilay tranobe misahana ny fitantanan-draharaha tao amin'ilay sekoly izahay dia nisy ankizilahy iray nihazakazaka nanatona anay. Nitsiky izy ary nilaza fa izy sy ny rahalahiny ihany no hany mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany mipetraka ao amin'io faritra io ary afaka manampy izy.

Nifampijery izaho sy ny mpiara-mitory amiko toy ny tsy nino. Fahagagana izany. Nampian'ilay ankizilahy izahay hahita an'ilay lehilahy notadiavinay ary nanaiky ny filazantsara izy sy natao batisa tamin'ny farany.

Nampianatra ahy io zavatra niainana io fa mamaly vavaka amin'ny fotoany sy amin'ny fombany ny Ray any An-danitra. Rehefa tsy mahazo ny valin'ireo vavaka ataontsika eo no ho eo ihany isika, dia afaka mampihatra finoana Aminy sy mianatra ny hanam-paharetana. ■

*Mipetraka any Rivers State, Nigéria ny mpanoratra.*

**Nosoratan'ny Loholona**
**Edward Dube**
Ao amin'ny Fitopololahy



# Mampitombo ny **finoa** ko tsikelikely

SARY NATAON'I GREG NEWBOLD

*Mitaky fotoana ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona. Matetika izany no mitaky zavatra niainana madinika mitambatambatra.*

Ny iray amin'ireo fotoana manandanja indrindra teo amin'ny fiainako dia nitranga tamiko fony aho folo taona rehefa nianatra fotopampianarana Katôlika nandritra ny roa herinandro tao amin'ny Misiôna Katôlika Rômana Lorette aho, izay tokotokony ho 32 km miala ny ambanivohitra fonenako tao Silobela, Zimbabwe. Lasa nahafantatra sy tia an'i Jesoa Kristy Mpamonjy aho ary niantehitra tamin'ny Tompo tamin'ny alalan'ireo lesona sy fahatsapana tany am-boalohany ireo.

Rehefa tao anatin'ilay trano fivavahana Katôlika aho dia nahita sary hosodoko nipetaka teo amin'ny rindrina izay ahitana sary maneho ny zava-nitranga teo amin'ny fiainan'ny Mpamonjy: sary maneho ny fahaterahan'i Jesoa Kristy, Izy mampianatra ao amin'ny tempoly, mivavaka ao amin'ny Sahan'i Getsemane, mitondra ny hazofijaliana mankany Kalvary, Izy homboina eo Golgota, ary ny Fitsanganany tamin'ny maty. Tena nampalahelo ahy ny nahita ireo fantsika sy tsilo. Rehefa tonga teo amin'ilay sary hosodoko maneho ny Fanomboana aho, dia nanganohano be ny masoko. Ary isak'izay tonga teo aho dia nitomany sy niteny foana hoe: "Tena mafy tokoa ny zavatra nentiny ho ahy fotsiny."

Nandritra ilay lanonana nanaovana ny konfirmasiona dia nibanjina ny masoko ny iray tamin'ireo pretra dia niteny hoe: "Fahazavan'izao tontolo izao ianao" (jereo ny Matio 5:14). Dia nanondro labozia nirehitra iray izy sady nilaza ny tenin'ny Mpamonjy hoe: "Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra" (Matio 5:16).

Rehefa nianatra bebe kokoa momba an'i Jesoa aho dia nanomboka naniry ny hanompo ny hafa. Ohatra hoe tsy maintsy mandeha maka ny ranonay any amin'ny 8 km miala ny tanànanay izahay. Matetika ireo vehivavy ao an-tanàna, anisan'izany ny reniko, no miloloha siny 20 litatra izay feno rano. Taorian'ilay traikefako tao amin'ny seminera Katôlika, dia matetika aho no nanosika siny 200 litatra mba hanampiana ny reniko, ary nanampy vehivavy mananotena miisa roa izay niara-nonina taminay koa aho. Tsaroako ny fahatsapana tsara izay nananako isak'izay nanampy ny hafa aho.

Ireo zavatra niainana ireo dia nanampy ahy hampitombo ny finoako ny Ray Any an-danitra sy i Jesoa Kristy ary nanomana ahy an-kolaka mba hanaiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy rehefa feno 22 taona aho.

## NANDRAY NY BOKIN'I MÔRMÔNA

Nihalehibe tao anatin'ny fotoana nisian'ny fanovana tao amin'ny fireneko aho. Nanambara ny fahaleovan-tenany tamin'i Grande-Bretagne ireo fotsy hoditra vitsy an'isa notarihin'i Ian Smith tamin'ny taona 1965. Niteraka sazy ara-toekarena avy amin'ny Firenena Mikambana izany ary nahatonga ny fisian'ny ady an-trano nandritra ny taona maro izay naharitra hatramin'ny taona 1980, izay taona nahazoan'i Zimbabwe ny fahaleovan-tenany. Rehefa nahavita ny fianarako aho dia nifindra tany amin'ny tanàna iray mba hiasa ary tsy nandeha nivavaka na taiza na taiza nandritra ny taona maro.

Indray andro dia niara-nilalao tamin'ireo zanakalahin'ny mpampiasa ahy aho. Sivy sy fito taona izy ireo. Hoy izy ireo hoe: "Ny dadanay no filohan'ny sampana ao amin'ny Fiangonanay." Nohazavain'izy ireo ny atao hoe filohan'ny sampana, dia niteny tsy am-piheverana aho hoe: "Tsy ho lasa any an-danitra ny rainareo." Fantatro fa nanao fahadisoana lehibe aho, ary nieritreritra tamin-tebiteby momba ny zavatra azoko lazaina amin'izy ireo aho mba hanadinoan'izy ireo ny fanamarihana nataoko. Nony hariva ny andro, rehefa nahita ny rainy izy ireo dia nihazakazaka teny aminy namerina nilaza ny zavatra nolazaiko. Noheveriko fa ho very asa aho.

Talohan'izay ny mpampiasa ahy dia nampiseho ahy akanjo iray izay nanaovany fony izy tany amin'ny tafika, izay midika fa namono olona izy. Izay no antony nilazako ny zavatra noteneniko.



Tamim-pahatoniana tokoa no nanontaniany ahy ny antony nilazako izany. Hoy aho hoe: “Tale a! Nilaza tamiko ianao hoe namono olona tany an’ady. Hoy ny Baiboly hoe -Aza mamono olona.-”

Nanontaniany ahy ny fiangonana hivavahako. Nolazaiko azy fa tany amin’ny Fiangonana Katôlika aho no nivavaka fa efa fito taona izay no tsy nandehanako tany. Nizara zavatra niainana tao amin’ny Testamenta Taloha izy mikasika ireo ady sy fifandirana, ary avy eo dia nomeny Bokin’i Môrmôna aho. Faly be aho fa tsy very asa.

Tamin’ny taona 1981 no nanomezany ahy ny Bokin’i Môrmôna, saingy tsy namaky na nanokatra izany akory aza aho nandritra ny roa taona. Indray alahady dia sorena aho rehefa tsy teo an-tanàna ireo namako, ka dia noraisiko ilay boky ary nandeha teny akaikin’ny fiantsonan’ny fiaran-dalamby aho dia namaky izany. Rehefa namaky ilay boky aho tamin’izay andro izay dia afaka nahatsapa zavatra namporisika ahy hanao ny tsara, fa ny tena nahakasika ny foko taty aoriana nandritra ny famakiako izany dia ny 3 Nefia 11. Namaky momba ireo Nefita sisa velona aho izay avy niaina ady sy fahoriana lehibe, ary dia niseho tamin’izy ireo avy eo i Jesoa Kristy Mpamonjy.

Avy niaina ny ady an-tranonay nandritra ny 15 taona ny fireneko. Ny sasany tamin’ireo olona niara-lehibe tamiko tao amin’ny tanànako dia nandeha niady ary maty tany. Ny sasany dia kilemaina nandritra ny fiainany.

Ka rehefa namaky momba ny Nefita aho dia tsapako ho toy ireny hoe nanolotanana ahy ireny i Jesoa Kristy Mpamonjy rehefa nilaza hoe: “Mitsangàna ary mankanesa aty Amiko, hahazoanareo mitehika ny lanivoako amin’ny tananareo, . . . mba hahazoanareo mitsapa ny diam-pantsika amin’ny tanako sy amin’ny tongotro mba hahafantaranareo fa Izaho no Andriamanitr’i Isiraely sy Andriamanitry ny tany manontolo, ary efa novonoina noho ny fahotan’izao tontolo izao” (3 Nefia 11:14).

Tsapako ho toy ny hoe nanolo-tanana ahy manokana Izy nanasa ahy mba hanatona Azy. Tonga saina aho hoe afaka nanatona ny Mpamonjy sy nahazo fijoroana ho vavolombelona momba Azy aho. Nanova ny zavatra rehetra izany.

## NAHAZO NY FIJOROAKO HO VAVOLOMBELONA

Nila volana maromaro aho mba hahazoana herim-po hankanesana tany am-piangonana. Fantatro ny toerana nisy ny Fiangonana, saingy tsy nisy misiônera tao amin’ny sampana kely nisy anay. Tamin’ny febroary 1984 dia niditra tao amin’ny trano fiangonana tao Kwekwe aho. Te hiverina hivoaka aho. Tsy azoko antoka hoe ho voaray tsara tao aho ka dia nipetraka tany aoriana, efa vonona ny hiala haingana tao. Taorian’ny fanokafana ny fotoana dia nizara ny fijoroany ho vavolombelona momba an’i Jesoa Kristy Mpamonjy sy ny Bokin’i Môrmôna i Mike Allen izay filohan’ny sampana. Tsapako ho liana aho. Nizara ny fijoroany ho vavolombelona momba ny Mpamonjy sy ny Bokin’i Môrmôna ihany koa ilay olona manaraka, ary mbola nanao toy izany koa ilay fahatelo. Faly ery aho. Tsy nanana herim-po hankanesana teny amin’ny polipitra aho ka dia nitsangana teny amin’ny toerana nisy ahy, ary nilaza hoe: “Tiako i Jesoa. Mamaky ny Bokin’i Môrmôna aho.” Dia nipetraka aho. Izay no fiantombohan’ny fijoroako ho vavolombelona.

Ireo fijoroana ho vavolombelona ireo no fomba nanoloran’ny Tompo tanana tamiko satria nanampy ahy hahatsapa izany fa nanana ny toerako tao amin’ny Fiangonana aho. Tsapako fa rahalahiko sy anabaviko daholo ireo olona tao. Nandritra ireo andro manaraka dia nivavaka ho azy ireo aho ary nivavaka mba horaisin’ny olona tsara. Nihaona



***Nianatra aho fa ny hoe mpianatra dia dingana miantoana ary mila mandroso hatrany isika.***

tamin'ny mpikambana izay tsara fanahy tokoa sy nanampy ahy aho tao.

Zavatra maro no nitranga tamin'io andro io rehefa niditra tao amin'ilay trano fiangonana aho. Manontany tena aho hoe inona no mety ho nitranga raha tsy nizara ny fijoroany ho vavolombelona ireo olona ireo. Tsy fantatrao mihitsy raha toa ka misy olona manana olana. Rehefa mitsangana ianao ary milaza ny zavatra tsapanao, dia mety ho izay mihitsy no zavatra ilain'ny olona iray mba ho reny.

Zarao matetika ny fijoroana ho vavolombelona anananao. Rehefa manao izany ianao dia mampatanjaka ny tenanao sy ny olona hafa manodidina anao. Mijoroa amin'ny zavatra fantatrao. Rehefa manaraka ny torohevitra avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ianao dia hanakaiky kokoa ny Mpamonjy.

## MANAKAIKY KOKOA NY MPAMONJY

Ny fotoana nianarako tao amin'ny Misiôna Katôlika Rômana Lorette no nametraka ahy teo amin'ilay lalana mba ho tonga mpianatr'i Jesoa Kristy Mpamonjy. Hatramin'izay fotoana izay dia nianatra aho fa ny hoe mpianatra dia dingana miantoana ary mila mandroso hatrany isika na inona na inona fahalementsika sy zavatra mametra antsika. Rehefa ekentsika ilay fanasana hoe: "Aoka ho tanteraka hianareo toy ny fahatanterahan'ny Rainareo Izay any an-danitra" (Matio 5:48), dia handroso mankany amin'ny fiainana mandrakizay "andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika" (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:12) isika.

Fantatsika fa tsy ho mora foana ny lalam-piainantsika, ary hiaina fahasarotana sy ratram-po isika ao anatin'ilay dingana, fa ny fitodihana any amin'ny Mpamonjy ihany no lalana hahitana fiadanana eo amin'ny fiainantsika.

Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Mpamonjy no zavatra manan-danja indrindra amiko. Fantatro fa mikatsaka ny hifandray amintsika ny Mpamonjy. Mila mijery sy manaraka Azy isika ary manolotanana mba hampahery ny hafa eo am-panolorany tanana antsika sy hampaherezany antsika. ■



# Inona no lazainao rehefa tsy mino ny namanao fa afaka ny hitranga ny Fahitana Voalohany?

*"Amin'ny alalan'ny fanambarana ho an'ny tena manokana, no ahafahanareo mahazo fijoroana ho vavolombelona anareo manokana fa tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna, fa mpaminany i Joseph Smith, ary ity no Fiangonan'ny Tompo. Na inona na inona mety holazain'ny hafa na hataony, dia tsy misy olona afaka hanaisotra ny fijoroana ho vavolombelona napetraka tao am-ponareo sy ao an-tsainareo momba izay marina."*

Filoha Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2018, 95.



### Manàna finoana

Raha mikasika ireo fanontaniana ara-panahy dia tsy ny ara-drafikevitra fotsiny ihany no ilaintsika fa ilaintsika koa ny manana finoana mba hahafantatra fa tena afaka nitranga tokoa ny Fahitana Voalohany. Afaka mahazo izany finoana izany isika amin'ny fangatahana izany amin'ny Ray any An-danitra sy amin'ny alalan'ny fihainoana ny Fanahy.

***Julia B., 17 taona, Californie, Etazonia***

### Halalino ny Baiboly

Angataho ireo namanao mba handalina ny Baiboly. Raha mino izy ireo fa tenin' Andriamanitra izany dia tokony hino izy ireo fa miteny amintsika Andriamanitra amin'izao fotoana izao amin'ny alalan'ireo fahitana toy ny Fahitana Voalohany satria nanao zavatra nitovy tamin'izany Izy tamin'i Adama, i Mosesy, i Isaia, ary ireo mpaminany hafa tamin'ny fomba maro hafa.


***Elder Muanda, 22 taona, Misiônan'i Nairobi Kenya***



### Mangataha amin' Andriamanitra

Raha naharitra an-jato taonany maro ny apôstazia dia tsy midika akory izany fa nampitsahatra ireo fahitana avy Aminy Andriamanitra. Mila manana fo manetry tena sy mangataka amin' Andriamanitra amin-kitsimpo omban'ny tena finiavana toy ny nataon'i Joseph Smith isika.

***Jeremi E., 19 taona, Kinshasa, Repoblika Demôkratikan'i Congo***



### Minoa an' Andriamanitra

Hanontaniako ny namako hoe "Mino an' Andriamanitra ve ianao? Mino ve ianao fa nahary ny zavadrehetra Izy? Mino ve ianao fa niseho tamin'ireo mpaminany fahiny izy? Ka raha mino izany ianao, dia nahoana no tsy mino ianao fa afaka ny hisy izany amin'izao fotoana izao? Afaka ny hisy izany."

***Sarah M., 16 taona, Utah, Etazonia***

### Zarao ny fijoroanao ho vavolombelona

Mizara ny fijoroako ho vavolombelona amin'ny namako aho fa ny Ray any Andanitra dia manambara zavatra amin'ny zanany rehefa mangataka Aminy aminkitsimpo mba hahafantatra ny fahamarinana izy ireo. I Joseph Smith dia nanana faniriana ny hahafantatra ny fahamarinana ary nandray andraikitra teo anatrehan'ny finoany izy. Ianao koa dia afaka miaina zavatra mahafinaritra raha toa ka mangataka ny Ray any An-danitra amin'ny fonao iray manontolo ianao.

***Mara C., 20 taona, Lima, Pérou***

*Mety ho asiam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara. Ireo valinteny izay avoaka dia natao ho fanampiana sy ho fizaran-kevitra fa tsy toy ny fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran'ny Fiangonana.*

### *Inona no eritreritrao?*

"Sarotra ho ahy ny mifanara-tsaina amin'ny ray aman-dreniko. Ahoana no fomba hanatsarako ny fifandraisanay?"

Alefaso ny valinteninao, ary raha tianao, dia mandefasa sary à haute résolution hatramin'ny 15 mey 2019 ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org (tsindrio ny "Submit an Article or Feedback"). Na alefaso email ny valinteninao ao amin'ny liahona@ChurchofJesusChrist.org.



# Ahoana no nandikan'i Joseph Smith ny Bokin'i Môrmôna?

Talohan'ny nanafenany ireo takela-bolamena dia nanoratra teo amin'ny pejin-dohatenin'ny Bokin'i Môrmôna i Môrônia, izay mpaminany farany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, fa hadika "noho ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny" ilay boky. Mbola io hatrany no fomba tsara indrindra hamaritana ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna.

Nanonona ireo teny ho an'ny dikanteny tamin'ny mpitantsoratra i Joseph Smith, ary i Oliver Cowdery izany tamin'ny ankamaroan'ny fotoana. Koa satria nandika fiteny iray izay tena tsy fantatra mihitsy i Joseph, dia nila niantehitra tamin'ny Tompo izy. Fomba iray nanampian'ny Tompo azy ny fanolorana fitaovana azo tsapain-tanana mba hanampiana an'i Joseph tamin'ny fandikana. Nilaza ireo vavolombelona fa nijery tao amin'ireo fitaovana i Joseph dia niseho taminy tamin'ny teny anglisy ireo teny. Anisan'ireo fitaovana fandikan-teny ireo "fandikan-teny" na "Orima sy Tomima", izay vato mazava miisa roa nasiana sisiny vy toy ny solomaso mba hahafahan'i Joseph mijery ao anatin'izy ireo. Nomena an'i Joseph niaraka tamin'ireo takelaka izany. Fitaovana iray hafa nampiasain'i Joseph ny "vato mpahita" iray izay nojereny, ary matetika ilay izy no napetrany tao anaty satroka rehefa nanao izany izy. Hitan'i Joseph tany aloha tany io vato io ary nampiasainy mba hitadiavana zavatra miafina na very. Samy nampiasainy ireo fandikan-teny sy ilay vato mpahita rehefa nandika teny izy, ary niantehitra hatrany tamin'ny fitaomam-panahy avy any an-danitra.

Tena mahagaga tokoa ny Bokin'i Môrmôna ary natao "noho ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny" izany.

**Mba hahitana fampahalalana misimisy kokoa momba ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna dia jereo ny "Book of Mormon Translation" ao amin'ny topics.ChurchofJesusChrist.org na ao amin'ny Gospel Topics ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile.**

SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

*Sary efatra avy amin'ny*

# HERINANDRON'NY PASKA



SARY MANEHO SATROKA TSILO NATAON'I DILLEEN MARSH

## *Satroka tsilo*

***Jereo ny Matio 27:29; Marka 15:17; Jaona 19:2.***
Nosatrohin'ireo miaramila Rômana satroka tsilo ny Mpamonjy. "Io fihetsika tsy mifaditrovana io angamba dia fikasana haka tahaka amin-karatsiampanahy ny fametrahana ravintsara eo amin'ny lohan'ny amperora. . . . Tena nandratra fanahy tokoa izany rehefa mieritreritra fa ny tsilo dia midika ho tsy fahafalian' Andriamanitra rehefa nanozona ny tany noho i Adama Izy mba haniry tsilo izany nanomboka tamin'izay. Saingy rehefa nanao ilay satroka i Jesoa dia navadiny ho tandindon'ny voninahiny ireo tsilo" (Filoha James E. Faust, Apr. 1991 general conference).

"Ny fanjakako tsy avy amin'izao tontolo izao" (Jaona 18:36).



*KRISTY SY PILATO*, NATAON'I MARCUS VINCENT, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANOMBAKOKY NY FIANGONANA

## *Lamba volomparasy*

***Jereo ny Matio 27:28; Marka 15:17; Jaona 19:2.***
Ny volomparasy dia loko natao ho an'ny mpanjaka, ary ireo miaramila dia nampitafy an'io lamba io an'i Jesoa tamimpanesoana satria nilaza ho mpanjakan'ny Jiosy Izy. Marina tokoa fa raha ny tena izy dia mihoatra lavitra izany Izy: Izy no "Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo" (1 Timoty 6:15; Apokalypsy 19:16).

"Mivoaka ny masonkoditra rehetra ny ra, fa ho lehibe loatra ny fitaintainany" (Môzià 3:7).

## Famotsehana oliva

***Jereo ny Matio 26:36; Marka 14:32; Lioka 22:39–40; Jaona 18:1.***

"Tena tandindona mampihetsi-po ny hoe -[n]ivoaka ny mason-koditra rehetra ny ra- [Môzià 3:7] raha nijaly i Jesoa tao Getsemane, ilay toerana izay midika hoe famotsehana oliva. Tamin'ny andron'ny Mpamonjy, mba hahazoana menaka oliva dia nopotsehana aloha ireo oliva tamin'ny fampandalovana vato lehibe teo ambonin'izy ireo. Ny -potsitr'oliva- azo avy eo dia natao anaty harona malefaka voarandrana malaladalaka, izay nampifampitaingenina. Ny havesatr'izy ireo no namoaka ilay menaka voalohany sy tsara indrindra. Ary avy eo dia nasiana vesatra fanampiny tamin'ny fametrahana vatan-kazo lehibe teo ambonin'ireo harona mifampitaingina ka mamoaka menaka bebe kokoa. Farany, mba hamoahana ny ambina menaka farany dia novesarana vato ilay vatan-kazo mba hahazoana ny fanapotserana mafy indrindra. Ary eny, toy ny lokon-dra ilay menaka raha vao mivoaka iny izy amin'ny voalohany" (Loholona D. Todd Christofferson, fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, ôkt 2016).





SARINA FAMOTSEHANA OLIVA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES



## Fasana foana

***Jereo ny Matio 28:1–8; Jaona 20:1–18.***

"Ilay fasana foana tamin'izany maraina voalohan'ny Paska izany no valin'ny fanontaniana napetrak'i Joba hoe -Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?- [Joba 14:14]. Ho an'ireo izay mandre ny feoko no hanambarako fa raha maty ny olona dia ho velona indray izy. Fantatsika izany satria manana ny hazavan'ny fahamarinana nambara isika" (Filoha Thomas S. Monson, "Efa nitsangana Izy!" Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aprily, 2010).

**"Tsy ato Izy fa efa nitsangana" (Lioka 24:6).**



## INONA NO TANJONAO?

*Manana anjara asa ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny eo an-dalam-pitohizana isika tsirairay amin'ny maha-tanora antsika. Ahoana no fomba fandraisanao anjara?*

42

ZATOVO

**NY FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA ANANANAO MOMBA NY FAHITANA VOALOHANY**

52, 62

PASKA

**SARY EFATRA**

64

HO AN'NY ANKIZY

**VAKIO NY TANTARAN'NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY**

N4

MALAGASY


4 02167 19654 9

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

Aprily 2020

# Namana






Velona i Jesoa Kristy ary namerina tamin'ny Laoniny ny **FIANGONANY** Izy









Fizarana ho an'ny ankizy ao amin'ny *Liahona*, avoakan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany



**Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson**

# Mitondra fanampiana amin'ny FAMERENANA AMIN'NY LAONINY

Tamin'ny 1820 dia niseho tamin'i Joseph Smith ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy. Hoy ny Ray any An-danitra hoe: "Ity ny Zanako Malalako. Henoy Izy!" Nanomboka tamin'izay andro iray 200 taona lasa izay ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara. Mbola mitohy izany ankehitriny!

Mbola hiverina eto an-tany indray i Jesoa Kristy indray andro any. Ireto misy fomba efatra azonao hitondrana fanampiana amin'ny Famerenana amin'ny laoniny sy hiomanana amin'ny fotoana izay hiverenan'i Jesoa:

- Aoreno ny finoanao an'i Jesoa Kristy.
- Fantaro ny momba ny fianakavianao dia manampia mba hamitana asa atao any amin'ny tempoly ho azy ireo.
- Miomàna handeha any amin'ny tempoly.
- Manampia olona hianatra momba an'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany.

Ny fanaovana ireo zavatra ireo dia hanampy amin'ny fanomanana izao tontolo izao ho amin'ilay andro iray mahatalanjona izay hiverenan'i Jesoa indray! ●





SARY NATAON'I KATIE MCDEE


*Notsoahina avy tamin'ny "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona, 2018), 19, churchofjesuschrist.org/study/broadcasts/worldwide-devotional-for-young-adults/2018/06/hope-of-israel?lang=mlg.*


Nilaza ny Filoha Nelson fa afaka manampy amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny ankizy. Inona no fomba iray ahafahanao manampy?

# Mianatra momba ny Famerenana amin'ny laoniny


Mampianatra ity fianakaviana ity momba ny fomba namerenana tamin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ireo misiônera. Tadiavo ireto zavatra eto ambany ireto izay maneho ny ampahany amin'ny Famerenana amin'ny laoniny.





Tenin'ny Fahendrena


fanasan'ny Tompo



asa fitoriana ny filazantsara



soratra masina


fanomezana ny Fanahy Masina


tempoly


tantaram-pianakaviana


fiangonana


fisoronana

Avadiho ny pejy mba hianarana misimisy kokoa momba ny Famerenana amin'ny laoniny!

SARY FANEHOANA NATAON'I CARLES MARTI

# Naverina tamin'ny laoniny ny Fiangonan'i Jesoa Kristy!




Niaina niaraka tamin'ireo Ray aman-drenintsika any An-danitra isika talohan'ny nahatongavantsika tety an-tany. Tian' Izy Ireo isika! Nanana drafitra tena tsara ho antsika ny Ray any An-danitra. Handeha ety an-tany isika mba hahafahantsika mahazo vatana sy mianatra ary mivoatra. Avy eo isika afaka miverina miaina any amin'ilay fonenantsika any an-danitra. Saingy tsy hahavita irery izany isika. Mila fanampiana isika.

Nisafidy an'i Jesoa Kristy zokintsika lahimatoa ny Ray any An-danitra mba ho tonga ety an-tany hanampy antsika. Nampisehon'i Jesoa antsika ny fomba hitiavantsika ny hafa sy hanarahantsika ireo didin'ny Ray any An-danitra. Nifidy Apôstôly Izy hitarika ny Fiangonany.





Nijaly ho antsika avy eo i Jesoa tao amin'ny Sahan'i Getsemane. Nahatsapa ny fanaintainantsika sy ny fijaliantsika rehetra Izy. Maty ho antsika teo amin'ny hazofijaliana Izy. Noho izany dia afaka mitodika any Aminy isika rehefa maratra na malahelo na mila fanampiana. Afaka mibebaka isika rehefa manao zavatra tsy mety.




Ny andro fahatelo taorian'ny nahafatesan'i Jesoa, dia nitsangana tamin'ny maty Izy. Velona indray i Jesoa! Hitsangana amin'ny maty koa isika noho izany. Afaka miaina any an-danitra indray isika aorian'ny fahafatesantsika.

SARY NATAON'I APRYL STOTT

Taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty dia nitsidika an'ireo mpianany tany Jerosalema sy tany Amerika i Jesoa. Nangataka ny Apôstôliny Izy mba hanohy hampianatra ny olona momba ny filazantsara. Maro ireo olona naheno ireo Apôstôly no natao batisa sy niditra ho mpikamban'ny Fiangonana.





Taorian'ny nahafatesan'ireo Apôstôly dia nanomboka nanadino ireo ampahany sasantsasany manan-danja ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa ny olona. Nitsahatra nino izy ireo fa ny Ray any An-danitra dia hanentana foana ny fanahin'ireo zanany ety an-tany. Hadinon'izy ireo fa ny olona rehetra ety an-tany dia hanana fahafahana ny hatao batisa. Nitsahatra nino izy ireo fa ireo mpaminany sy apôstôly dia hitarika foana ny Fiangonana.

Nandeha ny taona maro. Farany dia tonga ny fotoana hamerenana ireo ampahany nanjavona tao amin'ny filazantsaran'i Jesoa. Tonga ny fotoana hamerenana ny Fiangonany! Nila olona iray mba ho mpaminany ny Ray any An-danitra sy hamerina izany ety an-tany. Nifidy zatovolahy iray nantsoina hoe Joseph Smith Izy.





Indray andro, namaky ny Baiboly i Joseph. Milaza ny ao amin'ny Jakoba 1:5 fa hamaly ireo fanontaniantsika ny Ray any An-danitra rehefa mangataka amim-pinoana isika. Tena nanana fanontaniana i Joseph! Fantany fa maro ireo fiangonana izay nampianatra mikasika an'i Jesoa. Saingy te hahafantatra izy raha toa ka misy anankiray toy an'ilay Fiangonan'i Jesoa ao amin'ny Testamenta Vaovao.



Indray marainan'ny lohataona, nanodidididina ny vanim-potoan'ny Paska dia nandeha tany an'ala teo akaikin'ny tranony i Joseph. Nandohalika izy ary nanomboka nivavaka. Nisy zavatra maizina tsapan'i Joseph avy eo. Niezaka nanakivy azy i Satana. Saingy nanohy nivavaka tamin'ny heriny rehetra i Joseph.



Avy eo dia nisy hazavana tena kanto nidina. Nahita ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy i Joseph. Nantsoina hoe Fahitana Voalohany izany. Nilaza Izy Ireo fa tsy teto an-tany ny Fiangonan'i Jesoa. Fa ho tonga tsy ho ela izany. Ny Famerenana amin'ny laoniny no fiantombohan'izany!

Naniraka anjely ny Ray any An-danitra mba hamerina amin'ny laoniny ireo ampahany manan-danja ao amin'ny filazantsara. Nomen'ny anjely Môrônia an'i Joseph ireo takela-bolamena mba hahafahantsika mahazo ny Bokin'i Môrmôna mba hanampy antsika hianatra momba an'i Jesoa Kristy.





Naverin'i Jaona Mpanao Batisa ny Fisoronana Aharôna. Nentin'i Petera sy i Jakoba ary i Jaona ny Fisoronana Melkizedeka mba hahafahantsika mandray ny Fanahy Masina sy mahazo tsodrano rehefa marary.

Tonga i Elia mba hahafahantsika ho voafehy amin'ny fianakaviantsika any amin'ny tempoly.







Naorina Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Midika izany fa niverina eto an-tany ny Fiangonan'i Jesoa! Ao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny daholo ireo zavatra rehetra ireo.



Mbola mitohy ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara amin'izao fotoana izao. Mizara ny vaovao mahafalin'i Jesoa Kristy manerana izao tontolo izao ireo mpaminany, apôstôly sy misiônera ary mpikambana. Aorina any amin'ny tany maro ireo tempoly mba hahafahan'ny olona ho voafehy mandrakizay amin'ny fianakavian'izy ireo. Ary manampy ny olona any amin'ireo toerana ianjadian'ny mosary na loza ny Fiangonana.



Afaka manao zavatra ny olona rehetra mba hanampiana amin'ny Famerenana amin'ny laoniny. Afaka manampy ianao amin'ny alalan'ny famantarana ny momba ny tantaram-pianakavianao sy ny fanaovana batisa any amin'ny tempoly. Afaka manome fahafolonkarena ianao mba hanorenana fiangonana sy tempoly. Afaka manolotra fanatitra amin'ny fifadian-kanina ianao mba hanampiana ireo olona sahirana. Afaka miresaka amin'ny olona momba an'i Jesoa Kristy ianao.







Nomen'i Jesoa antsika ny Fiangonany mba hanampiana antsika hiverina any amin'ny fonenantsika any an-danitra. Afaka mandray ny fanasan'ny Tompo isika ary mahatsiaro mandrakariva ny zavatra nataony ho antsika. Afaka mampiseho fitiavana ny hafa toy ny nataony isika. Afaka manampy ny olona rehetra hianatra momba ny filazantsarany isika! ●

# Tadiavo!


Noho ny Famerenana amin'ny laoniny dia afaka mahafantatra momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny olona manerana izao tontolo izao! Firy ny tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna hitanao? Sainam-pirenena firy no hitanao? Fanamby fanampiny: Iza no fantatrao amin'ireo saina ireo?



SARY NATAON'I KAREN LEWIS


# Maheno ny
# ataoko ny
# An-da

Nihaino ny vava
Joseph Smith ny Ray
Maheno ny ah



# y vavaka
# Ray any
# nitra.

aka nataon'i
y any An-danitra.
ny koa Izy!



SARY NATAON'I APRYL STOTT



# Fiangonana ho an'i Zulma

*Misy zavatra betsaka kokoa tian' Andriamanitra ho fantatr'i Zulma angamba.*

**Nosoratan'i Lucy Stevenson**
Gazetibokin'ny Fiangonana
(Niainga tamin'ny tantara marina)

*"Mitadiava, dia hahita ianareo" (3 Nefia 14:7).*

Nipetraka teo amin'ny iray amin'ireo seza lava tao am-piangonana i Zulma dia nampitsotra ny zipo izay fanamiany rehefa mianatra. Nisy hazavana miloko nitaratra avy teo amin'ireo varavarankely misy sary, ary nisy hazofijaliana nijoro teo anoloana tao amin'ilay trano fivavahana. Sekolimpinoana no nianaran'i Zulma, ka dia nandeha namonjy fotoam-pivavahana indroa isan'andro niaraka tamin'ireo mpianatra hafa izy. Tian'i Zulma ny fiangonany. Tia an'i Jesoa izy ary tia mianatra momba Azy.

Nipetraka izy sady nangina tsara rehefa nanomboka niteny ilay pretra. Saingy toa tsy nitovy tamin'ireo andro hafa ny tamin'io andro io. Tampoka teo dia nisy eritreritra vaovao tonga tao an-tsainy sy tao am-pony hoe: *Misy fahamarinana bebe kokoa azo ianarana eto amin'izao tontolo izao.*

Nampikentrona ny volomasony roa i Zulma. Fahamarinana bebe kokoa hoe e? Inona koa no dikan'izany?

Niverina indray ilay eritreritra. *Misy fahamarinana bebe kokoa.*

Nakimpin'i Zulma ny masony dia nifantoka tamin'ny zavatra tsapany izy. Nianatra zavatra tsara maro tao am-piangonana izy. Saingy nametra-panontaniana izy tamin'izay raha toa ka misy zavatra banga. Misy zavatra betsaka kokoa tian' Andriamanitra ho fantany angamba. Saingy ahoana no ahafahany mahita izany?


Taty aoriana dia niresaka tamin'i Alberto zokiny lahy izy mikasika ny eritreritra tonga tao an-tsainy.

"Mihevitra ve ianao hoe misy fahamarinana bebe kokoa azo ianarana eto amin'izao tontolo izao." Hoy i Alberto nanontany.

Nanetsika ny lohany ho fanekeny izany i Zulma. "Te hianatra momba ny fiangonana hafa aho," hoy izy.

"Eny ary," hoy i Alberto namaly. "Hiaraka aminao aho!"





Inty i Zulma fony mbola zazavavikely. Eo amin'ny an-kavanana ny sariny amin'izao fotoana izao miaraka amin'ny vadiny, dia ny Loholona Walter F. González ao amin'ny Fitopololahy.

Nitsidika fiangonana isan-karazany nandritra ny taona maro i Zulma sy Alberto. Taorian'ny fotoam-pivavahana iray dia hoy i Alberto hoe: "Nampianatra zavatra tsara io fiangonana io."

Nanaiky i Zulma, saingy mbola nahatsapa ihany izy ireo fa misy zavatra banga, ka dia nanohy nitady izy ireo.

Indray andro dia nihazakazaka haingana niakatra ny lalana mankao an-tranon'izy ireo i Alberto. "Hitako ilay fiangonana tadiavintsika!" Hoy i Alberto. Nofihininy mafy i Zulma.

Nibaliaka ny mason'i Zulma. "Aiza? Ahoana no nahitanao azy?"

"Nihaona tamin'ny misiônera avy ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny namako," hoy i Alberto. "Nihaino azy ireo aho, dia inoako ny zavatra nampianariny!"

Faly ery i Zulma sy i Roberto ka dia nandihy manerana ny trano. Saingy taorian'izay dia nahazo vaovao ratsy i Zulma. Tsy tian'i Neny hihaona tamin'ny misiônera izy. "Vao 12 taona monja ianao," hoy i Neny. "Mbola kely loatra ianao."

Noho i Alberto efa lehibe kokoa dia navela nanohy nihaona tamin'ny misiônera izy. Herinandro vitsivitsy taty aoriana dia natao batisa izy.


Nanontany an'i Neny foana foana i Zulma raha afaka mianatra amin'ny misiônera izy. Nanaiky ihany i Neny nony farany.

Rehefa nampianatra an'i Zulma ny misiônera dia nahatsapa hafanana tao am-pony izy. Sahirana tokoa ny iray tamin'ireo misiônera tamin'ny fitenenana amin'ny teny Espaniôla, saingy tsy nampaninona izany. Ny nanan-danja dia ny zavatra tsara tsapan'i Zulma. Rehefa nianatra momba an'i Joseph Smith sy ny Bokin'i Môrmôna izy dia fantany fa nahita ny fahamarinana izay notadiaviny izy!

Naniry ny hatao batisa i Zulma. Fa inona indray izao no holazain'i Neny? Faly ery i Zulma rehefa nanaiky i Neny! Tamin'ny andron'ny batisany dia nanao fitafy fotsy ranoray i Zulma. Fantany fa tia azy Andriamanitra. Fantany fa nahafantatra azy Izy. Ary fantany fa nanampy azy hahita ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny Izy! ●



SARY NATAON'I SCOTT WAKEFIELD



# Ny Fahitana Voalohany


*Maneho fanajana* ♩ = 68


Tonony sy feony an'i Nathan Howe




© 2020 by Nathan Howe. All rights reserved.
Ity hira ity dia azo adika raha sendra ampiasaina ao am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao hitadiavam-bola.
Tsy maintsy avoaka eo amin'ny tahadika tsirairay izay atao ity fanamarihana ity.

SARY NATAON'I SARAH KEELE






G Em F♯m Bm Em7 A7 D
teo no hai - ny f'I - lay Ray ma - nam - py tsy mba ma-navaka.
me - rina in - dray ny fi - la - zan - tsar(a) hoan - tsi - ka e - ty. Ni - va - vaka
an - tso mpa - mi - na - ny mba hi - ta - rika ahy sy ia - nao.
D Em F♯m Em Bm
izy ka no - va - lia - na, Maha-fan-tatr(a) az(y) ny Ray syi Je -
A D G A D G
soa. Mi - va-vak(a) aho, tia ahy ny Ra - y Ary
Em A D G D
mihai-noahy toyi - zany koa.

# Fiarahabana avy ao amin'ilay Ala kely masina!









1

Fony i Joseph Smith 14 taona, dia nipetraka tao amin'ny trano iray vita amin'ny vatan-kazo tao New York, Etazonia izy. Nanana rahalahy dimy sy anabavy telo izy. Nankatò ireo ray aman-dreniny izy ary nifankahazo tsara tamin'ny hafa. Namaky ny Baiboly niaraka tamin'ny fianakaviany izy, saingy tsy nitovy ny fiangonana nivavahan'izy ireo.




2

Tia miasa mafy i Joseph. Nanampy tamin'ny fanapahana hazo izy mba hahafahan'ny fianakaviany mamboly. Nanampy ny fianakaviany nanangona rano misy tsiro avy amin'ny hazo erabla koa izy mba hanaovana siramamy.





**Amin'ity volana ity dia mitsidika ny toerana nitrangan'ny Fahitana Voalohany 200 taona lasa izay izahay, mba ho fankalazana ny Famerenana amin'ny laoniny!**



**3**

Naniry ny hitady fiangonana tahaka ilay iray ao amin'ny Baiboly i Joseph. Indray andro dia nandeha tany anaty ala kely iray izy ary nivavaka. Niseho taminy Andriamanitra Ray sy i Jesoa. Nilaza taminy Izy Ireo fa voavela ny helony. Nilaza ihany koa Izy Ireo fa tsy misy tokony handehanany amin'ireo fiangonana. Vetivety foana dia ho tafaverina amin'ny laoniny ny Fiangonan'i Jesoa!



**4**

Maro ireo olona nihomehy an'i Joseph noho ny zavatra hitany. Nolazain'izy ireo fa noforoniny fotsiny izany. Saingy nanohy nilaza ny marina i Joseph. Hoy izy hoe "Nahafantatra izany aho, ary nahafantatra aho fa nahafantatra izany Andriamanitra, ary tsy afaka mandà izany aho" (Joseph Smith—Tantara 1:25).

**5**

Amin'izao fotoana izao dia afaka mitsidika ilay faritra nivavahan'i Joseph ny olona. Kanto sy tony ery izany.



## Mipetraka any amin'ny toerana naha-lehibe an'i Joseph ireto ankizy ireto!



Fantatro fa ny Ala kely masina dia toerana miavaka satria nivavaka i Joseph Smith dia nahita ny Ray any An-danitra sy i Jesoa tao.

**Piper D., 5 taona, New York, Etazonia**



Feno fankasitrahana aho fa mipetraka eo akaikin'ny tranon'i Joseph Smith izahay. Tiako ny mankeo amin'ny Tranobe Grandin misy ny fanontana printy. Tiako ery ny mahita ny toerana nanambaran'izy ireo ny tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna voalohany.

**Roscoe B., 9 taona, New York, Etazonia**

**Misaotra niaranitsidika ny Ala kely masina taminay. Amin'ny manaraka indray!**



SARIN'ANKIZILAHY NALAIN'I JULIE POULSON; SARY NATAON'I KATIE MCDEE

# Ny fianakaviana mandrakizain'i Alonso

**Nosoratan'i Marissa Widdison**
Gazetibokin'ny Fiangonana
(Niainga tamin'ny tantara marina)




*"Satria ao no hamehezana ny fianakavianay"* (Bokin-kiran'ny ankizy, *99*).

"Ny Paska dia fotoana tsara hieritreretana momba an'i Jesoa sy hahatsiarovana ny Fitsanganany tamin'ny maty," hoy Rahavavy Rojas. Nihazona sarin'i Jesoa Kristy izy. "Noho i Jesoa Kristy dia afaka ny ho velona indray ny olona efa maty."

Nitraka i Alonso rehefa nilaza izany ny mpampianatra azy tao amin'ny Kilonga. *Midika ve izany fa afaka ny hahita indray ny ray aman-dreniko aho?* Nanontany tena i Alonso.

Efa maty taona maro lasa i Neny. Tsy dia tadidin'i Alonso tsara izy saingy tiany ny mijery ny sariny. Dia maty koa i Dada.

Mipetraka any amin'i Abuela renibeny i Alonso amin'izao fotoana izao. Nampianariny azy ny momba ny fiangonany, dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Hatao batisa sy horaisina ho mpikambana izy ny taona manaraka rehefa ampy taona.

Nihazona sarina tranobe fotsy iray rahavavy Rojas avy eo. "Ny tempoly no fanomezana iray hafa mahatalanjona avy amin'i Jesoa. Iray amin'ireo tempoly any Chili ity."

Nojeren'i Alonso ilay sarivongana volamena teny amin'ny tampon'ilay tranobe. Tena tsara tarehy ilay izy! Nanontany tena ny amin'ny zavatra mitranga ao anatin'izany izy.



"Ny tempoly dia toerana izay hamehezana miaraka ireo fianakaviana mba haharitra mandrakizay," hoy rahavavy Rojas. "Tao amin'io tempoly ao Santiago io no namehezana ahy sy ny ray amandreniko taorian'ny naha-mpikambana ny Fiangonana anay. Noho izahay nofehezina dia afaka ny hiaraka amin'izy ireo na dia aorian'izao fiainana izao aza aho."

Tena faly i Alonso rehefa naheno izany. "Afaka ny hofehezina amin'ny ray aman-dreniko koa ve aho?" hoy izy nanontany. "Na dia efa maty aza izy ireo?"

Naneho eny tamin'ny lohany rahavavy Rojas. "Eny! Anisan'ny antony iray maha-manan-danja tokoa ny tempoly izany. Mitahy ny olona rehetra ao amin'ny fianakaviantsika izany, tafiditra ao anatin'izany ireo izay efa nodimandry."

Nieritreritra foana mikasika ny tempoly i Alonso mandra-pahatapitr'ilay andro. Nangatahiny mba hampianatra azy bebe kokoa i Abuela. Niresaka mikasika ireo akanjo fotsy hanaovan'ny olona ao anatin'izany sy ireo zava-kanto tsara tarehy eny amin'ny rindrina izy.

"Fa ny tena tsara indrindra dia ao no ahafahanao ho voafehy amin'ny ray aman-dreninao," hoy i Abuela. "Hangataka olona roa avy ao amin'ny paroasy isika mba hijoro eo amin'ny toeran'izy ireo mandritra ilay famehezana."

"Azo atao rahampitso ve izany?" Hoy i Alonso nanontany. "Te hiaraka amin'i Dada sy i Neny mandrakizay aho?"

Nitsiky i Abuela. "Faly aho fa te handeha ho any ianao," hoy izy. "Saingy any Concepción no tempoly akaiky indrindra. Tsy manana vola ampy hividianana tapakila handehanana fiara fitateram-bahoaka isika."

"Hanampy amin'ny fanangonam-bola hanaovana ilay dia aho!" Hoy i Alonso.

Nanomboka tamin'izay isaky ny mahita vola madinika eny an-dalana na manana fahafahana hahazoana vola i Alonso dia mandoa fahafolonkarena izy ary avy eo ampidiriny ao amin'ny kitapombola ho an'ny tempoly ny ambiny.

Volana maro taorian'ny fanangonam-bola dia nanana vola ampy ihany i Alonso sy i Abuela hanaovana ilay dia mankany amin'ny tempoly. Nangataka an-drahalahy sy rahavavy Silva izy ireo mba hiaraka amin'izy ireo. Nandeha nandritra ny fotoana maharitra tamin'ny fiara fitateram-bahoaka nankany Concepción izy ireo ny andro nanaovana ilay dia. Efa hody ny masoandro raha nahita zavatra toy ny volamena teny lavidavitra i Alonso.

"Mahita ny anjely Môrônia aho!" Hoy i Alonso nanondro ilay sarivongana teny amin'ny tampon'ilay tafo boribory miloko manga an'ny tempoly.

Nipetraka tao amin'ny trano fonenana iray teo akaikin'ny tempoly izy ireo nandritra ny alina. Niditra ny tempoly vao voalohany indrindra i Alonso ny ampitson'izany. Nahita sarin'i Jesoa Kristy lehibe iray izy. Nanao akanjo fotsy izy sy i Abuela. Nahatsapa fifaliana sy fiadanana izy.

Rehefa tonga ny fotoana hanaovana ny famehezana dia niditra ilay efitrano tsara tarehy nahitana fitaratra maro teny amin'ny rindrina i Alonso. Nasehon'ny mpiasa iray ao amin'ny tempoly an'i Alonso, sy i Abuela ary andry Silva mivady ny fomba fandohalihana manodidina an'ilay latabatra miavaka antsoina hoe alitara. Voafono ravindamba malefaka izany.

Nisolo tena ny ray sy ny renin'i Alonso ny Rahalahy sy Rahavavy Silva. I Abuela dia nisolo tena ny anabavin'i Alonso izay maty talohan'ny nahaterahan'i Alonso.

Naka sary an-tsaina an'ilay fianakaviany rehetra tafaraka i Alonso teo am-panakimpiana ny masony.

*Tsy andriko izay ahitana azy ireo indray,* hoy i Alonso tany an-tsainy. *Feno fankasitrahana aho fa afaka hiaraka mandrakizay ny fianakaviana!* ●



SARY NATAON'I MARK JARMAN



**Nosoratan'i Joy D. Jones**
Filohan'ny Kilonga maneran-tany

# IANAO sy ny tempoly




SARY NATAON'I JARED MATTHEWS

Talohan'ny namerenana tamin'ny laoniny ny Fiangonana dia nino ny olona fa raha misy olona maty ao amin'ny fianakaviany kanefa tsy vita batisa, dia tsy ho hitan'izy ireo intsony izy ireny. Saingy noho ny Famerenana amin'ny laoniny dia azo atao batisa ho azy ireo any amin'ny tempoly isika. Afaka ny hofehezina miaraka mandrakizay isika!

Toa an'i Joseph Smith, dia efa voafidin'ny Ray any An-danitra ihany koa ianao mba hanao asa manan-danja eo amin'ny fiainanao. Azo atao any amin'ny tempoly ny sasany amin'izany asa izany. Azonao angonina ny anaran'ireo razambe izay tsy vita batisa fony izy ireo niaina teto an-tany. Ary rehefa avy mandray fahazoan-dalana hidirana ny tempoly ianao dia afaka mankany amin'ny tempoly mba hatao batisa ho azy ireo.

Rehefa manao ity asa ity ianao dia mivavaha amin'ny Ray any An-danitra mba hitarihany anao. Afaka manampy anao koa ireo razambenao. Ho fitahiana lehibe sy masina ho anao sy ho azy ireo tokoa izany!

Mety tsy afaka hanao asa atao any amin'ny tempoly ny sasany aminareo amin'izao fotoana izao, fa ho afaka ianareo indray andro any. Tsarovy mandrakariva fa zanak' Andriamanitra ianareo. Tiany tanteraka ianareo.

Henoy ny bitsiky ny Fanahy Masina dia miomàna hankany amin'ny tempoly indray andro any. Ny fanaovana izany dia hanampy anareo hanorina fiainana mahatalanjona ho anareo manokana sy ho an'ireo fianakavianareo tany aloha sy ankehitriny ary ho avy. Hanampy anao ny Tompo rehefa manao ny asany ianao. Iray amin'ireo fanahy mahery fo indrindra izay Azy ianao. ●



Zanaka malalan' Andriamanitra ianao izay fantany ary tiany. Fantatr' Andriamanitra i Joseph Smith. Marina koa izany mahakasika anao. Fantatr' Andriamanitra ianao.

Loholona Dale G. Renlund ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo
Notsoahina avy tamin'ny "The Blessing of the Restoration for You," *Liahona,* feb. 2020, 52.

SARY NATAON'I APRYL STOTT

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

# Ry ray aman-dreny malala,

Tany am-piandohan'ny lohataonan'ny taona 1820, dia nivavaka ary nahita ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy i Joseph Smith. Miresaka momba izany fotoana miavaka izany ity gazetiboky ity. Ireto misy pejy vitsivitsy tsara jerena:

- Misy sary maneho tantara izay milaza ny mahatonga ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny ho anisan'ny ao anatin'ny drafitr' Andriamanitra (N4–10).
- Milaza ny fomba ahafahantsika mitondra fanampiana amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filoha Nelson (N2).
- Misy hira iray vaovao izay mampianatra momba ny Fahitana Voalohany (N16–17).
- Misy tantara iray izay mampianatra ny fomba ahafahan'ny Famerenana amin'ny laoniny mitahy ny fianakaviantsika (N20–21).

Tsy mahafinaritra ve izany hoe afaka ny ho isan'ny mpikambana ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izany isika? Ndeha hozaraintsika amin'izao tontolo izao ny vaovao mahafalin'i Jesoa sy ny Fiangonany!
Arahabaina tratry ny Paska,
*Namana*

## AHOANA NO FOMBA HANDEFASANA NY ASA TANAN'NY ZANAKAO NA NY ZAVATRA NIAINANY ANY AMIN'NY *LIAHONA*

Midira ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org ary tsindrio ny "Submit an Article or Feedback." Na mandefasa email amin'ny liahona@ChurchofJesusChrist.org miaraka amin'ny anaran'ny zanakao, ny taonany, ny tanàna ipetrahany ary ity fanambarana fanomezan-dalana ity: "Izaho, [ampidiro ny anarana], dia manome lalana Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany mba hampiasa ny zavatra nalefan'ny zanako any amin'ny gazetibokin'ny Fiangonana, sy any amin'ireo tranonkalan'ny Fiangonana ary any amin'ireo sehatry ny tambazotran-tserasera sy izay mety ho fitaovana hafa ampiasain'ny Fiangonana." Tsy andrinay ny handrenesana vaovao avy aminareo!



**Tadiavo ilay Liahona miafina ato!**

## VOTOATINY


**N2** Avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Mitondra fanampiana amin'ny Famerenana amin'ny laoniny
**N4** Naverina tamin'ny laoniny ny Fiangonan'i Jesoa Kristy!
**N11** Zavatra mahafinaritra: Tadiavo!
**N12** Pejy holokoina
**N14** Fiangonana ho an'i Zulma
**N16** Hira: Ny Fahitana Voalohany
**N18** Fiarahabana avy ao amin'ilay Ala kely Masina!
**N20** Ny fianakaviana mandrakizain'i Alonso
**N22** Ianao sy ny tempoly
**N23** Hevitra Tsara


© 2020 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ALL RIGHTS RESERVED

MALAGASY
4 02167 19654 9